# NY NIANDOHAN'IREO SHIITA

**Solaimana: Ahoana ary tamin'ny oviana no nanomboka nisy ireo Shiita? Moa ve taorian'ny nahafatesan'ny Mpaminany (s.a.w.s) sy taorian'ny filankevitr'i Saqifah Bani Saada izay nahalany ny handimby an'ny Mpaminany (s.a.w.s)? Moa ve vokatry ny tsy fifanarahana nisy teo amin'i Ali (Karam Allaho wajhahoo) sy Moawiya? Sa noho ny famonoana an'i Imam Houssain (a.s) tao Karbala no nanomboka nampisy izany? Sa fotsiny satria nisy tsy fifanarahana teo amin'ireo mpanaradian'ny Mpaminany (s.a.w.s) no nahatonga ireo Shiita nanapa-kevitra ny hisaraka amin'ireo vahoaka mpino silamo?**

**Ja'far:** Hadisoana ny fijerena ireo Shiita ho toy ny antoko iray nisaraka tamin'ny fototra lehiben'ireo Silamo noho ny olana tsy misy antony, tahaka ilay fisian'i Abdoullah Ibn Saba tsy mari-pototra. Ny teny hoe ''Shia'' dia nampiasaina ho filazana ''partisan na assistant". Ny Shiisma dia sekoly ideolojika mifototra amin'ireo fampianaran'ny Mpaminany Masina (s.a.w.s). Izy dia manoro ihany koa ny fototra tokony ho arahina aorian'ny fahafatesan'ny Mpaminany Masina (s.a.w.s). Dia handao izao tontolo izao ve ny Mpaminany masina (s.a.w.s) nefa tsy hametraka toromarika mazava amin'ny toro-lalana tokony hizoran'ireo vahoaka silamo? Raha fehezina izany, dia nisy fomba fijery anankiroa nitranga taorian'ny nahafatesan'ny Mpaminany (s.a.w.s). Ny voalohany dia ny fanendren'ny

Mpaminanin'Andriamanitra ny Kalifany araka ny fampianaran'Andriamanitra, ary ny faharoa kosa, dia ny fifidianan'ny vahoaka ny olona mendrika ho Kalifàn'ny Mpaminany (shoura). Ireo lafiny roa tsy mitovy ireo dia niteraka fisarahana teo amin'ny vahoaka Silamo. Ny sasany nanaraka ny voalohany, fa ny ambiny kosa nisafidy ny faharoa. Karazan'olana maro no niseho teo anivon'izay nisafidy ny lafiny faharoa. Ny sekolin-kevitra Shi-ita dia voailika ka tsy nahazo vahana teo amin'ny vahoaka. Ireto farany (ny Shi-ita) dia nino anefa fa ny Mpaminanin'Andriamanitra (s.a.w.s) dia nampahafantatra matetika izay handimby azy. Na ny anaran'i Imam Ali (a.s) aza dia notononiny ary nanome baiko ireo vahoaka izy mba hanaraka ny Ahloul Bayt (a.s). Ankoatr'izany, efa fantatsika fa ny fandrindrana atao hoe Shoura dia manambara ny fahalanian'ny Kalifa amin'ny alalan'ny vahoaka maro an'isa amin'ny fifidianana. Izao, dia ho jerentsika ny hoe maninona ireo Shi-ita no manohana ilay lafiny voalohany?

**Solaimana: Alohan'ny hanombohana, moa ve azonao tenenina ahy hoe maninona ny Shi-ita no vitsy an'isa noho ny Sounnita raha toa ka amin'ny lalana mahitsy ry zareo (Shi-ita)?**

**Ja'far:** Na ny Kor'any masina, na ny saina tsy misy milaza fa ny vitsy an'isa dia diso lalana. Ireto andininy voalaza ao amin'ny Kor'any ireto dia manambara fa ny ankamaroan'ny vahoaka dia ao anatin'ny fahaverezana! ''…Fa ny ankamaroan'ny olombelona dia tsy mahay mankasitraka.'' (Sourat Baqarah 2:243) ''…Fa ny ankamaroan'ny olombelona dia tsy mahalala izany.'' (Sourat

Araaf 7:187) ‘’…Fa ny ankamaroan’ny vahoaka dia tsy mino.’’ (Sourat Houd 11:17) ‘’…Ary zara raha mahatsiaro an’Andriamanitra izy ireo.’’ (Sourat Nisa 4:142) ‘’…ary tsy dia mahay mankasitraka loatra ianareo!’’ (Sourat Araaf 7:10) ‘’…Hany ka zara raha mino izy ireo.’’ (Sourat Nisa 4:155)

**Solaimana: Moa ve tsy mavesa-danja ny fanendrena ny Kalifa aorian’ny fahafatesan’ny Mpaminany masina ?**

**Ja’far:** Eny, mavesa-danja tokoa izany. Moa tsy hitantsika ve fa ny mpanjaka iray na ny mpitondra iray dia manondro izay hisolo azy mandritry ny tsy maha eo azy ary manendry izay handimby azy alohan’ny fahafatesany? Noho izany, mahagaga ve raha toa ka ny Mpaminanin’Andriamanitra (s.a.w.s) izay nalefa hitarika ny olombelona hatramin’ny andro farany no mba manendry koa izay handimby azy?

**Solaimana: Fa ny Mpaminany anie namela ilay fomba antsoina hoe filan-kevitra (Shoura) amin’ny fifidianana ny Kalifa.**

**Ja’far:** Azo ekena sy mari-pototra ihany ny filankevitry ny Shoura raha toa ka tsy nisy fanazavana mifandray amin’ny torolalan’ny Oummat ao anatin’ny Kor’any sy ireo teny ary fomba amampanao. Nefa kosa, ny Kor’any, ny Hadith ary ny saina dia manaporofo fa ny Mpaminanin’Andriamanitra (s.a.w.s) dia tsy nanazava mihitsy ny antsipirian’ny Shoura. Ananantsika ihany koa ny ohatra nataon’ireo mpanaradian’ny Mpaminany masina (s.a.w.s) izay nanao fihetsika hafa tokoa raha oharina amin’ireo Silamo sasany (tsy nampiasa ny Shoura izy ireo). Ankoatr’izany,

ny filan-kevitra “Shoura” dia tsy natao hifidianana ny Kalifa. Ny Shoura dia nivoaka taty aoriana kely. Tsy misy, na andininy iray ao amin’ny Kor’any na hadith iray manamafy ny Shoura. Ireo Kalifa marina dia tsy mba nanonona mihitsy ny andinin’ny Shoura ho fanamafisana ny fitondrany. Ny fomba nampiasaina ho fifidianana ny Kalifa faharoa dia hafa tanteraka amin’ny an’ny Shoura. Ankoatr’izany, tsapan’i Oumar Ibn Khattab izany toe-javatra mifamaofao sy mampidi-doza izany, antony izay nahatonga azy naneho fa Saqifa dia loza tsy nampoizina. Ary i Tabari dia nitatitra fa i Abou Bakr no nanambara fa tamin’ny fotoana nahafatesan’ny Mpaminany masina (s.a.w.s) dia mbola vao fotoana kely no nialan’ny olona tao anatin’ny Jahiliya. Ka mbola azo lazaina hoe vaovao sy vao niditra ny finoana Islamo Izy ireo. Ary ireo namako dia nanery ahy hanaiky ny fitondrana (kalifa). (Sharh Nahjoul Balagha an’i Ibn Abil Halide)

**Solaimana: Inona ary araky ny eritreritrao ny fomba nampianarin’ny Mpaminanin’Andriamanitra (s.a.w.s) amin’ny fifidianana ny Kalifa?**

**Ja’far:** Araka ireo Shi-ita, ny vahoaka tsy afaka mifidy Kalifa ary tsy ilainy koa ny mifidy izany, satria inoantsika fa ny Mpaminany masina (s.a.w.s) dia nanendry olona iray amin’izany toerana izany noho ny baiko avy amin’Andriamanitra. Olona iray izay manana toetra mendrika sahaza ny toerana mpandimby ny Mpaminany masina (s.a.w.s) ary hitarika ireo vahoaka sy hiaro ny finoana. Io olona io no lehibe ara-pinoana sy mpitarika mpandimby toerana.

**Solaimana: Iza ary izany olona manankaja izany ? Moa ve Mpaminany iray hafa taorian'ny Mpaminany farany Mohammad (s.a.w.s) izy ?**

**Ja'far:** Tsia, mianiana amin'Andriamanitra aho! Tsy Mpaminany akory izy fa Imam. Nanana ireo toetra rehetra nananan'ny Mpaminany izy afa-tsy ny faminaniana. Izy ilay nampiseho ireo porofo tsy azo lavina. Tsy nisy afa-tsy i Ali Ibn Abi Talib (a.s). Izy no Silamo voalohany, sady mpiady maheri-fo voalohan'ny finoana Islamo. Nahirany teo anatrehan'ny Mpaminany (s.a.w.s) ny masony ary nihalehibe teo ambanin'ny fiahiany izy. Ny Mpaminany masina (s.a.w.s) dia tsy nidera olon-kafa toy ny nataony tamin'i Ali (a.s). Nambaran'ny Imam Ali (a.s) tamin'ny iray amin'ireo toriteniny hoe, nanao ahoana ny nitaizana azy sy nikarakaran'ny Irak'Andriamanitra (s.a.w.s) azy. Ity manaraka ity dia sombiny avy amin'i Nahjoul Balagha : "Ary fantatrareo tokoa ny toerana misy ahy amin'ny maha fianakaviana akaiky ahy sy ireo fifandraisako manokana amin'ny Mpaminanin'Andriamanitra (s.a.w.s), ho eo aminy sy ny taranany anie ny fiadanana sy ny fahasoavan'Andriamanitra. Fony aho mbola zaza, dia izy no niandraikitra ahy. Nanana fahazarana nitrotro ahy izy sy nampatory ahy teo akaikiny teo ambony fandriany, nanakaiky ahy izy mba hahenoako ny fofony. Nanana fahazarana mitsakotsako zavatra izy ary mamahana ahy amin'izany. Tsy mba nahita lainga izy tamin'ny teny nolazaiko na fahalemena tamin'ny asa izay nataoko. Hatrany am-piandohana, dia nandefa anjely matanjaka Andriamanitra mba hanaraka azy sy hitarika azy hanana toetra tsara sy fitondra-tena mendrika

andro aman'alina, nandritra ny fanarahako azy toy ny rameva kely manara-dia an-dreniny. Isan'andro, dia nasehony ahy toy ny faneva matoky ireo fahamendrehany ary nibaiko ahy izy mba hanaraka azy ireo. Isan-taona dia nanana fahazarana nandeha irery teny amin'ny vohitra Héra izy izay tsy nisy olo-kafa nahita azy afa tsy ny tenako irery. Tamin'izany fotoana izany, ny finoana Islamo dia mbola tsy nisy tany amin'ny tokan-trano hafa afa-tsy ny an'ny Mpaminanin'Andriamanitra (s.a.w.s) irery ihany, fiadanana sy fahasoavan'Andriamanitra anie ho aminy sy ny taranany, tamin'io fotoana io, izaho dia fahatelo taorian'ny Mpaminany sy Khadijah. Hitako sy nodinihiko ny zavaniseho tamin'ny fanambarana sy ny hafatra avy amin'Andriamanitra ary niainako ny fofon'ny faminaniana. Rehefa misy fanambarana midina amin'ny Mpaminanin'Andriamanitra (s.a.w.s) (fiadanana sy fahasoavana anie ho aminy sy ireo taranany), henoko ilay fitaraindrainan'ny Satana. Nanontany aho, Ô Ry Mpaminanin'Andriamanitra (s.a.w.s), inona izany fitaraindrainana izany ? namaly izy hoe : Izany dia i Satana izay very fanantenana tanteraka amin'ny fanompoana azy. Ô ry Ali! Hitanao daholo izay hitako, ary henonao daholo izay henoko, saingy ianao dia tsy Mpaminany, fa mpitantana lefitra ary tsy isalasalana fa amin'ny lalan'ny fahatsarana ianao". (Nahjoul Balagha- Sermon n°192)

**Solaimana: Ny tianao ambara ve dia hoe, mamintina sy milaza ilay resaka Imamat izany. Moa ve nifarana tamin'ny fanendrena an'i Imam Ali izany ?**

**Ja'far:** Tsia, ny Imamat dia tsy voafaritra ho an'ny olona iray, ny Imam Ali (a.s), ary tsy nifarana tamin'ny famonoana azy. Ny Imamat dia finoana amin'ny fitohizan'ny Imam roa ambin'ny folo (12) toy ny nambaran'ny Mpaminany (s.a.w.s). Izy ireo dia samy Houjjat (porofo) avokoa ary manamarina ny Imam (a.s) teo aloha.

**Solaimana: Na dia izany aza, izahay Ahlou Sounnat, mino fa ny mpandimby an'ny Mpaminanin'Andriamanitra (s.a.w.s) dia i Abou Bakr (r.a). Anisan'ireo hatsarana vitany, ny fanampiana ny finoana Silamo teo ampiandohana tamin'ny alalan'ireo fananany sy ny tenany. Nahazo voninahitra sy voafidy hanaraka ny Mpaminany (s.a.w.s) tany anaty lava-baton'i Hera koa izy. Kanefa ny Imam Ali (a.s) dia tsy nahazo izany voninahitra izany. Tsy asianay fanavakavahana anefa ny amin'ireo olona manan-kaja roa ireo (i Abou Bakr sy i Ali). Manaja azy roa ireo izahay.**

**Ja'far:** Anisan'ny hadisoana lehibe, ny mampitovy ny fahasamihafana eo amin'ny Sounnita sy Shi-ita amin'ny tsy fitovizan-kevitra arak'ilay hoe, ny Kalifa ara-dalàna dia i Abou Bakr sa i Ali ?

**Solaimana : Satria nahoana ?**

**Ja'far :** Ny zava-dehibe amin'izany raharaha izany dia ny fahafantarana raha toa ka mahavita manapa-kevitra samirery ireo vahoaka amin'ny hoe, iza no tokony handimby an'ny Mpaminanin'Andriamanitra (.s.a.w.s) ? Na ny Mpaminany ihany no manapaka ny amin'izany amin'ny alalan'ny baiko avy

amin'Andriamanitra sy ny Kor'any masina? Araka izany, ny Ahlou Sounnat dia mino fa anjaran'ny vahoaka no misafidy. (Amin'ny alalan'ny fomba Shoura sa amin'ny karazana filan-kevitra hafa). Ary dia nifidy an'i Abou Bakr (r.a) izy ireo izay nanendry koa avy eo an'I Oummar Ibn Khattab (r.a). I Oumar Ibn Khattab dia nanendry vaomieran'olona miisa enina mba hifidy Kalifa iray amin'izy ireo. Niteraka fifanoherana teo amin'izy ireo izany ary nahatonga ny fahafatesan'i Ousman. Vokatr'izany, dia nanendry an'i Ali (as) ny vahoaka izay nanendry ny zanany lahy Hassan (a.s) ho mpandimby azy. Natolon'i Hassan (a.s) an'i Mouawiya ny fahefany izay nanendry ny zanany lahy Yazeed. Izany dia nitohy hatramin'ny fiafaran'ny taranak'i Oummayad, avy eo ny taranak'i Abbasid.

**Solaimana: Inona no eritreretin'ireo Shi-ita ?**

**Ja'far:** Ireo Shi-ita dia mino fa ny Mpaminanin'Andriamanitra (s.a.w.s) dia nanendry ireo mpandimby azy, izay miisa roa ambin'ny folo, amin'ny baiko avy amin'Andriamanitra ary nifandimby izy ireo. Ny voalohany tamin'izy ireo dia i Ali Ibn Abi Talib (a.s) ary ny farany dia i Mohammad ibn Hassan al-Askari, Al-Mahdi, al-Mountazar (ilay andrasana fatratra). Enga anie mba hafainganin'Andriamanitra ny fisehoany! Kanefa, ireo toe-javatra nitranga taorian'ny nahafatesan'ny Mpaminany masina (s.a.w.s) dia tsy nahafahana nanangana lalàna fototra feno mikasika ny Imamat (izay raha ny marina dia mamehy ireo endriky ny finoana sy ny fotoana andalovana).

**Solaimana: Ireo Sounita dia mino ny Kalifa fa ireo Shi-ita kosa dia mino ny Imamat. Kanefa, efa tapitra ny fotoana nitondran'ny Silamo, ary izany toe-javatra taloha izany dia tsy misy intsony. Nahoana ary ireo Shi-ta no mifikitra mafy amin'ny finoana ny Imamat?**

**Ja'far:** Tsy voatery ho mpitondra ireo mpino Silamo ny Imam, fa ilaina kosa izy mba hitarika ireo vahoaka araka ny Kor'any sy ny Hadith.

Tsy maintsy mitarika ireo vahoaka amin'ny tena finoana an'Andriamanitra izy, izay mifanaraka amin'ny tanjona nahariana ny olombelona. Ilaina ny fankatoavana ny didin'ireo Imams (a.s). Izy ireo dia mpitantana lefitry ny Mpaminany masina (s.a.w.s) toy an'i Harona (a.s) izay mpitantana lefitry ny rahalahiny, ny Mpaminany Mosa (a.s). Tahak'izany koa ny Mpaminany Issa (a.s) izay nanana mpianatra roa ambin'ny folo, ary ny Mpaminany Mosa (a.s) izay nanana mpitarika roa ambin'ny folo, ny Mpaminany farany Mohammad (s.a.w.s) dia nanana ihany koa, mpandimby roa ambin'ny folo izay avy amin'ny taranany avokoa.

**Solaimana: Ny Mpaminany dia nilaza mazava tamin'ireo vahoaka ny momba ireo mpandimby azy. Moa ve afaka mba homenao ohatra vitsivitsy momba izany aho ao amin'ny Kor'any masina sy amin'ireo fomba amam-panaon'ny Mpaminany?**

**Ja’far:** Tena faly tokoa aho ny hanao izany. Voalohany, dia handeha ho tanisaiko ireo porofo maromaro avy ao amin’ny bokin’Andriamanitra.

**POROFO VOALOHANY:** Ny andinin’ny fampitandremana. ‘’Ary ampitandremo ireo havanao akaiky ‘’ (Sourat As-shou’ara**,** 26 : 214)

Araka ny fomba amam-panao, rehefa voalaza ity andininy etsy ambony ity, dia nobaikon’Andriamanitra ny Mpaminaniny (s.a.w.s) mba hanasa ireo fianakaviany akaiky rehetra mba hanaraka ny finoana Islamo. Noasainy ireo havany akaiky ka hoy izy tamin’izy ireo : ‘’N’iza n’iza aminareo manaiky ny hiaraka amiko amin’ity raharaha ity dia ho rahalahiko, mpandimby ahy ary mpitantana lefitro.’’ Nangina daholo ny rehetra, fa i Ali (.a.s) irery ihany no nitsangana ka niteny hoe : ‘’Ny tenako dia hanampy anao, ry Mpaminanin’Andriamanitra!’’

Ka hoy ny Mpaminany (s.a.w.s), sady nanondro an’i Ali, nanao hoe : ‘’Izy no rahalahiko, mpandimby ahy sy Kalifako aminareo rehetra. Noho izany henoy izy ary ankatoavy.’’ Nitsangana ireo mpanatrika sady niteny ankanesoana tamin’ny Abou Talib nanao hoe : ‘’Izao izany dia tsy maintsy mihaino sy mankato ny zanakao lahy ianao.’’ (Tarikh Tabari )

**POROFO FAHAROA:** Ny andinin’ny Wilaya.

‘’ Eny, tsy misy sakaiza mpiahy anareo afa-tsy Andriamanitra, sy ilay

Irany, ary ireo izay mino, manatanteraka ny vavaka fanompoana (soalat),
manome ny harena fiantrana (zakat) eo am-pihondrehana..’’ (Sourat Al-ma-idah, toko 5, And.55)

Ireo Silamo rehetra dia nanaiky fa io andininy io dia milaza mikasika ny Imam Ali Ibn Abi Talib (a.s) rehefa izy nanolotra ny peratrany tamin’ny mahantra iray teo am-panaovana Roukou. Misy fanazavana maromaro ao amin’ny Kor’any manambara fa ny teny hoe ‘’innama’’ izay nampiasaina tamin’ny andininy etsy ambony dia milaza fa ny Wilayat, dia voalohany natokana ho an’Andriamanitra ilay Be indrafo, avy eo ho an’ny Mpaminany masina (s.a.w.s) ary fahatelo ho an’ny Imam Ali ibn Abi Talib (a.s). Tsy tafiditra ao anatin’izany ny rehetra ary tsy afaka ho raisina ao anatin’izany avokoa izay nanao asa fiantrana eo am-panaovana Roukou.

**POROFO FAHATELO:** Ny andinin’ny Fanadiovana.

‘’ Ny hanala ny fahalotoana aminareo no tadiavin’Andriamanitra, ry fianakavian’ny Mpaminany, ary ny hanadio anareo tanteraka.’’ (Sourat Al-ahzab 33:33)

Ireo Tafsir Shi-ita rehetra sy ny ankamaroan’ireo fanazavana Sounita dia manaiky fa io andininy masina io dia manambara mikasika ny Mpaminanin’Andriamanitra (s.a.w.s), i Ali Ibn Abi Talib (a.s), Fatimah Zahra (a.s), Hassan (a.s) sy Houssein (a.s), rehefa namory azy ireo ny Mpaminanin’Andriamanitra (s.a.w.s) ka nandrakotra lamba azy ireo, avy eo dia natsangan’ny Mpaminany (s.a.w.s) ambony ireo tanany ary nitalaho tamin’ilay

Avo indrindra izy nanao hoe : ‘’Andriamanitra Ô, izy ireto no taranako (Ahloul-bait), esory amin’izy ireo ny loto rehetra ary diovy tanteraka izy ireo.’’ Nodiovin’Andriamanitra ilay Mahefa ny zavatra rehetra tamin’izy ireo ny loton’ny fahotana rehetra. Tsy nisy io fanambarana io raha tsy nisy ny fahadiovana tanteraka tamin’ny Taranaky Mpaminany. Ny Mpaminany masina (s.a.w.s) dia lavitry ny hadisoana sy ny fahotana, noho ny toerany ambony misy azy amin’ny faminaniana. Mifanaraka amin’izany, ny taranany izay natao handimby azy amin’ny maha Imam azy ireo, dia voaaro ihany koa amin’ny fahotana rehetra. (Sounan Tirmidhi, vol. 2, Pejy. 308)

Misy ihany koa andininy maro miresaka momba io foto-kevitra io.

**Solaimana: Moa ve afaka milaza fanambarana vitsivitsy ianao mikasika ny Imamat?**

**Ja’fa :** Eny.

**Ny Hadith al-Manzilah sy ny fitantanana lefitra:**

Hoy ny Mpaminanin’Andriamanitra (s.a.w.s) tamin’i Ali (a.s) hoe: ‘’Moa ve tsy mahafaly anao ny fanananao toerana eo anatrehako mitovy amin’ny nananan’i Harona teo anatrehan’i Mosa (a.s), saingy ny mampiavaka azy fotsiny dia tsy misy Mpaminany intsony aoriako? Tsy mety amiko ny mandeha raha tsy mametraka anao ho toy ny mpandimby ahy.’’ (Seerah Ibn Hisham, vol III, Pejy. 520)

Indray andro, ny Mpaminany (s.a.w.s) nikarakara ny fandehanana ho any Tabouk, ka hoy izy tamin'i Ali (a.s) hoe : ''Ianao no mpiandry ireo mpino aoriako.'' (ibid)

Rehefa nanao ny fifanarahana amin'ny fampirahalahiana ny samy mpino silamo ny Mpaminanin'Andriamanitra, dia hoy izy nanao hoe : ''I Ali (a.s) dia rahalahiko ety an-tany sy any an-koatra, izy no mpitantana lefitro eo amin'ireo vahoakako sy mitovy amiko eo amin'ny Oummatiko. Izy no mpandova ny fahalalako ary mpitsara eo amin'ny finoako…'' (Siirah Ibn Hisham, Vol I, Pejy. 123-126)

**Ny hadith Ghadir:**

Rehefa nilaza ampahibemaso tamin'ireo mpanao fivahinianana masina tao Ghadeer teo akaikin'ny mikaat an'i Johfa ny Mpaminany Mohammad (s.a.w.s) nanao hoe: ''Moa ve tsy manana fahefana bebe kokoa aho noho izay ananan'ireo mpino amin'ny tenan'izy ireo?'' Hoy izy ireo namaly:''Eny, anananao tokoa izany ry Mpaminanin'Andriamanitra (s.a.w.s)''. Avy eo dia natsangan'ny Mpaminany masina (s.a.w.s) ireo tanan'i Ali (a.s) ka nilaza izy hoe: ''N'iza n'iza mandray ahy ho maola-ny, dia indro i Ali fa maola-ny ihany koa. Ary n'iza n'iza mandray ahy ho mpiandry azy, dia indro i Ali fa mpiandry azy ihany koa. Andriamanitra ô! tiavo izay tia azy, ary mankahalà izay mankahala Azy.'' (Sahih Tirmidhi, vol. 2 pejy 298)

**Ny Hadith Thaqalayn:**

Hoy ny Irak'Andriamanitra (s.a.w.s) manao hoe : ''Zavatra roa no hapetrako ho anareo, raha fikirinareo tsara izany dia tsy ho diso lalana mihitsy ianareo. Ny iray amin'izy ireo dia manan-danja bebe kokoa noho ny anankiray… ny Bokin'Andriamanitra sy ny taranako, ny Ahloul-Bayt ko. Tsy hisaraka izy ireo mandra-pahatonga azy eo amoron'ny Kaothar. Nefa kosa, mitandrema ianareo amin'ny fomba fihetsikareo amin'izy roa ireo. (Al Ittihaaf bi Houbbil Ashraaf, pj 22)

**Ny Hadith Safina:**

Hoy ny Mpaminanin'Andriamanitra (s.a.w.s) manao hoe: ''Ny taranako dia sahala amin'ny sambofiaran'i Noah (a.s). Izay miditra ao aminy dia ho voavonjy fa izay manda kosa, dia ho maty an-drano. '' (Kanzoul Oummal, vol. 6, Pj. 216)

**Ny Hadith manamarina ny isan'ireo Imam (a.s):**

Hoy ny Mpaminanin'Andriamanitra (s.a.w.s) manao hoe: ''Ny finoana dia hitoetra mandra-pahatongavan'ilay ora na mandra-pitondran'ireo Kalifa roa ambin'ny folo avy amin'ny Koraish. ''

Amin'ny hadith hafa, dia misy tsy fitoviana kely, fa ny teny hoe ''KALIFA'' dia nosoloina tamin'ny hoe ''AMIR''. Misy fanambarana anankiray milaza toy izao: '' Ity Oummat ity dia hanana mpiandry roa ambin'ny folo avy ao amin'ny Koraish ka izay mieritreritra ny haniratsira azy ireo dia tsy hiteraka faharariana ho azy ireo mihitsy. Izany fahatsorana (hatsaram-panahy) izany dia tsy ho rava mandra-pitondran'ireo roa ambin'ny folo avy amin'ny

Koraish. Ary rehefa maty avokoa izy ireo, dia hatelin'ny tany ireo vahoaka ao aminy.'' ( Kanzoul Oummal, 13:27)

Ireo hadith izay voalaza etsy ambony dia milaza fa ireo Kalifa aorian'ny Mpaminany masina (s.a.w.s) dia hiisa roa ambin'ny folo. Ny isan'izy ireo dia tsy ho latsaka na hihoatran'ny roa ambin'ny folo. Raha jerentsika ny isan'ireo Kalifa teo amin'ny tantara, dia tsapantsika fa betsaka izy ireo raha oharina amin'ny tokony ho izy, na ny Kalifan'ny Bani Oumayya, na ny an'ny Kalifan'ny Bani Abbas. Ireo Imam roa ambin'ny folo avy amin'ny Ahloul bayt (a.s) ihany anefa no voafaritra amin'izany.

Fanampin'izany, ity hadith ity dia manambara fa ny isan'ireo Kalifa na Imam dia ho roa ambin'ny folo ihany, tsy mihoatra, tsy latsaka. Ny vanimpotoanan'izy ireo dia hanomboka aorian'ny fahafatesan'ny Mpaminany masina (s.a.w.s) ary haharitra hatramin'ny andro farany (Qiyamat). Izy ireo dia hiasa araky ny fahamarinana. Izany dia maneho fa ny halavan'ny andro iainan'ireo Imam roa ambin'ny folo ireo dia tsy tokony hifarana alohan'ny andro farany (Qiyamat). Ary izany tokoa ny zava-niseho. Eny fa na dia fohy aza ny halavan'ny andro niainan'ireo Imam (a.s) miisa iraikambin'ny folo, dia nomena fiainana maharitra sy lava ny Imam faharoa ambin'ny folo (a.t.f.s) hatramin'ny andro farany (Qiyamat).

Nilaza toy izao ihany koa ny Mpaminany masina (s.a.w.s): ''Izaho no lehiben'ireo Mpaminany ary i Ali Ibn Abi Talib no lehiben'ireo mpandimby. Ireo mpandimby ahy aoriako dia miisa roa ambin'ny

folo, ny voalohany amin'izy ireo dia i Ali Ibn Abi Talib ary ny farany dia i Mahdi.'' (Faraidous Simtain, Pg. 160)

Ny Mpaminanin'Andriamanitra ihany koa dia nanao izao fanamarihana manaraka izao: ''I Ali, Hassan, Houssein ary sivy amin'ireo taranak'i Houssein dia miaraka amiko, voadio tsy manao hadisoana.'' (Faraidous Simtain, Pg. 160)

Misy ihany koa hadith maro hafa mitovy amin'izany, ka raha tianareo ho fantatra, dia azonareo atao ny mamaky izany any anatin'ireo boky mirakitra ireo Hadith.

**Solaimana: Nefa, ny Ahlou Sounnat dia tsy manaiky ireo hadith ireo ho marina avokoa, fa misy amin'izy ireo no famoahan-kevitra avy amin'ireo mpitantara.**

**Ja'far:** Eny, marina izany. Nefa tsy izay hadith rehetra tahaka izao dia tsipahan'ireo Sounita avokoa. Ny sasany amin'izy ireo dia eken'ireo lalim-pahaizana, eny fa na dia tsy mora aza ny fanambarana izany amin'ny vahoaka. Eto dia tiako ny manome porofo vitsivitsy araka ny nangatahanareo, raha tsy izany, dia misy hevitra sy tranga maro manambara io hevitra io. Raha mila fanazavana misimisy ianareo dia afaka maka hevitra amin'ireo boky voatokana amin'izany.

**Solaimana: Nefa, tsy ny rehetra no afaka mijery ny bokin'ireo manam-pahaizana.**

**Ja'far:** Tsy ilaina ny famakiana ireo boky rehetra momba io foto-kevitra io. Ny finoan'ireo Shiita momban-ny Imamat dia tsy hoe

sarotra loatra ka tsy ho azon'ny vahoaka. Misy olona namorina fomba fijery ratsy ka mahatonga ny Shiita ho lasa antokom-pinoana (secte) vaovao, izay diso tanteraka. Ny fikasako dia ny hilaza ireo zava-dehibe nitranga izay mifandray amin'ny tanjon'ny adi-hevitra ifanaovantsika.

**Solaimana: Tsara izany. Ankehitriny, moa ve afaka manome ireo anarana sy fanazavana mikasika ireo Imam roa ambin'ny folo ianao izay lazainareo fa hoe mpandimby ny Mpaminany Masina (s.a.w.s)**

**Ja'far:** Eny ary, ireo Imam roa ambin'ny folo (a.s.) aorian'ny Mpaminanin'Andriamanitra dia voatsinjara toy izao:

## NY IMAM VOALOHANY

**Amiroul Mouminine Ali (a.s)**

Ray : Abou Talib ibn Abdoul Mouttalib ibn Hashim

Reny : Fatima bint Asad bin Hashim ibn Abd Manaf

Kounniyaat (Anaram-pianakaviana) : Abou-l-Hassan sy Houssein, Abou Tourab

Laqab (Anaram-boninahitra) : Al-Wasi, Amiroul-Mouminine

Daty sy toerana nahaterahana : Teraka tao anaty Kaaba, ny faha 30 Aamoul Fil (Taonan'ny Elefanta)

Nahafatesana : Maty novonoin'ny Khawaridj iray mitondra ny anarana hoe Abdour Rahman Ibn Mouljim izy tao Koufa tamin'ny volana Ramadany, taona faha 40 Hijriya ary nalevina tao Nadjaf izay faritra manodidina an'i Koufa.

## NY IMAM FAHAROA

**Al-Hasan ibn Ali ibn Abi Talib (a.s)**

Reny : Fatima az-Zahara (a.s), zanakavavin'ny Mpaminany Masina (s.a.w.s)

Anaram-pianakaviana : Abou Mohammad

Anaram-boninahitra : As-sibte Kabir (le grand petit-fils), Al-Moujtaba

Nahaterahana : Tao Madina teo amin'ny antsasaky ny volana Ramadany, taona faha 3 A.H.

Nahafatesana : 28 Safar taona 50 A.H. Milevina ao amin'ny fasan'i Baqi ao Madina izy.

## NY IMAM FAHATELO

**Al Housain ibn Ali ibn Abi Talib (a.s)**

Reny : Fatima az-Zahra (a.s), zanakavavin'ny Mpaminany Masina (s.a.w.s)

Anaram-pianakaviana : Abou Abdillah

Anaram-boninahitra : As-sibt, Shahid-Karbala

Nahaterahana : Teraka tao Madina tamin'ny volana Shaban, taona faha 4 A.H.

Nahafatesana : Novonoin'ny tafik'i Yazid izy sy ireo namany, tamin'ny volana Moharram taona faha 61 A.H. Ny fasany dia ao Karbala, tanàna iray ao Irak.

## NY IMAM FAHEFATRA

**Ali ibn Al-Housain Ash Shahid (a.s)**

Reny : Ghazala Shahzanaan.

Anaram-pianakaviana : Aboul-Hasan

Anaram-boninahitra : Zainoul Abidin, As-sajjad

Nahaterahana : Teraka tao Madina taona faha 38 A.H.

Nahafatesana : Voapoizina tamin'ny taona faha 94 na 95 A.H izy tao Madina ary milevina ao Baqi eo akaikin'ny dadatoany Hasan (a.s)

## NY IMAM FAHADIMY

**Mohammad ibn Ali As-sajjad (a.s)**

Reny : Oumme Abdoullah, zanaka vavin'ny Imam Hasan (a.s)

Anaram-pianakaviana : Abou Jafar

Anaram-boninahitra : Al Baqir

Nahaterahana : Teraka tao Madina tamin'ny taona faha 57 A.H.

Nahafatesana : Voapoizina tao Madina izy, tamin'ny taona faha 114 A.H. ary milevina ihany koa ao Baqi eo akaikin'ny rainy.

## NY IMAM FAHA ENINA

**Jafar ibn Mohammad Al-Baqir (a.s)**

Reny : Oumme Farwa, zanaka vavin'i Qasim ibn Mohammd ibn Abou Bakr

Anaram-pianakaviana : Abou Abdillah

Anaram-boninahitra : As-Sadiq

Nahaterahana : Tao Madina tamin'ny taona faha 83 A.H.

Nahafatesana : Voapoizina tamin'ny taona faha 148 A.H. ary milevina ao Baqi eo akaikin'ny rainy.

## NY IMAM FAHAFITO

**Mousa bin Jafar as-Sadiq (a.s)**

Reny : Hamidah

Anaram-pianakaviana : Aboul-Hasan

Anaram-boninahitra : Al Kazim

Nahaterahana : Tao Madina tamin'ny taona faha 129 A.H.

Nahafatesana : Voapoizina tao amin'ny fonjan'i Haroun Ar-rashid tao Bagdad izy tamin'ny taona faha 183 A.H. Milevina ao Kazimiyyah ao Irak.

## NY IMAM FAHAVALO

**Ali bin Mousa al-Kazim (a.s)**

Reny : Al Khaizraan

Anaram-boninahitra : Ar-ridha

Nahaterahana : Tao Madina tamin'ny taona faha 148 A.H.

Nahafatesana : Voapoizina tamin'ny taona faha 203 A.H. ary milevina any amin'ny distrikan'i Khorasan any Iran

## NY IMAM FAHASIVY

**Mohammad ibn Ali Ar-ridha (a.s)**

Reny : Sakina

Anaram-pianakaviana : Abou Abdillah

Anaram-boninahitra : Al Jawad

Nahaterahana : Tao Madina tamin'ny taona 195 A.H.

Nahafatesana : Voapoizina tao Bagdad tamin'ny taona faha 220 A.H. ary milevina eo akaikin'ny dadabeny ao Kazimmiyah ao Irak.

## NY IMAM FAHAFOLO

**Ali bin Mohammad al-Jawad (a.s)**

Reny : Samana al-Maghribiya

Anaram-pianakaviana : Aboul-Hasan al Askari

Anaram-boninahitra : Al Hadi

Nahaterahana : Tao Madina tamin'ny taona faha 212 A.H.

Nahafatesana : Voapoizina tao Samarra tao Irak izy, tamin'ny taona 254 A.H. ary milevina ao ihany.

## NY IMAM FAHA IRAIKA AMBIN'NY FOLO

**Al Hasan ibn Ali al-Hadi (a.s)**

Reny : Oummoul Walad-Susan

Anaram-pianakaviana : Abou Mohammad

Anaram-boninahitra : Al Askari

Nahaterahana : Tao Samarra tamin'ny taona faha 232 A.H.

Nahafatesana : maty voapoizina tao Samarra ihany koa izy tamin'ny taona 260 A.H. ary milevina ao ihany.

## NY IMAM FAHAROA AMBIN'NY FOLO

**Al Houdjat Mohammad ibn-oul-Hassan Al Askari (a.s)**

Reny : Oummoul Walad Narjis Alias Saiqal

Anaram-pianakaviana : Abou Abdoullah, Aboul Qasim

Anaram-boninahitra : Al-Mountazar, Al-Khalaf, Al-Mahdi, Sahibouzzamaan.

Nahaterahana : Tao Samarra tamin'ny taona faha 255 A.H. Izy ilay Imam farany (a.s), mbola velona izy ary mahazo ny anjaran-tsakafony.

**<u>Fanamarihana</u>:** Ny fasan'ireo Imam iraika ambin'ny folo voalohany (a.s) dia toerana fanaovana famangiana sy fivahinianana masina ho an'ireo mpino silamo. Ny efatra

amin'ireo Imam ireo dia milevina ao Baqi any Madina al-Mounawwara. Kanefa, ny fasan'izy ireo sy ny fasan'ireo vadin'ny Mpaminany (s.a.w.s) ary ny an'ireo mpanaradia azy dia nopotehin'ny mpitondra fanjakana avokoa.

Toy izay no azo hamintinana ny momba ny tantara-piainan'ireo Imam roa ambin'ny folo (a.s). Izay rehetra nolazaiko teo dia hita ao anatin'ny bokin'i Sawaiq-oul-mouhriqa an'i Ibn Hajar. Ary raha mitady fanazavana misimisy ianareo, dia afaka mijery ireo boky tantara.

## IREO FIFANDRAISAN'NY SOUNNITA-SHIITA

**Solaimana: Ekeko tokoa fa ny taranaky ny Mpaminany masina (s.a.w.s) no Ahloul-bait-ny. Fantatro fa ny fitiavana sy ny fanajana azy ireo dia fomba amam-panaon'ny Mpaminanin'Andriamanitra (s.a.w.s) ary ny fanomezam-boninahitra azy ireo dia adidy ara-pinoana.**

**Ja'far:** Eny, tena marina izany ary koa, ny soalat izay ataon'ny mpino silamo iray dia tsy voaray raha tsy manao salawaat ho an'ireo olona manan-kaja ireo. Tsy maintsy miteny hoe : ''Allahoumma Swalli a'laa Mohammadin oa aali Mohammad…'' (Réf: Ibn Hajar, Sawaiqoul Mohriqa, Pg.88)

Ary ankoatr'izany, ireo Shi-ita dia mino fa ireo Fianakavian'ny Mpaminany (s.a.w.s) no mpiandry ireo mpino ary tsy maintsy arahana ny baikon'izy ireo amin'ny sehatra rehetra ara-pinoana. Ny mpino dia tsy maintsy manaraka ny lalan'izy ireo. Manana ny adidiny ihany koa ireo Ahloul Bayt (a.s), tsy maintsy miaro ny finoana Islamo amin'ny karazam-panafihana izy ireo, amin'ny fotoana rehetra sy amin'ny toe-javatra rehetra. Ireo fianakavian'ny Mpaminany (a.s) dia nanatanteraka ny adidiny eny fa na dia tao anatin'ireo toe-javatra sarotra indrindra aza, ary tsy maintsy manohy izany hatramin'ny andro farany (Qiyamat). Ny Silamo rehetra dia mino fa mbola hiseho indray i Mahdi (as), izay tonga hanavotra izao tontolo izao amin'ny fampanjakana ny rariny sy ny hitsiny ety an-tany tahaka ny nanjakan'ny tsy rariny sy ny tsindry hazolena.I Mahdi no taranaka farany amin'ny Ahloul-bayt (a.s) hiseho ety an-tany.

**Solaimana: ô ry rahalahy! Ireo Sounita dia tsy manana fankahalana ireo taranaky ny Mpaminany (s.a.w.s), fa mifanohitra amin'izany aza, satria tia ireo taranaky ny Mpaminany izy ireo. Nahoana ary ianareo no sahy miteny fa ny Sounnita dia tsy mpino (Kafiry)?**

**Ja'far:** Mianiana amin'Andriamanitra! Tsy nisy niteny izany. Izany dia fampielezan-kevitr'ireo izay te-hampisara-bazana ireo antokom-pinoana. Tena marina fa, ny Sounnita sy ny Shi-ita dia samy mpino silamo. Samy mino ireo fitsipika fototry ny finoana izy ireo, ary samy mino ny maha tokana an'i Allah (Ash hado

an'lla illaha ill-ALLAH) ary mino ny faminanian'ny Mpaminany Mohammad (s.a.w.s) (Ash hado anna Mohammadar-rasolollah).

**Solaimana: Manimba ny fo ireo fanambarana feno fitaka, sy ny fankahalana ary ny fisaratsarahana eo amin'ny vondrona maro samy hafa.**

**Ja'far:** Izahay Shi-ita dia mahazo tsiny foana eo anatrehan'ireo zavatra tsy fantatray. Nefa raha ny marina, dia efa nilaza ny Mpaminanin'Andriamanitra (s.a.w.s) hoe: ''Ny mpino silamo dia mpirahalahy. Tsy azo atao ny manararaotra azy, sy ny manao ratsy aminy na mandroba ny fananany.'' (Al Kafi, Pg. 286)

Araka izany, ny tsy fifanarahana izay misy eo amin'ny Shi-ita sy ny Sounnita dia tena fatiantoka lehibe ho an'ny vahoaka silamo manontolo.

**Solaimana: Nahoana ary no nialanao ilay resaka nefa fantatrao fa ny tsirairay dia samy manana ny finoany amin'izay zavatra inoany?**

**Ja'far:** Andriamanitra, ilay manerana ny tontolo, dia nandidy antsika mba hanana fisokafana  rehefa miresaka amin'ny olona ary mba hikaroka mikasika ny finoana nalefan'Andriamanitra. Noho izany, nahoana ary ireo Sounnita sy Shi-ita no tsy mifampiresaka amin'ny fomba malalaka momba izany? Tena ilaina mihitsy ny fanaovana izany raha tiantsika hesorina ireo fifandisoan-kevitra. Ny tsy fahalalana no fahavalo lehibe iraisantsika. Tokony mianatra daholo isika ary mahafantatra

antsipirihany ny momba ireo antoko-pinoana rehetra misy amin'ny finoana Islamo mba hialantsika amin'ny lainga, ny fanambarana diso sy ny fifampiampangana amin'ny finoana Andriamanitra maro na ny tsy finoana. Nahoana no tsy mba miezaka ny mifankahazo isika ary manaiky ny fomba fijerin'ny hafa? Ankoatra izany rehetra izany dia, maro ireo zavatra itovizantsika noho ny fahasamihafana.

**Solaimana: Fa kosa, ny bokinareo dia misy zavatra maro izay mandratra ny fon'ireo Sounnita sy manamaivana ny finoan'izy ireo. Ankoatr'izany, ireo namanareo dia manao fihetsika, izay ianareo ihany no miezaka manala izany.**

**Ja'far:** Tokony ho ekentsika sy fantatsika fa ao anatin'ny finoana tsirairay, dia misy olona mamorona zava-baovao ary manao zavatra ratsy. Araka izany dia anjarantsika ny mandanjalanja sy tsy mandray ny tenin'izy ireo. Amin'ny alalan'ny fianarana sy ny fiofanana tsara miaraka amin'ny ezaka maro no hanafoanana ny fahefan'izy ireo eo amin'ny tantara.

**Solaimana: Tsara izany. Ndao ary ho jerentsika, ianareo Shiita, mihevitra ianareo fa i Ali ibn Abi Talib no Kalifa voalohany ary heverinareo ihany koa fa izy no Imam voalohany. Nefa, araka ny zavatra fantatra dia nanana fifandraisana akaiky sy am-pitiavana ireo Kalifa (Kholafa Rashidin). I Ali ibn Abi Talib dia nikarakara ireo Kalifa sasany, namaha ny olan'izy ireo izy ary nanome ny heviny teo anatrehan'ireo raharaha goavana. Tena nilaina foana izy, ka hoy mihitsy ny iray tamin'izy ireo hoe : "**

**Isaky ny nanana olana aho, dia teo anilako foana nanampy ahy i Aboul-Hassan (Ali ibn Abi Talib).''**

**Ja'far:** Ohatra faka-tahaka tokoa ny Imam Ali (a.s) ary nilaza mazava ny heviny izy momba ny resaka Khalifa, rehefa nanambara izy fa ao anatin'ny loza ny finoana Islamo ka nanapa-kevitra izy fa hanao izay tokony ho atao. Ndao ho jerentsika kely ny zavatra noteneniny mikasika izany: ''Andriamanitra, Ilay Be Voninahitra, dia nandefa ny Mpaminaniny (s.a.w.s) ho mpampitandrina ireo vahoakany ary ho vavolombelona ho an'ireo Mpaminany sasany. Rehefa nandao izao tontolo izao izy, dia tsy nitovy hevitra ireo Silamo. Mianiana amin'Andriamanitra aho fa tsy noeritreretiko mihitsy ny hanesoran'ireo Arabo ny fianakavian'ny Mpaminany (s.a.w.s) teo amin'ny raharaham-pitondrana. Taoriany dia, nohalavirina ny Fitondrana aho. Tsy nanana ahiahy mihitsy aho hoe hisy olona hiazakazaka hanome fahatokisana olona hafa. Nangina aho mandra-pahitako ireo olona nivadika tamin'ny finoana ary nanomboka nanapotika ny finoana avy amin'Andriamanitra. Teo dia natahotra aho fa raha tsy manampy ireo mpino silamo sy ny finoana Islamo dia ho potika ny finoana ary hirodana. Mety ho ratsiratsy ny vokatr'izany noho ilay Kalifa izay tsy haharitra afa-tsy andro vitsivitsy ary tsy maintsy hifarana indray andro any toy ny rendrirendry sy ny fandalovan'ny rahona. Noho izany dia nitsangana aho manoloana izany toe-draharaha izany hiady amin'ny ratsy ka nanjary nahazo aim-baovao indray ny finoana.'' (Sharhe Nahjoul Balagha-Ibn Abil Hadid)

**Solaimana: Nahoana ary no tsy hapetrantsika amin'ireo manam-pahaizana izany lohahevitra sy tsy fitovian-kevitra izany? Ary nahoana isika no tsy mba afaka mifantoka amin'ny fiaraha-miasa mandroso?**

**Ja'far:** Marina tokoa izany, saingy ny zava-misy no nahatonga antsika tsy nanan-kery. Raha toa ka nitovy fomba fijery daholo ny olona rehetra, dia tsy nisy izao adihevitra izao. Ny olona dia tsy mba mieritreritra akory ny fitsipi-panekena fa mifaneso ary mifanome anarana toy ny hoe Kafiry (tsy mpino). Nefa kosa, ny Silamo dia manana fahamendrehana maro sady tsara azon'izy ireo ampiasaina, fa saingy ratsy ny fampiasana azy ka mahatonga ny resaka miely toy izany. Marina fa izay rehetra notanisaintsika teo dia tsy inona fa fahalalàna vitsivitsy fotsiny ihany, fa ankehitriny ireo fahalalana ara-pinoana dia lasa sampana iray mitokana ary fanomezana ho an'ny fiainana mandroso. Nefa, tena mampalahelo ny tsy fisian'ny fotoana hanaovana fikarohana mikasika ireo karazana lohahevitra samy hafa mifandray amin'ny foto-pinoana Islamo. Ireo haino aman-jery maro samy hafa dia afaka nanome dikany hafa momba ny Shi-isma, saingy ny tsy fahalalàna dia miteraka fahasarotana. Ny zavatra ezahantsika atao amin'izao fotoana izao dia ny miady amin'ny tsy fahalalàna. Noho izany, manasa ny olona rehetra izahay ho tonga hifampiresaka am-pitiavana sy am-pirahalahiana mba hahatonga ny Sounnita sy ny Shi-ita hitambatra sy hiray hina.

**Solaimana: Tsy hinoanao ve fa ny fitambaran'ny Sounnita sy ny Shi-ita dia mahatonga ny fialan'ny iray amin'ireo antokom-pinoana ireo amin'ny finoana fototra narahany?**

**Ja'far:** Ny fifanantonana dia tsy midika velively hoe mila manary ireo finoany ny tsirairay. Izany ( fifanantonana) dia midika fa mila manaiky mifanakalo fomba fijery fotsiny isika sy mifankahalala bebe kokoa. Izany dia hanampy antsika hametraka ireo tetezam-pifankatiavana, fiaraha-miasa sy fitiavana.

## NY FAMINANIANA SY NY HADISOANA IZAY NOLAZAINA FA AVY AMIN' I JIBRAILA (A.S)

**Solaimana: Manana fanontaniana tena mahatohina aho. Nefa alohan'ny hametrahako azy, omeo toky aho fa tsy ho tezitra ianao ary tsy ho hafahafa ihany koa.**

**Ja'far:** Hiresaka an-kalalahana ny zava-drehetra no maha eto antsika. Apetraho ny fanontanianao azafady.

**Solaimana: Araka ny tenin'ireo Shi-ita dia hoe, ny Faminaniana dia voatokana ho an'i Ali fa i Jibraila no nanao hadisoana ka nanome ilay andraikitra masina tamin'i Mohammad (s.a.w.s)?**

**Ja'far:** Misaotra betsaka amin'izany fanontaniana goavana hapetrakao izany. Nefa tiako ny milaza aminao fa zavatra noforonina tsotra izao izany.Manome toky anao aho fa ny Shi-ita dia tsy manana finoana toy izany. Amin'ny fomba ahoana no

ahafahan'ny Shi-ita iray handefa resaka toy izany? Izahay Shi-ita, dia tsy afaka manendrikendrika an'i Jibraila al-Amin (Ilay Marina a.s) amin'ny zavatra toy izany.

## IREO FOTOTRY NY LALANA ISLAMO

**Solaimana: Amin'ireo Shi-ita, inona avy ireo fototry ny lalàna Islamika?**

**Ja'far:** Tahaka ireo silamo rehetra, ny Shi-ita dia mino ihany koa fa ireo fototry ny Lalàna Islamika dia ny Boky Kor'any sy ny fomba amam-panaon'ny Mpaminanin'Andriamanitra (s.a.w.s). Na dia izany aza, araka ireo Shi-ita, ny fomba amam-panaon'ny Mpaminany Masina (s.a.w.s) dia tsy azo ekena raha tsy avy amin'ny alàlan'ireo Ahloul Bayt (a.s) ihany. Ary izany dia mifanaraka amin'ny fomba amam-panaon'ny Mpaminany (s.a.w.s) : ''Ô ry vahoaka, zavatra roa no napetrako ho anareo, raha mifikitra amin'izy ireo ianareo dia tsy ho very na oviana na oviana, ny Bokin'Andriamanitra sy ny taranako, ny Ahloul-Bayt-ko.'' (Balaghi, Ala AR-Rahman Pg. 44, 2nd edition)

Araka izany, ho an'ireo Shi-ita, ny ''Sounnat'' dia mifototra amin'ireo teny sy amin'ireo zavatra nataon'ireo Masoomin (Ireo olo-masina 14 tsy manao hadisoana), satria ireo Imams roa ambin'ny folo (a.s) no mpandova ny fahalalàn'ny Mpaminany ka

ny fomba amam-panaon'izy ireo dia mitovy tanteraka amin'ny an'ny Mpaminany masina (s.a.w.s) tahaka ny notenenin'i Imam Ja'far Sadiq (a.s) manao hoe : ''Ny Hadith-ko dia Hadith-n'ny raiko (Imam al-Baqir a.s) ary ny Hadith-n'ny raiko dia Hadith-n'ny raibeko, ary ny Hadith-n'ny raibeko dia Hadith-n'ny Mpaminany masina (s.a.w.s), ary ny Hadth-n'ny Mpaminany masina (s.a.w.s) dia tenin'Andriamanitra, Ilay Mahefa ny zava-drehetra .''
(Behaarul Anwaar, Vol. 2, Pg.178)

Noho izany, araka ny filazan'ireo mpahay lalàna ara-pinoana (Fouqaha) Shi-ita, dia tsy misy mahasamihafa ireo tenin'ny Mpaminany Masina (s.a.w.s) sy ny an'ireo Imam Masina (a.s)

## NY KOR'ANY MASINA sa NY (MOUSHAF) HORONAN-TARATASIN'I FATEMAH?

**Solaimana: Lafiny iray hafa, ianareo Shi-ita dia tsy mino ny fahefan'ny Kor'any mitovy amin'ny an'ireo Silamo sasany. Ianareo dia mihevitra fa nisy fifangaroana tamin'ireo andininy ao amin'ny Kor'any.**

**Ja'far:** Izany ihany koa dia fanendrikendrehena hafa natao hanaratsiana ireo Shi-ita. Afaka mandeha any amin'ny moske izay tianareo aleha ianareo na any amin'ny tranon'ireo Shi-ita, fa mitovy ihany ny Kor'any hitanareo. Raha manatrika ireo fanompoam-pivavahana soalat ataon'ireo Shi-ita ianareo isan'andro, dia haheno ireo andininy ao amin'ny Kor'any mitovy amin'ny fahenonareo. Ary raha mamonjy ireny fivoriana ataon'ny

Shi-ita ireny ianareo, dia ho hitanareo fa Kor'any mitovy ihany no vakin'ny Shi-ita, ary izany kor'any masina izany ihany no ampiasain'izy ireo amin'ny adihevitra izay ataony. Toy izany koa, ireo sekolim-pinoana Shi-ita dia mampianatra io Kor'any io miaraka amin'ny dikany. Iza no nilaza taminareo fa ny Shi-ita dia manana Kor'any hafa? Andriamanitra ilay Tsitoha no miaro io boky masina io amin'ny mety ho fanampiana na fanalana, ary hiaro izany hatrany Izy amin'ny ho avy. Mitovy daholo ny kor'any anananay, izay boky masina nidina tamin'ny Mpaminany Mohammad (s.a.w.s), ka na iza na iza sahy milaza fa manana boky hafa ankoatran'io, dia diso lalana tokoa izy na Shi-ita na Sounnita.

**Solaimana: Fa tsy hoe nosolon'ireo mpomba anareo tamin'ny Moushaf-n'i Fatemah ve ny Kor'any masina?**

**Ja'far:** Tsy mazava tsara amin'ny olona ilay izy, mampalahelo! Tena marina fa tsy misy Kor'any hafa, afa-tsy ilay eny ampelatanan'ireo Silamo araka ny efa voalazako taminareo. Ny Moushaf n'i Fatemah dia voalaza tokoa any amin'ireo fomba amam-panao sasantsasany. Fa ny teny hoe Moushaf kosa dia tsy mitovy amin'ny Kor'any. Araka ny rakibolana, ny teny "Moushaf" dia midika hoe boky nangonina. Misy olona sasany nanana fahazarana nanangona ireo fahaizany tanatina boky iray, sahala amin'ny nataon'i Khalid bine Ma'dan, izay anisan'ireo Tabein (mpanaradian'ireo mpanaradian'ny Mpaminany s.a.w.s). Nahazo voninahitra izy satria fitopolo tamin'ireo mpanaradian'ny Mpaminany (s.a.w.s) no nihaona taminy. Ny Moushaf-ny dia

fantatra amin'ny anarana hoe Moushaf-n'i Khalid bin Ma'dan. Ireo kristianina koa dia mampiasa ny Moushaf amin'ny vakiteny ataon'izy ireo, tahaka ny trangan'i Sahal ilay andevon'i Atibah, izay zavatra nisy teo amin'ny tantara. Kristianina izy ary namaky ny Baiboly ho fanomezan-kaja ny dadatoany. Nanana fahazarana niantso izany hoe Moushaf izy. Ary maro tamin'ireo mpanara-dia no nanana Moushaf. Ireo mpanara-dia rehetra ireo dia nanoratra andininy amin'ny Kor'any sy izay rehetra henon'izy ireo tamin'ny Mpaminany Masina (s.a.w.s) tao anatin'ny Moushaf n'izy ireo. Ireo Moushaf ireo dia mitovy amin'ireo boky mamintina ireo fanazavana sy famelabelarana tahaka ny zavatra misy amin'izao vanim-potoana iainantsika izao. I Oummoul Mominin A'ishah dia nanana Moushaf iray, ary i Oummoul Mominin Hafsah dia nanana iray hafa ihany koa. Ary mitovy amin'izany koa, i Fatemah Zahra (a.s) zanaka vavin'ny Mpaminany masina (s.a.w.s), nanana boky iray nitondra ny anarana hoe Moushaf n'i Fatemah ihany koa izy. Nisy ireo lalànan'ny **CHARIAT** sy ireo fahalalana sasantsasany mikasika ny tontolo tsy hita maso ao anatin'izany. Misy olona sasany milaza fa izany ilay Kor'any hafa izay ampiasain'ireo Shi-ita. Tena fanendrikendrehana ratsy tokoa izany, izay miteraka fisaraham-bazana eo amin'ny vahoaka Silamo.

**Solaimana: Nefa nisy iray tamin'ireo manam-pahaizanareo nanoratra tao anatina boky iray fa hoe, nisy fanovana (tahrif) tao anatin'ny Kor'any?**

**Ja'far:** Olona vitsy an'isa fotsiny no miteny izany ka tsy misy miraharaha an'izy ireo. Ny Shi-ita dia mino io Kor'any masina iray io, ka izay zavatra rehetra mifanohitra amin'izany dia diso avokoa ary noforonina.

## Ireo teny sy fomba amam-panao (Ahadith)

**Solaimana : Manana boky manokana misy hadith ve ny Shi'ita mba hanovozany ireo foto-kevitra ara-pinoana sy ireo Lalàna ara-pinoana Islamo ?**

**Ja'far** : Ireo teny sy ny fomba amam-panaon'ny Irak'Andriamanitra
(s.a.w.s) dia notadidian'ny Imam Ali (a.s) avokoa ary noraisiny an-tsoratra. Avy eo, dia nampitainy tamin'i Hassan sy Houssein (as), izay nampita izany tamin'ireo Imam (a.s) taty aoriana.
Rehefa miaraka amin'ireo mpanaradia azy ireo Imam ka milaza ireo teny sy fomba amam-panaon'ny Mpaminany, indrindra fa tamin'ny andron'ny Imam Ja'far As-sadiq (as) sy ny Imam Mohammad Al-Baqir (as), dia nosoratan'ny mpahay lalàna izany ary natambany ho rakitsoratra efajato (400) nantsoina hoe « Al-ousool al-Arba' miya ». Taty aoriana dia nataon'ireo manam-pahaizana sy mpitahiry ny rakitry ny ela ho boky izany.
Ireto ny efatra (04) tamin'ireo boky lehibe vita tamin'ny taonjato faha-4 sy faha-5 ny Hidjrah :
Al-Kafi de Koulayni (nataon'i Ash-Shaykh Mohammad Bine Yaqoob Al-Koulaini Al-Razi d. 329 A.H.)

1-Man La Yahzaroul Faqih de Shaykh Sadooq (nataon'i Shaykh Abou Ja'far Mohammad Bine Al-Houssein Bin Babaway Al-Qoummi d. 381 A.H)
2-Al Istibsar de Tousi (nataon'i Ash Shaykh Abou Ja'far Mohammad bine Al-Hassan At Tousi d. 460 A.H)
3-Tahziboul Ahkam de Tousi (nataon'i Ash Shaykh Abou Ja'far Mohammad Bine Al-Hassan At-Tousi d. 460 A.H)
Ankoatra ireo, dia mbola misy boky lehibe hafa toy ny Wasaail-oush-Shia nosoratan'i Shaykh Hourre Aamili ary Jame oul-hadith ash-Shia nataon'i Sayed Houssein Al-Bouroujardi. Fa ireo boky efatra voalohany no tena malaza.

**Solaimana :Marina izany, saingy ireo boky efatra ireo dia mirakitra hevitra maromaro mifanipaka amin'ny anao.**

**Ja'far :**Ry namako ! Mamelà ahy ianao hanao tantara kely aminao mikasika ny shiita. Amin'izy ireo dia ny Kor'any ihany no marina amin'ny boky rehetra. Ny boky misy tenim-pahendrena dia tsy mitovy amin'ny Kor'any. Noho izany dia mety misy fifanipahana ny hevitra ao anatiny. Ny manam-pahaizana shiite dia tsy milaza ireny boky ireny ho marina tsy misy ho kianina (Sihah) tahakan'ny filazan'ny rahalahy Sounita izay manana ny Sahih Boukhari, Sahih Mouslim sy Sahih Tirmidhi sns…
Tsy misy shiita iray sahy milaza fa Sahih ny bokim-pahendreny. Saingy, misy kosa olona te-hanao ankasomparana izay maka ny fomba nentin-drazana ao amin'ny bokintsika hoentiny hanosoram-potaka sy hanaratsiana ny finoana sy ny fombantsika.

**Solaimana : Tsy matoky ireo bokin'ny hadith izany ianao ?**

**Ja’far :**Eny, matoky ireo bokin’ny hadith izahay, saingy tsy manaraka anjambany fotsiny izay rehetra voalaza ao, fa tsy maintsy manao fikarohana mikasika ny fahamarinan’izany. Ny fanamarinana dia ataon’ny mpahay lalàna (Fouqaha) sy ny manam-pahaizana mahafantatra ny fahalemena sy ny herin’ny hadith izay taterin’ny mpitantara. Dinihany ihany koa ireo toe-javatra nitranga mahakasika izany hadith izany … Azonao ve izany rahalahy ?

## IREO MPANARA-DIA (SWAHABA)

**Solaimana :** **Vitantsika izay ny resaka mikasika ny teny sy fomba amam-panao, ka mamelà ahy ianao hametraka fanontaniana iray hafa indray aminao. Marina ve fa ianareo shiita, dia tsy manaiky ny teny sy ny fomba amam-panaon’ny Mpaminany (saws) izay notaterin’ireo mpanara-dia azy (swahaba) ? Na fantatrareo aza fa i Allah no nifidy azy ireo ho naman’ny Mpaminany masina (saws) sy nanome voninahitra azy tao anatin’ny andinin’ny Kor’any, ho valisoa ho azy ireo tamin’ny fanampiany ny Mpaminany ? Sady izy ireo no nanam-pahaizana indrindra sy nanana toetra mendrika indrindra.**

**Ja’far :**Manaja, manome voninahitra sady tia ireo mpino mendrika amin’ireo mpanaradian’ny Irak’Andriamanitra ireo Shiita. Matetika, mihevitra ny olona fa ny fiaraha-monina tamin’ny andron’ny Irak’Andriamanitra (saws) dia fiaraha-monina tonga lafatra. Nefa raha ny tena marina, ireo mpanaradian’ny Mpaminany masina dia karazan’olona, nisy

tamin'izy ireo no nanam-pinoana tokoa ary nisy kosa ny kely finoana. Samy nanana ny fahalemeny izy ireo. Ary fanampiny, diniho izay niseho ara-tantara. Ny tsy fifankahazahoana, ny ady ary ny fandatsahan-drà dia nisy teo amin'ny vahoaka silamo. Noho izany, fomba ahoana no ampitoviana zo azy ireo ? Teo anivon'izy ireny dia nisy ny mpanara-dia mpanao ny tsy rariny amin'ny hafa, ary nisy ny niharan'ny tsindry hazolena, nisy ny mpamono olona ary nisy ny novonoina, nisy ny mpivavaka ary nisy ny tsy mpivavaka.
Ahoana no ahazoantsika mitsara azy ireny raha tsy mandinika ny fiainany sy ny asany teo amin'ny tantara ? Tokony ireo olona izay mendri-pitokiana ihany no henointsika sy inoantsika.
Andriamanitra dia nanome fampanantenana ny sasany tamin'izy ireny ao anaty Kor'any masina :
"Nankasitrahan'Andriamanitra tokoa ireo mpino, tamin'izy ireo nanao tokimpanoavana taminao teo ambodihazo. Fantany ny ao am-pon'izy ireo, ka nampidininy teo amin'izy ireo ny fahatoniana, ary dia novaliany soa tamin'ny fandresena tsy ho ela izy ireo,

(Sourat Al-fath, Toko 48, And.18)

Torak'izany ihany koa, dia nokianin'Andriamanitra ireo mpihatsaravelatsihy ao anatin'ny Kor'any :
"Ary misy amin'ireo mpifindrafindra fonenana arabo izay manodidina anareo no mpihatsaravelatsihy, tahaka ny sasany amin'ireo mponin'i Madina. Mikiry amin'ny fihatsarambelatsihiny izy ireo. Tsy fantatrao izy ireo fa Izahay no mahafantatra azy ireo. Hosazianay in-droa izy ireo, avy eo, dia alefa any amin'ny famaizana lehibe."

(Sourat At-taobah, Toko 9, And.101)

Nisy tamin'izy ireo izay nanakiana tsy an-drariny ny fianakavian'ny Mpaminany (saws) :
« Raha ny marina, dia olona ao aminareo ihany no namoron-dainga, nefa aza mihevitra fa ratsy ho anareo izany fa vao maika tsara. Ny tsirairay amin'izy ireny mantsy dia samy handray ny valin'ny fahotany ary ilay mpitarika azy dia hahazo ny sazy mafy indrindra.
"Nahoana, raha naheno izany (fanendrikendrehina) ianareo, no tsy nandefa eritreritra tsara ireo mpino lehilahy sy ireo mpino vehivavy, ka hiteny hoe: "Fanendrikendrehina mazava izany?". Nahoana izy ireo no tsy nitondra, vavolombelona efatra (ho fanohanana ny fiampangany)? Raha tsy mitondra vavolombelona izy ireo, dia mpandainga eo anatrehan'Andriamanitra. Raha tsy ny fahasoavan'Andriamanitra, sy ny Famindram-pony aminareo, eto an-tany sy any an-koatra, dia ho tratran'ny sazy lehibe tokoa ianareo noho izay (fanendrikendrehina) naelinareo,"

(Sourat An-noor, Toko 24, And.12-14)

"Rehefa mahatazana varotra na fialamboly izy ireo, dia miparitaka mankany, ka mamela anao hitsangana irery…"

(Sourat Al-joumou'a, Toko 62, And.11)

Voalaza tao amin'ny Sahih Boukhari fa nambara ity andininy ity taorian'ny nandaozan'ny mpanara-dia azy sasantsasany ny Irak'Andriamanitra (saws), ka namelany azy niaraka tamin'ny andian'olona vitsivitsy mahatoky.

(Sahih Boukhari, dikany anglisy, boky 6, pejy 391)

Ary ao anatin'ireo, dia nisy ireo izay nikasa hifofo ny ainy rehefa tafaverina tamin'ny adin'i Tabouk izy.
"Mianiana amin'Andriamanitra izy ireo fa tsy niteny (izay nolazain'izy ireo), kanefa marina fa nanao teny tsy finoana izy ireo, ka dia nanary ny finoana taorian'ny naha mpankato azy ireo, nefa nikasa hanao zavatra izay tsy
vitany ho tanterahina izy ireo, ka tsy manana fanakianana hatao raha tsy amin'Andriamanitra sy ny Irany izay nanenika azy ireo tamin'ny Fahasoavany. Raha nibebaka izy ireo, dia tsara ho azy izay. Fa raha nandà kosa izy ireo, dia hosazian'Andriamanitra amin'ny famaizana mamirifiry eto an-tany sy any an-koatra; ka tsy hanana namana na mpamonjy izy ireo eny ambonin'ny tany."

(Sourat At-taobah, Toko 9, And.74)

Ary hadisoana ny mihevitra fa mari-boninahitra ny fanarahana ny Mpaminany (saws). Toy izany ireo vadin'ny Mpaminany (saw) dia voatsikera mafy ao anatin'ny Kor'any satria araraotin'ny olona ny fisian'izy ireny mba hanaovana ratsy ny Mpaminany (saw). Ny Kor'any dia nampanantena famaizana ho an'ny sasantsasany amin'izy ireny :
"Ry vadin'ny Mpaminany! Izay manao zavatra mamoafady aminareo, ka voaporofo izany, dia hatao avo roaheny ny famaizany! Fa mora ho an'Andriamanitra izany. Ary izay manaiky tanteraka an'Andriamanitra sy ny Irany, ka manao ny tsara, dia hataonay avo roaheny ny valisoany, ary hanomananay fanomezana sesehena izy. Ry vadin'ny Mpaminany! Tsy mitovy amin'ny vehivavy hafa rehetra ianareo. Raha mpivavaka ianareo, dia aoka tsy hiangoty loatra amin'ny fomba fiteny, mba tsy

hitsiriritan'izay manana fo marary. Ary aoka ianareo hanao fiteny mendrika."

(Sourat Al-ahzab, Toko 33, And.30-32)

Ny Sourat Tahrim (toko faha-66 ao amin'ny Kor'any) dia manambara mikasika ireo vadin'ny Irak'Andriamanitra (saws). Etsy andaniny, ny Irak'Andriamanitra (saws) dia efa naminany ny zavatra ho ataon'ny sasantsasany amin'ireo mpanara-dia azy. Tamin'ny lovan-tsofina notaterin'i Boukhari, dia hoy izy : « Ny olona sasany amin'ny Oummat-ko dia hoentina sy hapetraka eo ankavia. Dia hiteny aho hoe : Tompoko ô! Anisan'ny Oummat-ko izy ireo, ka nahoana no alefanao any amin'ny afobe ? Toy izao ny valinteny nomena ahy : Tsy fantatrao ny zavatra nataon'izy ireo taorianao. Avy eo aho dia niteny toy ny nambaran'ny Mpaminany Issa hoe : Tamin'ny fotoana naha-teo ahy dia vavolombelona aho. Rehefa nantsoinao aho dia Ianao irery no afaka nanaraka azy. Ary nolazaina tamiko fa niala tamin'ny foto-pinoany izy ireo rehefa nandao azy ireo aho ».

(Sahih Boukhari, Boky faha-6, hadith laharana faha 149)

Manontany izahay : iza avy ireo mpifanandrina tamin'ny adin'i Jamal, Naharwan sy Siffin ? Ary iza no nampamono ny Kalifa Outhman (r.a) sy ny Imam Ali (as) ? Maninona ny Mpaminany masina (saws) no naminany fa i Ammar Yassir (r.a) dia ho vonoin'ny antokon'olona izay nivadika tamin'ny finoany ? Nahoana isika no tsy maintsy hanaja ireo mpanara-dian'ny Mpaminany rehetra tsy misy fepetra, ary hanakipy ny masontsika manoloana ny toe-javatra toy izany ? Azo atao ve ny tsy mihetsika na dia milaza aza ny didy ao amin'ny Kor'any fa izay

mamono tsy ara-drariny ny mpino toa azy dia hijanona mandrakizay ao amin'ny Afobe ? Tokony ho ekentsika ve ny fomba amam-panaon'ny olona iray izay ho alefa any amin'ny Afobe araka ny volazan'ny kor'any? Ary fanampin'izany, dia voaporofo fa namono mpanaradia iray hafa ihany koa izy an-tsitra-po ?
Nanoratra boky mikasika ny fisehoan-javatra nitranga tamin'ireo mpanaradia 150 noforonina ny iray tamin'ireo manam-pahaizana goavana sady mpanoratra. (réf.150 compagnons imaginaires d'Allamah Sayed Mourtouza Askari)

**Solaimana :Nahoana no misy fomba amam-panao diso toy izany no tafiditra ao**
**anatin'ireo hadith voalaza ao anatin'ny finoana Islamo ? Inona no tombontsoa azo amin'izany ?**

**Ja'far :**Fihetsika mampahonena izany ! Ireo Oummayades dia nampiasa tetika politika tahaka ny serasera hanolorana hevi-diso ny olona. Iray ihany no tanjony : hanao sy hanamboatra fomba vaovao miaraka amin'ireo mpamorona fomba amam-panao sy ireo mpandainga. Nanamboatra fomba amam-panao vaovao izy ireo izay nataony tamin'ny anaran'ny Mpaminany masina (saws) mba hanohanany ny politikany sy ny fahefany. Ahoana no hahafahantsika mandray ny Lalàna Islamika toy izany (Ahkaam-e-Deen) avy amin'ny mpino silamo tahaka izany ? Ilaina mihitsy ny fanadihadiana amin'ny toe-javatra toy izany.

**Solaimana : Milaza ve izany fa ny mpanara-dian'ny Mpaminany(saws) rehetra dia tsy azo atokisana avokoa ?**

**Ja'far :** Tsia, tsy toy izany. Tahaka ny efa nolazaiko teo aloha, fa nisy tamin'izy ireo no mpanaradia mendrika vontom-

pinoana, nahavita nanao Jihad no sady nanana fikasana tsara na dia nisy ihany aza ny fahadisoana nataony.

**Solaimana : Eny ! Ahoana ny fomba hanavahana ny mpihatsaravelatsihy amin'ny mpino ? Allah irery no mahalala raha nisy finoana tao ampony na tsia.**

**Ja'far :**Mora izany ! **Allah,** Ilay Mahefa ny zavatra rehetra, no nanambara tamin'ny Mpaminaniny (saws) fa ny mpino ihany no afaka ho tia an'i Ali fa ny mpihatsaravelatsihy dia hankahala azy. Araka ny voasoratra amin'ny hadith notateran'ny Imam Ali (as), Oummoul Mo'miniin Oumme Salma (r.a), Abdoullah ibn Abbas, Abouzar Ghaffari, Anas ibn Malik sy ny hafa. Niteny i Abouzar hoe : « Tsy fantatray ny mpihatsaravelatsihy raha tsy amin'ny alalan'ireto toetra anankitelo ireto : ny fiatahany amin'i Allah sy ny Mpaminaniny, ny tsy fitiavany ny fivavahana (soalat) ary ny fankahalany an'i Ali ibn Abi Talib (as) ».
Nilaza i Abi Said Khoudri (r.a) : « Izahay Ans-ars, dia mahafantatra ny mpihatsaravelatsihy amin'ny fahatezerany amin'i Ali ibn Abi Talib (as) ».
Ao anaty fitantarana dia nilaza mazava tsara ny Mpaminanin'Andriamanitra (saws) : « O ry Ali, tsy misy afa-tsy ny mpino no tia anao ary tsy misy afa-tsy ny mpihatsaravelatsihy no mankahala anao ».
(Moustadrakou Sahihain 3 : 729)

**Solaimana : Tsara be ! Mba ambarao ahy amin'izay ny hevitry ny Imamon'ny Ahloul-Bayt (as) mikasika io raharaha io?**

**Ja'far :**Noraisin'ireo Imam masina (as) ny paikady anankiroa mba hanakanana ny fihanaky ny fomba noforonina. Navoakany ny mpandainga tao anatin'ny mpitantara, nolaviny ary nenjehiny.

Ary notereny ny silamo tsy hanaiky afa-tsy ireo hadith izay voamarina amin’ny alalan’ny Kor’any, ka izay tsy mifanaraka amin’izany dia tsy raisina.
Niteny ny Imam Ja’far As-Sadiq (as) hoe : « Ny zavatra rehetra dia tokony hifameno amin’ny Kor’any sy ny Sounnat. Ary ny hadith rehetra izay tsy mifandraika amin’ny Kor’any dia diso ».
Noho izany, ireo manampahaizana amin’izao androntsika izao dia nizara ireo hadith ho karazany efatra (04) arakaraky ny fahamarinany.
1-Marina
2-Tsara
3-Azo inoana
4-Maivana

**Solaimana :Manana antony mazava ve ianao hahafahana manozona ireo mpanaradian’ny Mpaminany ?**

**Ja’far :**Tsara raha ohatra ka tsy ny filazan’ny manodidina no hanorenantsika ny finoantsika. Isaky ny fiaraha-monina, na fivavahana na sekta dia misy ny fomba izay tsy miorina amin’ny finoana marina akory. Ekena fa ny fanozonana dia fihetsika tsy mety ary maro amin’ny shiita no namoaka didy (fatwas) nilaza fa ny fanozonana dia fady (haraam) ary anisan’ny fahotana. Ali (as) dia nanatrika ady maro izay nahatsapana fa mankahala ny fanompana izy ; Ary fahazarany ny miteny hoe : Tsy tiako raha anisan’ny mpanararaotra ianareo.
Nefa izany hetsika izany, na dia tsy mitombona loatra aza, dia tsy maha-kafir ny olona iray raha tsy hoe, sahy manozona ny Mpaminany na ny Imam (as) izy, tahaka ny voasoratra ao amin’ireo hadith marina.

**Solaimana : Tsara ilay fanazavana ! Fa fomba ahoana no nanombohan'ny fanozonana teo amin'ny fiaraha-monina Silamo ?**

**Ja'far :**Mampalahelo izany! Hitantsika fa na ireo mpanaradian'ny Mpaminany aza dia nanao toy izany. Ny sasany tamin'izy ireo dia nanompa ny namany, nampiasa ny fomba fiteny toy ny hoe « Zanaka vehivavy mainty » na « O ry mpihatsaravelatsihy ». Fa araka ny tantara, ny olona voalohany nanomboka nanao ny fanozonana dia i Mouawiya, zanakalahin'i Abou Soufyan. Nataony izany ary nanome baiko ireo manamboninahitra sy ireo mpanabe ara-pinoana izy, izay teo ambany fahefany mba hanozona an'ny Imam Ali (as) rehefa mitory teny any amin'ny moske sy mandritra ny fotoam-pivavahana rehefa amin'ny andro zoma. Nefa fantatra fa noraràn'ny Imam Ali (as) ny mpanara-dia azy, tsy hanozona ny miaramilan'i Mouawiya tamin'ny adin'i Siffin.

## MOUAWIYA SY YAZID

**Solaimana : Matetika aho no maheno an'ireo mpitoriteny sy mpisolovava shiita nanozona an'i Mouawiya. Ny olona mpizara rano sy zava-pisotro nandritry ny majalis (fivorian' ny Moharamo) dia namporisika ny mpanatrika hanozona an'i Yazid. Fihetsika mendrika ve izany?**

**Ja'far :** Alohan'ny zavatra rehetra, ndeha ho jerentsika ny tena dikan'ny teny hoe « manozona » (la'nat). Ny La'nat dia vavaka

fangatahana ny tsy hanomezan'Andriamanitra famindram-po ny olona iray. Hahitana andininy 41 ao amin'ny Kor'any masina manameloka ny La'nat. Ary raha tsy toy izany, ahoana no hamantarantsika ny avy amin'ny devoly (Shaitan) sy ny avy amin'i Rahman (Andriamanitra) ?
Anjaranao ny manadihady ny mikasika an'i Mouawiya sy Yazid mba hahafantaranao raha tokony ozonina izy na tsia. Ary mahita fa ny fankasitrahana natolotra azy ireo voarakitra ao anaty boky, dia namboarina sy noforonina raha ny marina. Izany dia nijoroan'i Asqalani ho vavolombelona ao anatin'ny Fathoul Bari nataon'i Ahmed ibn Hanbal. Hoy izy : « Nanontaniako ny raiko ny amin'i Ali sy Mouawiya. Nieritreritra kely izy dia namaly hoe : fantaro fa be fahavalo i Ali, nanantena hahita hadisoana teo aminy ireo fahavalony ireo nefa tsy nahita ka nanatona olona iray izay nila ady taminy. Nodokadokafany fatratra ilay io mba hilaza fa mpangala-tahaka i Ali (as). Hoy izy : ny hatsaram-panahy voalaza ao amin'ny fazail nataon'i Mouawiya dia noforonina ».

(Ibn Hajar Asqalani's Fathoul Bari fi Sharhe Sahih Boukhari)

**Solaimana : Mba te-hahalala bebe kokoa mikasika ny fihetsika nataon'i Muawiya izay nahatonga azy ho « tsy mendrika famindram-po avy amin'Andriamanitra » (la'nat) ?**

**Ja'far :**Araka ny fahitan'ny silamo tsy an-kanavaka, nampiasa hafetsena tamin'i Ali (as) izy, izay nahatonga ny rà nandriakan'ny Silamo noho ny ady. Tokony tsy ho adinoina fa i Ali (as) no Kalifa ara-dalàna tamin'ny androny sy araka ny hadith-n'ny Mpaminany masina (saws), tsy maintsy mankato azy ny silamo rehetra, ary ao anatin'izany koa i Mouawiya.

Faharoa, tamin'ny fotoana naha-kalifa ny Imam Hasan (as), izay anisan'ny filohan'ny tanoran'ny Paradisa, dia mbola notohizan'i Mouawiya ihany ny fanakorontanana ara-politika nataony, izay nanery ny Imam Hasan (as) hanary ny seza fiandrianany noho ny loza mitatao eo amin'ny Silamo sy ny finoany.
Ary rehefa nahazo ny seza fiandrianana i Mouawiya, dia nampiasa tetika tsy ara-dalàna (haraam) tamin'ny fahavalony sy ny mpanaraka an'i Ali (as). Nampitahoriny tamin'ny sabatra ny olona ary tsy nomeny ny zony ara-panjakana ireo mpanaraka an'i Ali (as). Nosantariny ny fomba ratsy izay fanozonana an'i Ali (as) tany amin'ny moske.
Izy no voalohany nahatonga ny fanavakavahan-bolonkoditra eo amin'ny foko sy ny tany samihafa. Hafa ny lalàna ho an'ny Arabo sy ny tsy Arabo. Ny kabary atao dia arakaraka ny toerana eo amin'ny fiaraha-monina. Nomeny fanampiana ny fanontana boky manaratsy an'i Ali (as) ary notohanany ny fitenenana mikasika an'i Yazid zanany lahy, izay mpandika lalàna tsy misy toa izy tamin'ny androny. Novainy ny endriky ny finoana Silamo tamin'ny famoronany antoko (sekta) tsy ara-dalàna toy ny « Mourjea » sns … Nasainy nopoizinina ny zafikely tena tian'ny Mpaminany masina (saws) Imam Hasan. Ny vadin'ny Imam ihany, i Judah bine Ashat bine Qays izay nahazo fampanantenana diso fa ho vadin'i Yazeed no nanatanteraka izany. Rehefa nivadihan'i Mouawiya ny fifanarahana nosoniaviny niaraka tamin'ny Imam Hasan (as), dia nanambara izy hoe : « O ry olon'i Koufa ! Niady ho an'ny fivavahana, ny zakat sy ny hajj ianareo ? Marina fa efa mivavaka ianareo, mandoa ny zakat ary manao ny hajj. Niady taminareo aho mba hahafahako mitondra anareo. Nomen'Andriamanitra ahy ny voninahitra fa ianareo kosa nalainy baraka. Ara-dalàna ny rà latsaka hatramin'izao ary ny voalaza tao amin'ny fifanarahana dia nohitsakitsahiko ».

(Sharh Nahjoul Balagha, 16/14)

Manaraka ny lohan'ny rainy Mouawiya foana i Yazid ! Tsy nety nahazo ny fanekem-pankatoavana avy amin'ny Imam Housein (as) izy hatramin'ny farany. Fantatsika tokoa mantsy ny toeran'ny Imam Housein (as) teo amin'ny Mpaminany masina (saws). Matetika ny Mpaminany (saw) no niteny hoe : « Housein dia avy amiko ary izaho dia avy amin'ny Housein ».

(Fadailoul Khamsa, boky faha-3, pj. 263)

Nitomany ihany koa ny Mpaminany masina (saws) raha mbola teo ampandrian-jaza ny Imam Housein (as), ary efa naminany ny hamonoana maritiora azy ihany koa izy. Hitany mialoha ny famonoana ny Imam Housein (as) nataon'ny andiana mpivadika ara-pinoana, hatramin'ny toerana nanatanterahany izany. Naka (saws) vovotanin'i Karbala (toeran'ny famonoana) izy izay nomeny hotehirizin'i Oummoul Mominin Oumme Salmah. Nambarany taminy fa rehefa maty maritiora ny Imam Housein (as), dia hivadika rà io vovoka io.

(Tabaqat Ibn Sa'ad, Boky n° 269)

Housein (as), ilay lehiben'ny tanoran'ny Paradisa, dia niteny toy izao mikasika an'i Yazid : « Yazid dia mpandika lalàna, mpidoroka ary mpamono olona. Ary tsy hankato azy na oviana na oviana ny olona toa ahy ».

(Sayed Ibn Tawoos, Maqtal al-Housein Pj. 11)

Ilaina ny firaisan-kinanareo ho fanoherana ireo tsy tia ny Imam Housein (as). Ary momban'i Yazid ? Taorian'ny fandatsahan-drà dia nasainy notapahina daholo ny lohan'ireo maritiora na dia teo aza ny fanazavana nomen'ny Imam Housein (as). Natao maritiora tao anatin'ny hanoanana mafy niaraka tamin'ireo mpanara-dia azy sy ny fianakaviany izy. Ny vatan'ireo maritiora dia nohitsakitsahan'ny soavaly ; ary ny vehivavy sy ny ankizy, indrindra fa i Hazrat Zainab (as), reny mpiahy tao Karbala dia lasa babo an'ady.

Teo anelanelan'izay, teo afovoany no nisy ilay tovolahy tanora sady manam-pahaizana, dia ny Imam Ali ibn Housein (as) nantsoina hoe Zainoul Abidin (ny haingon'ny mpivavaka). Avy eo, notapahiny ny lohan'ireo maritiora ary nolanjainy tamin'ny lefona. Rehefa napetraka teo an-tokontanin'i Yazid tamin'ny lovia, ny lohan'ny Imam Housein (as), dia nokapohin'i Yazeed tamin'ny tehina no sady nanesoeso izy no niteny ratsy.

Ny ozona avy amin'i **Allah** anie hianjera amin'ny mpampijaly! Mahagaga tokoa raha miady amin'ny shiita ireo rahalahy Sounita sady manao fanendrikendrehana tsy mitombona izay milaza fa manozona ireo mpanara-dian'ny Mpaminany ny Shiita; tsy azoko fa maninona no tsy Yazeed sy Muawiya no hankahalain'izy ireo izay nanozona ireo olona roa manan-kaja ambony indrindra eo amin'ny Silamo dia i Amirul Momineen Ali (as) sy ny zanany lahy Imam Hasan (as).

# NY VADIN'NY MPAMINANY MASINA (SAWS)

**Solaimana : Ahoana ny momban'i Ayesha, ilay vadin'ny Irak'Andriamanitra (saws) mendri-kaja ? Nampangainareo ho vehivavy janga ?**

**Ja'far :**Allaho Akbar (Lehibe i **Allah**) ! Mangataka fiarovana amin'Andriamanitra raha toa ka mahazo tsiny i Ayesha izay vadin'ny Mpaminany masina (saws) !
Tsy nieritreritra mihitsy ny olona fa mety hahavita zavatra mandratra ny Mpaminany masina (saws) ny vadiny noho ny fifamatorana misy eo amin'izy roa. Nomen'ny Kor'any ny anaram-boninahitra Oummoul Momineen (Renin'ny mpino) izy toy ireo vadin'ny Irak'Andriamanitra (saws) rehetra. Na dia izany aza, nomelohin'ny Kor'any ihany koa ny vadin'ny Mpaminany (saw) sasany no sady nampitandreminy.
«Raha mibebaka amin'Andriamanitra ianareo roa, dia efa malefaka ny fonareo. Fa raha mifanampy hanohitra ny Mpaminany kosa ianareo, dia Andriamanitra no Mpiahy azy, sy i Gabriely, ary ireo mendrika amin'ireo mpino, ary manampy izany koa ireo Anjely rehetra.

Raha misaraka aminareo izy, dia (mety) homen'ny Tompony vady tsaratsara kokoa noho ianareo, vehivavy mpandala ny finoana Islam, mpino,mpankato, mpibebaka, mpanompo, mpifehy, efa nanambady, na koa virijiny. »
(Sourat At-tahrim 66 : 4-5)

« Rehefa nilaza tsiambaratelo tamin'ny iray amin'ny vadiny ny Mpaminany, ka naparitany izany, dia nasehon'Andriamanitra ny Mpaminany, ka nampahafantariny azy ny ampahany, fa navelany

kosa ny ampahany hafa. Ary rehefa nilazany izany ilay vadiny, dia namaly hoe: “Iza no nilaza izany taminao?”. Hoy ny Mpaminany: “Ilay Mahalala ny zavatra rehetra, Ilay Mahafantatra tanteraka no nilaza izany tamiko”.
(Sourat At-tahrim 66 : 3)

Iaraha-mahalala fa voalohan-daharana i Oummoul Momineen Ayesha tamin’ny fitadiavana olona hikomy amin’i Outhman. Nikomy tamin’ny Imam Ali (as) koa izy tamin’ny fotoana naha-Kalifa azy. Nandeha tany Basrah i Ayesha nandray anjara tamin’ny adin’i Jamal, na dia efa nampitandremin’ny Mpaminany masina (saw) aza izy. Sady i Oumme Salma (ra) izay nahafantatra ny fampitandremana nataon’ny Mpaminany (saws), dia efa nampahatsiaro an’i Ayesha ny teniny nanao hoe :
« Iza aminareo no hitaingina rameva ka hivovoizan’ny alikan’i Hawwab?
(Tarikh Aboul Fida, boky faha-2, pj. 71)

Raha vao nizotra ny làlan’i Basrah i Ayesha, dia nanomboka nivovo azy ny alika. Nanontany ny anaran’ny tanana izy. Ary raha nolazaina azy hoe Hawwab dia nikorontana ny sainy ary nihiakiaka izy hoe : « ho potika aho ». Ny Irak’Andriamanitra (saws) dia nanontany ny vadiny hoe : « Iza aminareo no hivovoazan’ny alikan’i Hawwab ? »

Tonga nilaza taminy i Abdoullah Ibn Zoubair fa tsy Hawwab izany faritra izany. Ary vitany aza ny nitondra vavolombelona mandainga 50 avy amin’i Bani Amir mba hitsangana hilaza fa tsy Hawwab io.
Jereo koa ny filazan’ny Sahih Boukhari :

Nitantara i Abou Wail : Rehefa naniraka an'i Ammar sy Al-Hasan ho any amin'ny vahoakan'i Koufa i Ali mba hanakana azy ireo tsy hiady, dia hoy Ammar tamin'izy ireo : Fantatro fa vadin'ny Mpaminany eto an-tany sy any an-koatra i Ayesha, fa mitsapa anareo Andriamanitra na Izy no arahinareo na i Ayesha.

(Sahih Boukhari, boky faha-5, H. 116)

**<u>Fanamarihana</u> :** Ny baikon'Andriamanitra dia ny fankatoavana ny Imam Ali (as), ary ny vadin'ny Mpaminany dia nahazo baiko hijanona ao an-tranony (And. 33 ao amin'ny toko faha-33-Kor'any)

« Ka mijanona ianareo ao an-tranonareo … »

## ABOU TALIB

**Solaimana : Hafahafa ny fombanareo Shiita. Eo amin'ny lafiny iray, manahy mafy amin'ny fahamarinan'ireo mpanara-dian'ny Mpaminany ianareo ary amin'ny lafiny hafa, mahazaka ny olona tsy mino (kafir) ianareo, miaro ny finoany, ary midera azy ianareo.**

**Ja'far :**Tsy misy maharatsy ny tapany voalohany amin'ny fanontanianao. Eo ny tantara afaka alalininao sy hisintomanao fehin-kevitra. Etsy ankilany nefa, lazao ahy iza ilay tsy mpino (Kafir) derain'ny Shiita fatratra ?

**Solaimana : Hajainareo i Abou Talib izay tsy voaozongozona tamin'ny tsy finoany, na dia akaikin'ny Irak'Andriamanitra (saws) aza izy. Ny fifaneraserany tamin'ny Mpaminany masina (saws) dia tsy nanery azy handray ny finoana Islamo, na dia niaro ny Mpaminany (saws) aza izy.**

**Ja'far :** Mialokaloka eo ambany fiarovan'Andriamanitra izahay ! Noendrikendrehanareo ho tsy mpino i Abou Talib fony izy anisan'ny niditra Silamo voalohany ary voalohany koa amin'ny fiarovana ny Islamo. Tsy kafir (tsy mpino) izy akory tany aloha ka voatery tsy maintsy hilaza ampahibemaso ny finoany. Tsy zavatra mahagaga izany. Tao amin'ny helo-dranomasin'i Arabia, nisy olona nanaraka ny finoana an'Andriamanitra tokan'i Ibrahim (as) (diin-Hanifiah).

Ny tena izy tamin'izy ireny dia ireo irak'i Ibrahim (as) sy Ismail (as) tahaka an'i Hashim, Abdoul Mouttalib, Abou Talib sy Abdoullah rain'ny Mpaminany (saws). Nazava tsara ireo teny fanta-dazan'i Abdoul Mouttalib mikasika ny finoany, rehefa nihodidina ny Kaaba masina ny tarik'i Abrahama. Mampiseho izany fa nanana finoana madio izy. Nifanandrify tamin'izany, rehefa nambaran'ny Mpaminany (saws) ny fahitàny, dia neken'i Hazrat Abou Talib ny Islamo. Nizaka olana marobe ihany koa izy. Nanohana ny Mpaminany masina (saws) izy (Abou Talib) ary nijanona niaraka taminy hatrany am-boalohan'ny Islamo ka hatramin'ny naneren'i Quraish azy hialokaloka ao an-dohasahan'i Abou Talib.

Izany rehetra izany dia voafehin'ny tenin'ny Mpaminany masina (saws) izay milaza manao hoe :

« Raha mbola velona teo anilako i Abou Talib, tsy afaka nanao ratsy ahy ireo Qouraish ».

**Solaimana : Raha marina ny teninao, dia nahoana àry no voaendrikendrika tsy ara-drariny ho tsy mpino izy ?**

**Ja'far :** Ankasomparana no antony. Ny mpitantara sy mpahay tantara dia nihevitra fa tsy mpino i Abou Talib tamin'ny nandaozany ny tany saingy tsy nanana porofo izy ireo ny amin'izany. Ny hadith sasany dia natao mba hanaratsiana ny Imam Ali (as) ka hilazana fa maty tsy mpino ny rainy.

**Solaimana : Fa betsaka ny hadith marina nanamarika fa ny Afobe no fara-fonenan'i Abou Talib?**

**Ja'far :** Araka ny finoana Shiita, dia noforonina avokoa ireny hadith ireny. Ny Mpaminany masina (saws) dia tena nanatrika ny fandevenana an'i Abou Talib (Enga anie mba ho faly aminy Andriamanitra). Nijanona teo ny Irak'Andriamanitra (saws) mandra-pametrahana ny fatin'i Abou Talib tao anaty fasana. Dia niteny izy : « Tanterakao ny Sile Rahem (nanaja ny zom-pifandraisana), O ry dadatoako, hahazo valisoa lehibe ianao amin'izany. Ianao no nitaiza sy nanalehibe ahy, nanohana ahy. Amin'ny anaran'i **Allah!** no angatahako Istighfar (famelan-keloka) ho anao ary hanelanelanana anao Aminy aho ka ho talanjona ny Jiny sy ny olombelona ».
(Sibte Ibn Jaouzi, Tadkeraku Khawwaas, Asnaul Matalib, Pj. 15)

Ankoatran'ny boky Tantara sy ny boky mirakitra ny tantaran'ny Mpaminany masina (saws), betsaka ny porofo mikasika ny finoan'i Abou Talib. Ireto tenin'i Abou Talib ireto dia efa mahalaza ny amin'izany :

« Mianiana amin'Andriamanitra aho, fa tsy afaka manao ratsy anao ireny olona ireny na dia manana fahefana aza raha tsy efa voalevina aho.
Aza matahotra manambara ny finoanao ianao, ary izaho dia hanambara vaovao mahafaly aminao ary afaka sokafanao mazava tsara ny masonao.
Nantsoinao Aho ary fantatro fa maniry hanao ny tsara Amiko ianao. Niteny ny marina ianao ary talohan'izany dia efa olona mendri-pitokiana ianao (Amiin).
Mazava amiko tsara fa ny fivavahan'i Mohammad no fivavahana tsara indrindra amin'ny fivavahana rehetra ety an-tany.
Atokisako fa nomen'Andriamanitra haja amam-boninahitra ny Mpaminany masina Mohammad (saws).
Ary amin'ny lehilahy rehetra dia i Ahmad no be haja amam-boninahitra indrindra. Anisan'ny iray amin'ireo anaran'Andriamanitra ny anarany. Be voninahitra izy.
Iray amin'ny anarany any amin'ny paradisa dia i Mahmood ary izy dia Mohammad ».

(Bihaaroul Anwaar, boky 35, Pj. 165)

## TAWASSOUL

**Solaimana : Ndao atodintsika any amin'ny Olomasina Ahloul-bayt (as) amin'izay ny resaka. Ianareo Shiita, dia diso tia azy ireo ka mila ho ampitovianareo amin'Andriamanitra izy ireo.**

**Ja'far :**Ahoana izany ? afaka manome ohatra iray ve ianao ?

**Solaimana : Ianareo Shiita dia mitady ny fanekena ny vavaka fangatahana (doua) ataonareo amin'ny alalàn'ny Ahloul-bayt (as). Mivavaka aminy ianareo (tawassoul).**

**Ja'far :** Ny Tawassoul dia tsy voarara na zava-baovao ara-pinoana (bidat). Marina izy araka ity andininy ao amin'ny Kor'any ity :

**« Ary ianareo mpino! Matahora an'Andriamanitra ianareo, ka tadiavo ny fomba hanakaikezanareo Azy, ary aoka ianareo hitolona amin'ny Làlany. Mba hahavotra anareo.** ».

(Sourat Al-ma-idah 5 : 35)

Amin'ny andininy hafa, mahita isika hoe :

« **Ary tsy nandefa Iraka Izahay raha tsy ho ankatoavina, izany dia alalana avy amin'Andriamanitra. Rehefa nanao ny tsy rariny tamin'ny tenany iz y ireo ka tonga nanatona anao, ary nibebaka tamin'Andriamanitra, ka raha nangataka famelan-keloka ho azy ireo ilay Iraka, dia ho hitan'izy ireo fa Mpamela heloka sy Mpamindra-fo tokoa Andriamanitra.**»

(Sourat An-nissa 4 : 64)

Ahmed Ibn Hanbal, Tirmidhi, Ibn Marjah sy olona hafa ihany koa dia nilaza izao mikasika an'i Ousman bine Hounaif :

« Nisy lehilahy jamba tonga tao amin'ny Mpaminany (saws) niteny hoe : azafady, mba angataho amin'Andriamanitra mba hanome tanjaka sy fahasitranana ahy. Namaly azy ny Mpaminany

(saws) hoe : Raha izay no fanirianao, hivavaka ho anao aho, ary raha ekenao, dia manana faharetana mba hahasoa anao. Namaly izy, mivavaha àry. Nobaikon'ny Mpaminany izy hanao wouzou ara-dalàna tsara sy hivavaka rakat roa (02) ary hanao fangatahana (Doua) toy izao : O ry **Allah** ! Mitalaho aminao aho noho ny fitiavan'ny Mpaminany (saws), izay Mpaminanin'ny fiantràna, mba hitodi-doha any Aminao ka ho tanteraka ny faniriako. O ry **Allah !** Ataovy ho mpanelanelana ahy izy». (Sounan Ibn Majah, boky I, Pj. 441)

**Solaimana : Angamba Nandritra ny andron'ny Mpaminany masina (saws) no nisehoan'izany. Fa afaka miteny ve isika fa ara-dalàna foana ny tawassul taorian'ny nahafatesan'ny Mpaminany (saws) ?**

**Ja'far :**Rehefa nekena ny fahamarinan'ny Tawassoul dia na maty na tsy maty ny Mpaminany dia ara-dalàna foana (saws). Ary ny mpanara-dian'ny Mpaminany masina (saws) dia nanohy ny tawassoul na dia efa maty aza izy. Ireo manampahaizana manokana mikasika ny hadith sy ny fomba amam-panaon'ny Mpaminany dia nilaza fa nandritra ny fotoam-piandrianan'i Ousman bine Hounaif, nisy lehilahy iray tonga tao aminy nanambara fa tsy noraharahaina izy ary tsy nisy valiny ny fitarainany. Niverina tamin'ny tenin'ny Mpaminany (saws) i ibn Hounaif izay nibaiko azy amin'ny fanatanterahana Wouzou sy rakat roa ary miteny hoe : « O ry **Allah !**mangataka Aminao aho noho ny fitiavana sy ny fanelanelanan'ny Mpaminany Mohammad (saws) izay Mpaminanin'ny fiantràna, mba hitodi-doha tanteraka Aminao. O ry Mohammad (saws), mifandray sy mitodi-doha amin'i **Allah** aho amin'ny alalan'ny fanelanelanana

ataonao, mba hahazo valim-bavaka tsara ». (Al Mojamoul Kabeer, boky 9)

Nivaly ny fangatahany ary lasa ilay lehilahy. Maro ny Silamo manaiky fa ny vavaka fanelanelanana (tawassoul) atao amin'ny Mpaminany (saws) dia marina, eny fa na talohan'ny nahatongavany tety an-tany. Voalaza fa i Hazrat Adam (as) dia nahita soratra teny amin'ny andrin'ny lanitra manao hoe :
« Tsy misy Andriamanitra hafa afa-tsy i Allah ary i Mohammad (saws) dia Irak'Andriamanitra ».
Voamarika ao amin'ny Moustadrak nataon'i Hakim izany ary notaterin'i Tibarani ihany koa.

**Solaimana : Tsara ! Fa lasa lavitra kokoa ianareo ka mihoatra ny Mpaminany masina (saws), manao vavaka fangataham-panelanelanana (tawassoul) amin'ireo Imamon'ny Ahloul Bayt (as) koa ianareo ?**

**Ja'far :**Marina izany nefa araka ny voalazako, ny Imamat dia fitohizan'ny Faminaniana. Ary na tsy Mpaminany aza ny Imamo (as), dia mpandimby ny Irak'Andriamanitra (saws) izy ireo.
Manana toerana ambony izy ireo eo anatrehan'Andriamanitra**.** Fa nahoana no mahagaga anareo izany? Marina fa nanao vavaka fangataham-panelanelanana (tawassoul) tamin'ny olona hafa tsy tao anatin'ny Ahloul Bayt (as), ny mpanara-dia ny Mpaminany masina (saws) ! Voamarika ao amin'ny Sahih Boukhari fa :
Nanana fahazarana i Oumar Ibn Khattab, rehefa mivavaka amin'i **Allah** dia mangataka fanelanelanana amin'i Abbas Ibn Abdoul Moutalib rehefa haitany ka mila orana. Hoy izy : « O ry Allah ! Mangataka aminao foana izahay amin'ny alalàn'ny Mpaminany (saws) dia noekenao ary nomenao orana. Ankehitriny, mitalaho Aminao izahay amin'ny alalàn'ny dadatoan'ny Mpaminany (saws). Noho izany, handatsaho orana ny taninay. Hoy izy : dia nahazo orana ny olona ». (Sahih Boukhari, boky 2, Pj. 75)

Tanteraka izany noho ny vavaka fangataham-panelanelanana (Tawassoul) noventesin'i Abbas izay ankoatran'ny maha-dadatoan'ny Mpaminany (saws) azy dia tsy nanana voninahitra manokana izy. Afaka mitanisa ohatra hafa ihany isika nampiseho fa ireo Imam tamin'ny sampa-pivavahana (secte) sasany dia nanao tonombavaka fangataham-panelanelanana (tawassoul) tamin'ireo lehiben'ny sampam-pivavahana hafa.

Ohatra, ny boky Al Khairaat oul Hassan fi Manaqibe Abi Hanifa an-noman, dia mitatitra fa rehefa nitsidika ny fasan'i Abou Hanifa ny Imam Shaf'iy (ra) dia nangataka fanelanelanana taminy mba hahatanteraka ny fangatahany. Torak'izany koa, ny Imam Ahmad bine Hanbal dia nanao tonombavaka fangataham-panelanelanana tamin'ny Imam Shaf'iy (ra).

Ao anatin'ny Sawaiqoul Mouriqa, ireto teny manaraka ireto dia mampahatsiaro sy midera ny Ahloul Bayt (as).

« Ny fianakavian'ny Mpaminany (saws) no varavarana hifandraisako amin'Andriamanitra**.** Manantena tokoa aho fa rahampitso amin'ny andron'ny fitsarana, dia ho raisiko ny Namaae Amaal ( ny vokatry ny asa vitako) amin'ny tanako havanana amin'ny alàlan'ny fanelanelananan'ireo fianakavian'ny Mpaminany (saws) ».

## TABARROUK

## (FITADIAVANA NY TSO-DRANO MASINA)

**Solaimana :Azo atao ny vavaka (Tawassoul) mba hahafahana mitalaho (doua) amin'Andriamanitra. Nefa hita fa rehefa mankany Lameka, Madina sy Irak ny Shiita, dia manao fihetsika hafahafa. Horohany ny tany fandevenana ao amin'i Baqi ary kasihany am-panajàna ny fefy manodidina ny fasan'ny Mpaminany (saws) sy ireo Imamon'ny Ahloul Bayt (as).**

**Manantena ny hahazo tso-drano (tabarrouk) ve ireo olona ireo amin'ny fanaovana izany fomba izany ?**

**Ja'far :** Eny. Araka ny fahitan'ny mpino Silamo rehetra, ny fitadiavana tso-drano masina (Tabarrouk) dia azo atao (moubah). Hiaraha-mahalala fa ny fanorohana ny Vato Mainty (Hajar-e-Aswad) mandritra ny Fivahinianana Masina (Hajj) dia tafiditra ao anatin'ny fombam-pivavahana.

**Solaimana : Fa izany fomba izany dia marina tsy azo isalasalana satria ny Mpaminany Masina (saws) dia nanao izany.**

**Ja'far :** Ny Mpaminany masina (saws) dia nanao fihetsika maro manaporofo ny fahafahana manao Tabarrouk. Ohatra, rehefa maty i Janabe Fatemah binte Asad, dia nofonosin'ny Mpaminany (saws) tamin'ny lambany ary napetrany tao amin'ny fasany. Ary rehefa nisy nanontany azy ny anton'izany fihetsika izany dia namaly izy (saws) nanao hoe : « Tiako tsy ho voakasiky ny afo (afobe) izy ary halalaka tsara ny fasany ».

(Kanzoul Oummal, boky 6, Pej. 7)

Nahazatra ny mpanara-dian'ny Mpaminany masina (saws) ny fanaovana Tabarrouk tamin'ny androny. Ary nahazo Tabarrouk ihany koa izy ireo tamin'ny vatan'ny Mpaminany masina (saws) ka nisy vokany tsara izany. Voamarika tao amin'ny Sahih Boukhari fa sitran'ny roran'ny Irak'Andriamanitra (saws) ny mason'i Ali (as) izay naharary. Voalaza izany tamin'ny zava-niseho tao Khaiber.
(Sahih Boukhari, Boky 4, H. 192, 219, 253 Natonta tamin'ny teny Angilisy sy Arabo).

Torak'izany koa, notantarain'i Anas Ibn Malik fa rehefa tsy nahita rano hanaovana Wouozu ny olona, dia nanatona ny Mpaminany (saws) avokoa izy ireo izay nanana tahirin-drano kely. Ary indray andro, nalefan'ny Mpaminany masina (saw) tao anaty fitaovana fasiana rano ny tànany. Hitan'ny vahoaka ary fa nivoaka rano ny rantsany ary afaka nanao wouzou tamin'izany izy ireo. Tao amin'io boky io ihany, nisy fitantaran'i Ourwah Ibn Masood nilaza fa safon'ny olona amin'ny tavany na ny tenany ny tànany rehefa avy mandray tànana ny Mpaminany masina (saws) izy ireo. Maro be ny olona mangataka rano aminy rehefa hanao wouzou tahaka ireny anaty ady ireny. Mouslim, amin'ny Sahih-ny, dia niteny fa rehefa tonga tao Mina (rehefa avy nandalo ny Ka'ba) ny Mpaminany masina (saws) dia solainy ny lohany taorian'ny fitoraham-bato an'i Satana sy ny sorona, ary zarainy amin'ny olona ny volony. Ary ao anaty boky hafa dia voalaza fa fahazarany ny nanome izany. Tao amin'ny Sahih Boukhari, dia voalaza fa i Hazrat Oumme Salmah (ra) dia nanana ampaham-bolon'ny Mpaminany (saws) ary rehefa misy ny marary maso, dia andefasany zinga misy rano i Oumme Salmah. Alefany ao anatin'io rano io ny volo ka sitrana avy hatrany ny marary. Misy hadith maro mikasika ny Tabarrouk amin'ny zana-tsipikan'ny Mpaminany masina (saws) sy eo amin'ny felatànany.
(Sahih Boukhari, boky 7, H. 787, teny Angilisy sy Arabo)

**Solaimana : Isika rehetra dia manaja ny zavatra na ny fitaovana mifandray amin'ny Irak'Andriamanitra (saws), saingy tamin'ny andronу. Nefa ianareo Shiita, dia manome voninahitra ny fasany sy ny an'ireo taranany, Ahloul Bayt (as) mandrak'ankehitriny. Ara-dalàna ve ny mitady Tabarrouk amin'ny Mpaminany (saws) na dia efa maty aza izy ?**

**Ja'far :** Misy ohatra maro mikasika ny mpanara-dian'ny Mpaminany masina (saws) izay mitady Tabarrouk na dia efa maty aza izy, enga anie ny fanahiko ho sorona ho azy. Ny iray tamin'izy ireo dia i Bilal ilay mpanao Azhan izay nampikasoka ny tavany teo amin'ny fasan'ny Mpaminany (saws).
Nandeha teo amin'ny toerana nisy ny fasan'ny Rainy i Janabe Fatema Zahra (as) ka naka vovoka izay nataony tamin'ny masony, ary niteny hoe :
« Izay naheno ny fofon'ny tany misy ny fasan'ny Irak'Andriamanitra (saws) dia tsy mila maheno fofona manitra hafa intsony amin'ny fiainany. Loza maro no hitako ka raha niseho tamin'ny atoandro izany, dia nivadika ho alina ny atoandro ».
(Wafa oul wafa de samhoodi, boky 2, Pj. 444)

Ny kalifa Abou Bakr sy Oumar dia namela hafatra mba ho alevina eo akaikin'ny Mpaminany masina (saws). Araka izany dia nitohy ny fanajan'ny Silamo ny fasan'ny Mpaminany (saws). Anisan'izy ireny, ny Shi-itan'ny Ahloul Bayt (as) izay maka Tabarrouk eo amin'ny fasan'ny Mpaminany masina (saws), eo amin'ny fasan'ny fianakavian'ny Mpaminany (saws) (Ahloul Bayt (as) sy amin'ireo olomasina.
Hoy Andriamanitra ao amin'ny Sourat Baqarah :

« Ary nilaza tamin'izy ireo ilay Mpaminany teo aminy: "Hamafisina
aminareo, fa ny porofo famantarana ny fanjakany, dia ny fahatongavan'ilay vata eo aminareo mirakitra fahatoniana avy amin'ny Tompo Zanaharinareo, sy ny sisa tamin'izay navelan'ireo taranak'i Mosesy sy ireo taranak'i Harona. Ireo Anjely no hitondra izany. Hamafisina, fa amin'izany rehetra izany dia misy

porofo famantarana miharihary ho anareo, raha mpino marina ianareo.»

(Sourat Al-baqarah 2 : 248)

Io andininy io dia milaza ireo zavatra izay nisy fifandraisana tamin'ireo Mpaminany (as). Mahazo tombontsoa amin'ireo zavatra ireo izy rehefa tojo fahasahiranana.
Na dia izany aza, tsy voatery (wajib) ny Tabarrouk ary tsy fampitambarana an'Andriamanitra amin'ny zavatra hafa (shirk) ihany koa ny fanaovana azy. Ohatran'ny fomba iray hanehoana ny fanajana sy ny fitiavam-bavaka izy. Ilaina ny fanoherana ireo mitady hanambany ny Mpaminany (as) na mitady hampietry ny Mpaminany masina (saws).

## SHAFA'AT (FANELANELANANA)

**Solaimana : Tianao tenenina ve fa ny fahasoavana (barakat) angatahinao dia ho famelana ny fahotanao ary ahazoanao ny Paradisa fa tsy ny afobe ?**

**Ja'far :**Tianao horesahina angamba ny Shafa'at ilay tombom-pahasoavana avy amin'i **Allah,** izay omeny ny mpanompony madio fo indrindra ka ahafahany mangata-pamelana ho an'ny hafa sy manavotra azy ireo mba hialàny amin'ny sazin'Andriamanitra sy hidirany any amin'ny Paradisa. Ary izany dia tsy misy ifandraisany amin'ny fampitambarana

an’Andriamanitra amin’ny hafa (Shirk). Ny fanelanelanana (Shafa’at) dia eo ambany fifehezan’Andriamanitra, ary tsy afaka atao raha tsy mahazo alalana amin’Andriamanitra**.** Manome alàlana izay olona tiany hanelanelana ho an’ny hafa Izy. Voalaza ao amin’ny Kor’any izany manao hoe :

« … Tsy misy mpanelanelana raha tsy amin’ny alalany… »

(Sourat Younous 10 : 3)

« … Koa zovy no hanao fanelanelanana eo Aminy, raha tsy alalana avy Aminy?

(Sourat Al-baqarah 2 : 255)

« Amin’io andro io, dia tsy hisy hahazo tombontsoa amin’ny fanelanelanana, afa-tsy izay nomen’Ilay be Fiantrana alalana, ka nankasitrahany teny.»

(Sourat Ta.Ha 20 : 109)

Ny Irak’Andriamanitra (saws) dia nanambara izany vaovao tsaran’ny Famindra-po (Rahmat) izany tao amin’ity toko mikasika ny fidiovana amin’ny vovoka (Tayammoum) ity :
« zavatra dimy no nomena ahy, izay tsy nisy olona hafa nahazo izany … Nomena ahy ny Shafa’at ».
(Sahih Boukhari, Boky 1, Pj. 256 – Teny Angalisy)
Toy izao no voalazan’ny Irak’Andriamanitra, voarakitra ao amin’ny Sahih Mouslim :

«  Izaho no lehiben'ny zanak'i Adama amin'ny andro farany (Qiyamat) … ary izaho no ho mpanelanelana voalohany sy ho tompon'ny fanelanelanana ».
(Sahih Mouslim, Boky 4, Pj. 1230 – Anglisy)

Ary mbola niteny izao manaraka izao izy (saws) tao amin'ny Sahih Boukhari :
« Ho avy hanaraka ahy ny olona ary izaho hiankohoka eo anatrehan'i **Allah** eo amin'ny seza fiandrianany. Dia hisy hiteny amiko hoe : O ry Mohammad ! Atrakao ny lohanao, manelanelàna fa ho ekena izay fanelanelanana ataonao ary angataho izay irianao fa ho tanterahana izany ».
(Sahih Boukhari, Boky 4, hadith. 556 & Boky 3, hadith. 3)

**Solaimana :  Tsy hitanao ve fa ny fanelanelanana (shafa'at dia mamporisika ny olona hanota bebe kokoa ? Indrindra fa amin'ny teny hoe : « Ny fanelanelanako dia ho an'ireo nanao fahotana lehibe ».**

**Ja'far :** Tsia, satria tsy zon'ny mpanota ny mahazo fanelanelanana (shafa'at), fa fahasoavana avy amin'Andriamanitra ka izay mendrika ihany no hahazo tombontsoa amin'izany. Niteny ny Imam Sadiq (as) : « Ny fanelanelananay (Ahloul Bayt-as) dia tsy mihatra amin'ireo manamaivana ny fivavahana (Salaat) ». (Bihaaroul Anwaar, Boky 82, Pj. 236)
Etsy andaniny, ireo hadith izay nilaza fa ny fanelanelanana (shafa'at) dia natokana ho an'ireo nanao fahotana lehibe, dia mba hampisy fanantenana ao am-pon'ireo efa kivy. Amin'izay mba manana fanantenana izy ireo ka hangata-pamelàna sy hiala

amin'ireo fahotana ka hanatsara kokoa ny fiainany. Ary zava-dehibe izany.

## NY TSY FANAOVANA FAHADISOANA

**Solaimana : Marina ve fa ny Shiita dia mino fa ny Mpaminany masina (saws) sy ireo Ahloul Bayt (as) dia tsy manao fahadisoana ary tsy azom-pahotana mihitsy, na dia fahotana farany kely indrindra aza ?**

**Ja'far :**Marina izany. Izay misy ny ratsy dia itoeran'i Ibliss sy ny fitiavan-tena. Nefa i Ibliss dia tsy manana fahefana amin'ireo mpanompon'Andriamanitra marina araka ny voalazan'ny Kor'any. Dinihantsika ny andininy 30-42 ao amin'ny Sourat Hidjr : « Hoy izy: "Ry Tompoko! Noho Ianao nampiditra ahy tamin'ny hadisoana, dia hatsaraiko amin'izy ireo, ny fiainana eny ambonin'ny tany, ary hodisoiko làlana izy rehetra, afa-tsy ireo mpanomponao voafidy amin'izy ireo. »

(sourat Hidjr 15 : 39-40)

« fa ireo mpanompoko, dia tsy hanananao fahefana na kely aza, afa-tsy izay hanaraka anao amin'ireo diso làlana, »

(sourat Hidjr 15 : 42)

**Solaimana : Nefa ny Shiita dia mino fa ireo Imamon'ny Ahloul Bayt (as) dia tsy manao fahadisoana ihany koa ?**

**Ja’far :**Niteny isika fa ireo Imam dia tsy manao hadisoana satria ny tsy fanaovana fahadisoana dia anisan’ny fepetra takian’ny Imamat. Tsy hisy anefa izany amin’ny olona tsy marina. Ary ny tsy fahamarinana dia anisan’ireo antony mahatonga ny tsy fankatoavana (fahotana). Milaza ny Kor’any fa :
« Ary tsarovinareo, raha nahazo fitsapana tamin’ny Tompo Zanahariny i Abrahama (Ibrahim) tamin’ny alalan’ireo teny, ka dia tanterany tokoa izany. Niteny taminy Izy: “Lazaiko ary hamafisiko, fa nanapa-kevitra ny hanendry anao ho mpitarika (Imam) ny olombelona Aho”. Dia hoy izy nanontany: “Ary izany va hahakasika ireo taranako?”, namaly azy Andriamanitra: “Tsy ho voakasiky ny fanekeko ireo mpanao ny tsy rariny”.»

(Sourat Al-baqarah 2 : 124)

Ary ny baikon’Andriamanitra ihany koa no mitarika ireo Imamo :
« Nataonay ho mpitondra izay hitarika ny olona araka ny didinay izy ireo. … »

(Sourat Al-anbiya 21 : 73)

**Solaimana : Amin’ny ankapobeny ireny andininy ireny, fa tsy mikasika ireo Mpaminany voafidy.**

**Ja’far :** Nambara fa ny Imamon’ny Ahloul Bayt (as) dia voalaza amin’ny akampobeny ao anatin’ireny andininy ireny. Ary aza adino, fa noesorin’Andriamanitra avokoa ny fahalotoana tamin’ny Ahloul Bayt (as) ary nodioviny araka ny filazana mazava ao amin’ity andininy ity :

« … Ny hanala ny fahalotoana aminareo no tadiavin'Andriamanitra, ry fianakavian'ny Mpaminany, ary ny hanadio anareo tanteraka.». (Sourat Al-ahzab 33 : 33)

Ny fahendrena dia mandidy fa izay manana ny andraikitra hitarika olona, dia tokony ho olona filamatra sy tsy misy hokianina. Ary ny zavatra ataony rehetra dia tokony ho ara-dalàna mba ho afa-po aminy ny olona ary hino azy tsy ampisalasalàna. Allah, Ilay be Voninahitra dia niteny :

« Ary ianareo mpino! Mankatoava an'Andriamanitra ianareo, ary mankatoava ihany koa ilay Iraka sy ireo manam-pahefana eo aminareo….»

(Sourat An-nissa 4 : 59)

Tsy azo lavina fa Andriamanitra dia tsy hanome baiko amin'ny fankatoavana tsy misy fepetra afa-tsy amin'ireo izay tsy manao hadisoana.
Ahoana no ahafahan'ny Mpaminany (saws) hilaza fa tsy ho very ny vahoakany (Oummat) raha toa ka mbola mifikitra amin'ny Imamat izy ireo, ka raha ohatra ny Imamo mety hanao fahotana?
Ny hadith malaza manambara mikasika izany moa dia toy izao :
« Zavatra mavesatra anankiroa no ajanoko aminareo, raha mifikitra tsara amin'izany ianareo dia tsy ho very lalana na oviana na oviana aoriako. (Tsy inona moa izany fa) ny bokin'Andriamanitra sy ny taranako, ny Ahloul Bayt-ko ».

(Al Ittihaaf bi houbbil Ashraaf, Pj. 22)
Ny fifandraisana tsy azo lavina misy eo amin'ireo Imamon'ny Ahloul Bayt (as) sy ny Kor'any masina dia manaporofo ny tsy

fanaovan'izy ireo fahadisoana. Satria ny Kor'any tsy azo kianina dia mitovy amin'izany ihany koa, ireo Ahloul Bayt (as) dia tsy manao hadisoana. Izay mino ny fahamarinan'izany hadith izany dia tokony hino ihany koa ny tsy fanaovan'ireo Masoomin (as) fahadisoana.

**Solaimana : Misy andininy sasantsasany milaza ny tsy fahamarinana nataon'ny Mpaminany tamin'ny tenany ihany. Tahaka izay voalaza ao amin'ny Sourat Abasa, tamin'izy niketrona endrika nony vao nahatazana ny lehilahy jamba anankiray !**

**Ja'far :**Ny fomba tsara indrindra hanamarinana ny andininy toy izany dia ny famakiana andininy hafa :
« Hamafisina, fa ianao dia ambony toetra tokoa.»
(Sourat Al-qalam, 68:4)

Voamarika ao amin'ny fanazavana ny teny voalaza ao amin'ny Kor'any fa nipetraka niaraka tamin'ireo lohandohan'ny mpisorona tao amin'ny Qouraish ny Mpaminany (saws) mba handresy lahatra azy ireo hiditra ny finoana Islamo. Mety tonga nipetraka teo aminy ilay jamba ary nanapaka matetika ny tenin'ny Mpaminany masina (saws). Ny mpandinika sasany dia nilaza fa « niketrona » ny Mpaminany masina (saws), nefa ahoana no mahatonga izany, satria ny Kor'any vao nilaza fa ao aminy ny toetra tsara rehetra ? Ary raha mandinika io tantara io dia ohatran'i Bani Oummayyah no voateny hoe « niketrona ». (miverina amin'ny Kor'any masina, voadika amin'ny teny Ourdou izay nazavain'i Allamah Zishan Haider Jawadi)

Afaka mijery ny fanazavana (Taf-sirs) ny Kor'any masina ianareo raha maniry ny handalina izany. Ny fanazavana (taf-sir) mendrika indrindra dia ny Al-Mizan fi-Tafsiril Qouran nataon'i Allamah Sayed Mohammad Houssein Tabatabai sy Majmaoul-Bayan fi Tafsiril Qouran de Tabarsi.
Na izany aza, mihevitra izahay fa ny fisalasalàna mikasika ny tsy fanaovana fahadisoana dia mitombona amin'ireo andininy mampisalasala fa tsy amin'ireo andininy mazava (mohkam). Tsy azon'ny olona tsara ny hevitr'ireny andininy ireny ka mahatonga azy hisalasala momba ny tsy fanaovan'ireo Mpaminany hadisoana. Araka ny finoantsika, ireo andininy dia tsy mikasika ny asa tsy maintsy atao sy ny voarara.
Ary farany, ny finoana Shiita dia mino fa ny Mpaminany masina (saws) sy ireo Imamo (as) dia voadio tsy manao hadisoana, fa ny zavatra mety ataon'izy ireo dia ny Tark-e-Awla (namela ny zavatra tsara kokoa tokoa atao) izay tsy fahotana akory.

## FAMANGIANA FASANA

**Solaimana : Manaja ny fasan'ireo Ahloul Bayt (as) ianareo ary tianareo ny mitsidika (ziarat) izany, tsy voarara ve izany ?**

**Ja'far :**Mino izahay fa ireo hadith izay nampiasain'ireo mandrara ny famangiana fasana dia mety tsy marina na tsy mazava tsara. Satria fomban'ny Mpaminany (saws) ny mamangy fasana. Nitsidika ny fasan'ny Reniny malalany izy ary nandrotsa-dranomaso teo. Ary nanao toa izany koa ireo mpanaradia azy. (Sahih Mouslim 2 : 67)

Toraka izany koa, namangy ny fasan-dRainy i Fatemat Zahrah (as). Ny Silamo dia nanohy nitsidika ny fasan'ny Mpaminany masina (saws) sy ireo Ahloul-Bayt (as) ao amin'ny toerana fandevenana Baqi ao Medina. Toy izao ny hadith marina milaza mikasika izany :

« Raha ny marina dia noferako tsy hamangy fasana ianareo, nefa tsidiho izy ireny, hampahatsiaro anareo ny any ankoatra izany ».
(Sounan Tirmidhi, Boky 3, Pj. 370)
Hatrany am-boalohany, dia efa fomban'ny olona (Silamo) ny mamangy fasana.

**Solaimana : Na dia izany aza, ampitovianareo amin'Andriamanitra izy ireny sy hajainareo be laotra. Ary nanorina toerana fiderana teo ambonin'ny fasana koa ianareo ?**

**Ja'far :** Allah, Ilay Be Voninahitra, no nibaiko anay hidera ny toerana nisy an'i Ibrahim (as), izay toerana hanaovana fanompoana. Toy izao no voalaza ao anatin'ny Kor'any masina :
(Sourat Al-Baqarah 2 : 25)

« Etsy andaniny, ny toerana nialofan'ireo « Olon'ny lavabato » dia lasa toeram-piderana ihany koa. Toy izao no voalazan'ny Kor'any :
« Noho izany izy ireo dia miady hevitra mikasika azy, ary nanambara izy ireo hoe: "Manorena trano eo ambonin'izy ireo (toerana). Mahafantatra kokoa azy ireo ny Tompony". Fa ireo izay nandresy (tamin'ny adihevitra) dia niteny hoe: "Aoka isika hanangana toeram-pivavahana ambonin'izy ireny". »

(Sourat Al-Kahf 18 : 21)

Ary koa, ny Irak'Andriamanitra (saws), ny Ahloul Bayt (as) sy ireo mpitarika eo anivon'ny finoana Islamo hatramin'izao dia, mivezivezy manodidina ny Hijr-e-Ismail (amin'ny Hajj na Oumrah). Ary marina fa, fasan'i Hazrat Ismail (as), ny Reniny Hajara (as), ireo zananivavy ary ireo Mpaminany (as) maromaro izany.
Ary izao, raha voarara ny mitsidika na manova ho toeram-piderana ny fasan'ireo Mpaminany, ireo Irak'Andriamanitra sy ireo mpanompo tia vavaka, dia nahoana ny Mpaminany masina (saws) no manaraka izany fomba izany ? Ary raha fanaon'ny Irak'Andriamanitra (saws) izany, inona no manakana antsika tsy hanao toy izany koa (sounnat)?

**Solaimana : Tsy fampitambarana an'Andriamanitra amin'ny zavatra hafa ve izany (shirk), mampifandray olona na zavatra amin'Andriamanitra !**

**Ja'far :**Ahoana no maha-shirk an'izany nefa nataon'ny Irak'Andriamanitra (saws) ? Ary mbola tsy nahita Silamo iray nivavaka mitodika amin'ny fasana ianao mandray izany ho toy ny fitodihana (Qibla)? Rehefa mahita olona mivavaka eo amin'ny fasana ianareo, dia fantaro fa manompo an'Andriamanitra izy ireo. Tsy niova Andriamanitra izy ireo. Manompo an'Andriamanitra eo amin'izany toerana izany izy satria toerana masina sy voadio izany, ary hamafisina fa voarara ny manompo zavatra hafa ankoatran'Andriamanitra eo amin'ny fasana, nefa zavatra tsy misy izany eo amin'ny tontolon'ny mpino silamo. Tsy misy lanjany ny fandikana vilana nataon'ny olona sasany mikasika io fomba io.

**Solaimana : Tsy nahafa-po anareo ve ny famangiana fasana fa mbola nanao sorona ireo biby ihany koa ianareo eo amin'izany toerana izany ho karazana voady (nazr) ?**

**Ja’far :**Tsy hahita olona (silamo) mihitsy ianao, handenta osy na ondry mba ho very eo ambonin’ny fasana ny ràny. Tantara namboarina izany ary fiezahana hampiova ny dikan’ny “Nazr” (voady). Ny voady (nazr) dia misy roa karazana. Ny iray dia ho an’Andriamanitra nefa omeny ny hafa ny valisoany (sawab) amin’ny alàlana avy amin’Andriamanitra. Ny faharoa dia ho an’ny Mpaminany (saws) na ho an’ireo olomarina amin’ireo mpino Silamo. Ohatra amin’izany ny fanamboarana Moske, ny fanampiana ny kamboty na fanaovana zavatra hafa ho fanompoana an’Andriamanitra, Ilay Tokana tsy misy famenony. Rehefa vita izany asa izany, dia atolotra ny Mpaminany masina (saws) na olona tsara ny valisoa.
Ny Irak’Andriamanitra (saws) dia niteny tamin’ny tovovavy iray nanan-kevitra ny hanao zavatra ho an’ny Rainy hoe : « Tanteraho ny voadinao ».

(Sounan Abi Dawood, Boky 2, Pj. 80)

Torak’izany koa, ny lehilahy iray izay nanan-kevitra ny handenta rameva noho ny antony hafa tsy misy hifandraisany amin’ny sampy sy ny fomba amam-panao tamin’ny andron’ny tsy fahalalàna (jahiliya). Rehefa niera tamin’ny Mpaminany masina (saws) izy amin’ny fanatanterahana izany, dia hoy ny Mpaminany : « Tanteraho ny voadinao (Nazr) ».
Raha ny mikasika ny famonoana ondry eo ambony fasana indray, raha misy izany fomba izany dia fanolorana valisoa (sawab) ho an’ilay olona milevina ao (ny hena dia zaraina amin’ny mahantra sy ny sisa). Fanompoana an’Andriamanitra izany fa tsy fanompoana izay maty ao am-pasana. Mifanohitra amin’izany, raha misy biby novonoina tsy araka ny shariat (lalàna ara-pinoana) dia fady ny mihinana ny henany. Ny lalàna ny

famonoana biby dia manonona ny Bismillah sy ny **Allah** Akbar ary mitodika amin'ny Qibla (Ka'ba masina). Tokony ho Silamo ny mpamono ny biby. Ary ankoatr'izay, raha manao voady izy dia tokony hiteny hoe (Amin'ny anaran'i **Allah** no hanaovako sorona ity biby ity ho voady "Nazr"). Ny manampahaizana Silamo rehetra dia samy manaiky fa azo atolotra ny maty ny valisoa amin'ny fanatanterahana voady "Nazr".

## NY FIVERENANA (RAJA'T)

**Solaimana : Mino ny Shiita fa mbola hiverina fanindroany indray eto an-tany ny Imamony (as), fotoana ela aorian'ny nahafatesany. Ahoana no hanazavanao izany finoana izany ?**

**Ja'far :**Ny tena dikan'ny Fiverenana (Raja't) dia hatsangan'Andriamanitra izay manana fahefana tsy misy fetrany, amin'ny maty, ny olona maromaro amin'ny andro hisehoan'ny Imamo Mahdi (a.t.f.s) amin'ny faran'izao tontolo izao. Misy fanamarihana roa : voalohany, mety hisy tokoa ve ny Fiverenana ?
Tsy maintsy mino izay voasoratra ao anaty Kor'any ny Silamo rehetra, ary ao anatin'izany boky masina izany dia misy andininy toy izao :
« …Ary dia nataon'Andriamanitra tanaty fahafatesana nandritra ny zato taona katroka izy . Avy eo vao novelominy indray ».

(Sourat Al Baqarat 2 :259)

« …Ka hoy Andriamanitra tamin'izy ireo: "Matesa ianareo". Ary avy eo dia novelominy indray izy ireo.»

(Sourat Al Baqarat 2 :243)

Toy izao no voalazan'Andriamanitra mikasika ny olon'ny lavabato :
« Hiteny izy ireo hoe: "Tomponay ô! Nataonao maty indroa izahay, ary novelominao indroa ihany koa… ».
(Sourat Moumin 40 : 11)
Ho tohin'ireo andininy ireo, dia tokony ho ekentsika tsy ampisalasalàna fa mety hisy ny Fiverenana.
Faharoa : Misy andininy manaporofo ny Fiverenan'ny Imamo (as) sy olona maromaro. Misy hadith maromaro milaza mikasika izany. Ary voaporofo koa izany amin'ny zavatra takian'ny lalàna ara-pinoana Islamika (Chariat). Noraisina ho sampana iray ao anatin'ny finoana Shiita izany, na dia tsy tafiditra anisan'ireo zavatra tsy maintsy hinoana ao anatin'ny finoana (Dharooriyaati Diin). Izany hoe raha mino izany ny olona iray dia efa ampy azy izay, fa raha tsy mino kosa dia manana fahalalahana izy afaka mikaroka sy manadihady. Izay tsy mino ny Fiverenana dia tsy nanota ary tsy nikomy tamin'Andriamanitra araka ny lalàna Shiita.

## MAHDI, ILAY ANDRASANA

**Solaimana : Ny Shiita dia mino fa i Mahdi, ilay andrasana, no Imamo faha-roambinifolo, marina ve izany ? Ary miafina (ghaib) izy alohan'ny fisehoany indray?**

**Ja'far :** Ny finoana an'i Mahdi, ilay andrasana dia tsy natokana ho an'ny Shiita. Ny mpino Silamo rehetra dia mino fa amin'ny farandro dia ho avy i Mahdi hampanjaka ny fahamarinana sy ny rariny eto an-tany toy ny nanjakan'ny tsy fahamarinana sy ny fangejana tety an-tany. Mikasika ny fitondrana eto an-tany, manamarika ny Kor'any hoe : «Nosoratanay tao amin'ny Zabora taorian'ny fampahatsiahivana, fa handova ny tany ireo mpanompoko mendrika.»

(Sourat Al-anbiya 21 : 105)

Maro ireo hadith voalaza mikasika an'i Mahdi (as), ary ny ankamaroan'izy ireny dia notaterin'ny manampahaizan'ny Ahloul Sounna amin'ny ankapobeny. Ohatra :
Samarqandi, ao anatin'ny bokiny Tohfatout Talib, Sharani tao amin'ny Al-Yawaaqiito wal Jawahir, Kwaja Parsa tao amin'ny Fasoul Khitab, Ibn Hajar Asqalani tao amin'ny Qaoloul Moukhtasar, Mohammad ibn abi Talha tao amin'ny Matalibusso-oul, Shablanji tao amin'ny Nooroul Absar, Sawaidi tao amin'ny Sabaikouzzahab. Ireny olona ireny dia samy nanambara fa i Mahdi (as) dia i Mohammad zanakalahin'i Hasan al-Askari (as), velona izy sady misy mitovy amin'i Issa (as). Hijanona ohatra izay foana izy mandra-pamelan'Andriamanitra azy hiseho indray tahaka ny hamelàny an'i Issa (as) hidina ihany koa.
Ireo manampahaizana sasantsasany amin'ny Ahloul Sounna dia nilaza fa avy amin'ny Ahloul Bayt (as) i Mahdi (as).
Al Boukhari ao amin'ny toko « Fidinan'i Issa (as), dia nanambara hadith toy izao nolazain'ny Mpaminany masina (saws) :
« Inona no hataonareo rehefa tonga eo aminareo ny zanakalahin'i Mariam sy ny Imamonareo ? »
Ao amin'ny Sahih (Boky 2), i Mouslim dia mitatitra hadith toy izao voalazan'ny Mpaminany masina (saws) : « Amin'ny fiafaràn'ny vahoakako (Ummat) dia hisy kalifa iray hanangona harena tsy manam-petra ary tsy ho voaisa ».
« Io kalifa io dia i Mahdi », hoy Tirmidhi sy Abi Daoud.

(Sounan Tirmidhi, Boky 2, Pj. 270, Sounan Abi Daoud, Boky 4, Khitaboul Mahdi)
Ao amin'ny Sahih Abi Daoud, Boky 3 sy 4, ary i Tirmidhi ao Sounan-ny dia nanoratra fa toy izao no voalazan'ny Irak'Andriamanitra (saws) :
« Tsy hifarana ity tany ity raha tsy tonga ny olona iray avy amin'ny Ahloul Bayt-ko hitondra azy. Hitovy amin'ny anarako ny anarany. Na tsy misy afa-tsy andro iray sisa mialoha ny farandro, dia ho halavain'Andriamanitra izany mandra-pahatongan'ilay olona avy ao amin'ny Ahloul Bayt-ko, hameno fahamarinana sy rariny ity tany ity izay nanjakan'ny tsy fahamarinana sy ny tsy fitovian-jo ».
Nitatitra mitovy amin'izany hadith izany koa i Abi Daoud saingy nisy teny vitsivitsy fanampiny :
« Hanjaka mandritra ny fito taona izy ».

Nanamafy i Abi Daoud fa marina io hadith io, ary i Tibrani dia nitatitra izany tao amin'ny Mojam-ny, ary nomarihin'ireo manam-pahaizana hafa ihany koa izany. (Sounan Abi Daoud, Boky 4, Kitaboul Mahdi) Ibn Tayyimiyah dia milaza ihany koa ao amin'ny bokiny Minhajous Sounna manao hoe :
« ireo hadith milaza mikasika an'i Mahdi dia fanta-daza. Voalaza ao amin'ny Mousnad nataon'i Ahmad Ibn Hanbal, Sounan nosoratan'i Sajistani sy Tirmidhi ary boky hafa ihany koa izany ».
Sady vitsy ny olona no tsy mino an'i Mahdi, ary ny antony tsy mampino azy ireo dia noho ny tsy fahalalàny sy ny fanambonian-tena. Ny ankabeazan'ireo manam-pahaizana dia nanaiky ny fahamarinan'ny finoana an'i Mahdi (a.t.f.s)

## Ho ataon'i Mahdi ho heniky ny Fahamarinana sy ny rariny ny tany

Moustadrak nosoratan'i Al-Haakim, Boky 4, Pj. 558 :

Abou Abbas Mohammad Ibn Yakoob nitantara tamin'i Hajjaj bine Rabi bine Solaiman, avy amin'i Asad bine Moosa, avy amin'i Hammad bine Salmah, avy amin'i Matrou sy Abi Haroon, izay nitatitra tamin'i Abi Siddiq an-Naji tamin'i Abou Saiid Khoudri fa niteny ny Irak'Andriamanitra hoe :
« Ho feno tsy rariny sy fanagejana ny tany ka hisy olona iray avy amin'ny fianakaviako ho avy hitondra mandritra ny fito na sivy taona ary hampanjaka ny fahamarinana sy ny rariny ».
Misy boky hafan'ny Ahloul Sounnat milaza hadith toy izao :
Al Moustanad, Boky 3, Pj. 28 sy 80, Arbaiin nataon'i Abou Nouyam, Faraidous Simtain, Talkhiisoul Moustadrak, Boky 4, Pj. 558, Al Haawi al Fatawi Pj. 63.
Mousnad Ahmad Hanbal, Boky 3 Pj. 17 : Abdoullah nitantara tamin'ny Rainy, avy amin'i Abou Nasr, Abou Mouawiya Shaiban, Matar bine Tahman, Abi Siddiq Naji, Abou Saiid Khoudri fa niteny ny Irak'Andriamanitra (saws) hoe : « Tsy ho tonga ilay Ora (tsy ho avy ny andro farany) raha tsy misy olona iray avy amin'ny fianakaviako (Ahloul Bayt (as)), mazava endrika sy be orona hameno fahamarinana sy rariny ny tany tahaka ny namenoana azy tsy fahamarinana sy fanagejana ».
Ny boky hafa misy io rakiteny io dia ny Faraiidous Simtain ao amin'ny tokon'ny Ramoozul Hadith, Pj. 447.
(Sounan Abi Daoud, Boky 4, Pj. 154)

Sahal bine Tamaam dia nampiseho tamin'i Imranoul Qitan, Qatadah, tamin'ny dadany Nazrah, tamin'i Abi Saiid Khoudri fa ny Irak'Andriamanitra (saws) dia niteny toy izao :
« Avy amiko i Mahdi, be handrina sy orona izy, hofenoiny fahamarinana sy rariny ny tany toy ny namenoana azy tsy fahamarinana sy fanagejana. Hitondra mandritra ny fito taona izy ».

Misy boky hafa koa milaza io hadith io :

Al Moustadrak, Boky 40, Pj. 557 ; Al Jama bainal Sahihain, Al Arbaiin, Al Masaabihous Sounna, Boky 2, Pj. 134 ; Tazkiratoul qourtoubi, Al Bayan Fi Akhbaari Sahibouzzamaan, Mountakhab Kanzoul Oummal, Boky 6, Pj. 30 ; Talkhisoul Moustadrak, Boky 4, Pej. 557 ; Mishakatoul Masabih Boky 3, Pj. 24 ; Matalibus So-ool Pj. 89 ; Nooroul Absar Pj. 229 ; Al Fousooloul Mohimma Pj. 272 ; Al Haawi wal Fatawi Boky 2, Pj. 57 ; Al Jamious-Saghir Boky 2, Pj.579 ; Yanaabioul Mawaddah Pj. 340 ; Moukhtasar Tazkirah Qourtoubi Pj. 131 ; Al Fathe Kabir Boky 3, Pj. 259 ; Sharhe Mishkat Boky 44 Pj.338.

**Solaimana : Koa inona àry no maha-samihafa ny Shiita sy ny Sounnita amin'io hevitra io ?**

**Ja'far :** Samihafa izy ireo mikasika ny niavian'i Mahdi. Ny fanontaniana dia ny finoana raha :
Efa teraka i Mahdi fa amin'ny toerana tsy hitamaso ka hiseho rehefa mahazo alàlana avy amin'Andriamanitra. Na ho teraka amin'ny ho avy amin'ny fotoana hisehoany. Zanakalahin'i Hasan al-Askari (as) ilay Imamo faha-iraikambinifolon'ny Shiita ve izy? Teraka tamin'ny faha-15 ny volana Shaban 255 A.H ve izy? Sa olona hafa mihitsy izy?

**Solaimana : Ahoana no nampanjavona an'i Mahdi (as)?**

**Ja'far :** Dimy taona monja ny Imam Mahdi (as), no maty ny rainy, Imam
Hassan al-Askari (as). **Allah**, Ilay be fiantrana, da naniry ny hipetrahany lavitra ny olona sy ny mpitondra tsy refesi-mandididin'i Bani Abbas. Fantatr'ireo mpitondra ireo fa araka ny finoana Shiita dia ny zanakalahin'ny Imamo Hasan al-Askari no i

Mahdi ilay andrasana, izay handrava ny fanjakana mpangeja ka hanangana ny lalànan'ny fahamarinana. Natahotra àry izy ireo ka nanapa-kevitra ny hamono hahafaty azy raha vao nandre fa ilay zaza dimy taona no handimby ny Imamo Hasan al-Askari (as). Saingy tsy hitan'izy ireo ny nisy azy. Tsy hita izy nefa tao antranon-dRainy ka tsy nahatazana azy na ny olon'i Samarra, Bagdad na ny faritra hafa misy ny fahavalony.
Nandritra ny 69 taona garangidina, 260 AH hatramin'ny 329 AH, ny Imam faha-12 (as) dia tsy hita fa nitazona ny fifandraisany tamin'ireo mpanaradia azy tamin'ny alàlan'ny solontena manokana (Nawwabe Khassa). Izany fotoana izany no nantsoina hoe fanjavonana fohy na kely (Ghaibate Soughra).
Taorian'ny fahefatra tamin'ireo solontenan'ny Imamo, izay farany tamin'ireo solontenany, no niandoha ny fotoanan'ny fanjavonana lehibe (Ghaibate Koubra). Nandritra io fotoana io dia tsy nisy solontena manokana intsony, nanelanelana ny Imamo (as) sy ny mpanaraka azy. Ka rehefa manana olana ny olona dia tsy maintsy manatona ireo mpivavaka manampahaizana(Fouqaha).

**Solaimana : Fa ahoana no hahafahan'ny zaza dimy taona handray andraikitra hitarika vahoaka (Oummah) ?**

**Ja'far :** Raha manontany ahy ny fahamarinan'izany tantara izany ianao dia tokony hiverina hijery ireo boky miresaka mikasika izany. Ary raha mikasika ny fahazazany, dia Andriamanitra no manapa-kevitra ny amin'ny zavatra rehetra. Ka raha Tiany ny hanome ny faminaniana sy ny Imamat amin'ny ankizy dia ataony izany.
Noho izany, hitantsika ao amin'ny Kor'any fa i Issa ibn Mariam (as) dia notendreny ho Mpaminany fony izy mbola zaza :

« Nanondro ny zazakely izy (Maria). Hoy izy ireo: “Ahoana no hiresahanay amin-jazakely mbola eo am-pandriana?”.
Fa hoy izy (zazakely): “Tena mpanompon’Andriamanitra marina aho.Nanome ahy ny Boky Izy, ary nanendry ahy ho Mpaminany,»

(Sourat Maryam 19 : 29-30)

Ankoatra izany, ny fahendrena dia nomena an’i Hazrat Yahya (as) tamin’ny fahazazany :
« Ry Yahya (Jaona)! Mifikira mafy amin’ny Boky (ny Taoraty)”. Nomenay ny fahendrena izy, fony mbola zaza,».
(Sourah Maryam 19 : 12)

**Solaimana : Nahoana no olona teraka tamin’ny 235 A.H no mbola velona foana taorian’ny arivo sy dimapolo taona ?**

**Ja’far :**Mety ho velona ela tokoa ny olona, ary afaka ho lava velona izy mandrapahatongan’ny antony hahafaty azy. Tsy misy fetrany izany, ary ao amin’ny tantara dia betsaka ny olona tena lava andro iainana.
Ny Kor’any masina koa dia manaporofo izany. Raha ny momban’i Hazrah Nouh (as), voalaza ao fa nitoriteny nandritra ny 950 taona izy. Ny olon’ny lavabato dia natory nandritra ny 300 taona. Taty aoriana dia niverina natory indray izy ireo ary araka ny finoana Islamo, dia mbola matory izy ireo hatramin’izao. Mifanaraka amin’izay, Hazrat Issa (as) teraka 1000 taona talohan’i Imam Mahdi (as) dia mbola velona any amin’ny lanitra faha-4 ary hidina ety an-tany tsy ho ela. Araka ireo hadith marina dia voalaza fa i Issa (as) dia hidina ka hanaraka fivavahana aorian’ny Imam Mahdi (as). Ohatra hafa ihany koa dia i Hazrat Khidr (as) izay mbola velona hatramin’ny andron’ny Mpaminany Mousa

(as) ary mipetraka eto an-tany. Mino izany ny ankabeazan'ny olona.

**Solaimana : Fomba ahoana no hahafahana mahazo tombontsoa mandritra ny fotoanan'ny fanjavonana ?**

**Ja'far :** Araka ireo hadith, dia mahazo tombontsoa ihany isika mandritra ny Fanjavonana (Ghaibat) tahaka ny soa azo amin'ny masoandro takon'ny rahona. Mbola misy tombontsoa hafa ihany koa izay tsy mbola fantatra hatramin'izao. Fa ho haintsika ny tena antony rehefa hiseho indray ny Imamo Mahdi (as). Mitovy amin'izany ihany ny fanjavonan'i Hazrat Issa (as) any an-danitra. Araka ny voalaza mikasika ny fanjavonan'i Issa (as), dia tsy maty izy fa nampiakarina. Ny anton'izany dia ho avy izy amin'ny Aakhirouzzaman (andro farany). Izany koa no nolazaina momban'ny Imamo Mahdi (as) izay hiseho indray mba hamonjy ny tany ka hanangana ny fanjakan'Andriamanitra. Ny finoana dia manampy antsika hanantena na dia feno fahasahiranana sy loza aza eto ambonin'ny tany amin'izao andro hiainantsika izao. Noho izany, adidintsika tsirairay avy ny miomana amin'ny fandraisana ny Imamo Mahdi (as), Ilay Mpitondra fanovana Eran-tany.

**Solaimana : Voalaza fa ny Shiita dia manao fivahinianana masina (ohatran'ny Hajj) ao amin'ny Sardab (lavaka) any Samarra (Irak), hitady an'i Mahdi izay eritreretiny ho hita ao ?**

**Ja'far :** Filazàna namboarina izany. Manao Hajj any La Mecque ny Shiita, izay anisan'ny adidin'ny Silamo rehetra.
Mpandainga ireo izay milaza fa mankany Samarra ny Shiita mba hihaona amin'ny Imam Mahdi (as). Tsidihana io toerana io satria tao no teraka ny Imamo Mahdi (as). Ary talohan'izany, dia

fonenan'ny Imamo Ali Naqi (as) sy Imamo Hasan al-Askari (as) izy io, noho izany dia toerana masina.

**Solaimana : Raha finoana fototra amin'ny Silamo rehetra, ny finoana ny Imamo Mahdi, ilay andrasana, nahoana no tsy mahafantatra izany ny olona maro ?**

**Ja'far :** Fanontaniana ato amiko koa izany. Nefa mieritreritra aho fa ny fampielezana no tsy ampy na koa ny Olamat (manam-pahaizana ara-pinoana) no tsy nahay nametraka ny hasarobidin'izany sy tsy nampianatra izany tamin'ny vahoaka.

## FITIAVANA TAFAHOATRA NY AHLOUL BAYT (as)

**Solaimana : Marina fa adidin'ny Silamo rehetra ny ho tia sy hankato ny Ahloul Bayt (as). Fa diso tia azy laotra ianareo Shiita ka lasa mivavaka aminy mihitsy.**

**Ja'far :** Eny. Tokony ho tia an'i Mohammad (saws) sy ny fianakaviany (as) ny Silamo rehetra, ka nahoana ny Ahloul Bayt no tsy mety ho atao toy izany ihany koa ? Ny Kor'any dia nandidy hoe :
« Lazao hoe: "Tsy mangataka tambiny aminareo amin'izany aho, afa-tsy ny fitiavana ireo havana akaiky". »
(Sourat As-shoura 42 : 23)
Ahoana no hahasahianao manameloka anay ho mivavaka aminy ?

**Solaimana : Omenareo anarana mifanahaka aminy ny zanakareo. Tahaka an'i Abdou Zahra (mpanompon'i Zahra), Abdoul Housain (mpanompon'i Housain), Abdour Raza sy**

**Abdou Ali sns … Ahoana no hahafahanareo manompo ankoatran'Andriamanitra ?**

**Ja'far :** Aza maika manakiana amin'ny tsisy antony ny Shiita. Henoy tsara izao. Ny Arabo no fiteny tsara rindra indrindra. Manana dikany maro ny teny iray. Ohatra, rehefa miteny ny Kor'any hoe :
« 30.55 - Ary amin'ny andro hahatongavan'ilay Ora, dia hianiana ireo mpanao ratsy, fa ora iray ihany no nijanonan'izy ireo … »

(Sourat Ar-roum 30 : 55)

Amin'io andininy io, ny teny hoe « ora », teo amin'ny fampiasana azy voalohany, dia midika ho Fitsanganana amin'ny maty (Qiyamat). Ary amin'ny faharoa, dia midika ho ora eto an-tany. Toraka izany koa, ny teny « Abd » (mpanompo) dia manana dikany maro :
Manompo amin'ny dikany hoe Fankatoavana, voalaza ao amin'ny Kor'any :
« Ry Dada ô! Aza manompo ny devoly ianao … ».
(Sourat Maryam 19 :44)
Manompo toy ny mpiasa.
Manompo toy ny andevo tahaka ny voalaza ao amin'ny Kor'any :
« Ampanambadio izay tsy manam-bady aminareo, sy ireo olo-mendrika amin'ireo mpanomponareo, lehilahy sy vehivavy.»
(Sourat An-noor 24:32)

Raha omentsika anarana ny zanantsika ho mpanompon'i Nabi, mpanompon'i Rasoul na mpanompon'i Zahra … dia amin'ny lafin'ny fankatoavana sy fikarakarana, fa tsy fanompoana na fivavahana. Ary tsy tsara ho an'ny Silamo ve ny mankato ny

Mpaminany (saws) sy ny Imamo (as)? Hoy ny Imamo Ali (as) raha nilaza ny momba azy hoe : « Izaho dia tsy inona fa mpanompo anisan'ireo mpanompon'i Mohammad (saws)».
Ary maro tamin'ireo Ahloul Sounnat sy Khawarij no nanome anarana ny zanany hoe : Abdoun-Nabi sy Abdour-Rasoul hatramin'izao.
Ohatra amin'izany, Abdoun-Nabi bine Ali bine Mahdi dia mpanjakan'i Zoubaid ao Yémen tamin'ny taonjato faha-6 ny Hijrah. Voasoratra ao amin'ny boky Asmaa Houkkamoul Mouslimine fa Khwariji izy.
Abdour-Rasoul Seyaf (mpanompon'ny Mpaminany), dia kaomandin'ny Mojahidine tao Afghanistan, ary tsy ela no nanova anarana hoe Abdou Rabbour-Rasoul (mpanompon'ny Tompon'ny Iraka) noho ny antony ara-politika.
Ahoana no hanasoketanareo ny Silamo ho mivavaka amin'Andriamanitra maro amin'ny fotoana hamerimberenany ireto teny ireto : « Mijoro vavolombelona aho fa tsy misy Andriamanitra hafa ankoatran'i **Allah** ? »
Ary efa nahita Shiita iray va ianareo nitondra izany anarana izany, ary niankohoka eo anoloan'ny Imamo ? Tsy manompo afa-tsy **Allah,** Ilay Tsitoha, ilay Tokana tsy manam-paharoa ireo Shiita.

## MIANIANA AMIN'IREO AHLOUL BAYT (as) ARY MANGATAKA FANAMPIANA AMIN'NY ALALAN'IZY IREO

**Solaimana :Fa maninona ianareo no manao fanekena no sady mianiana amin'ny Mpaminany (saws) na amin'i Ali na amin'i Abbas na miteny hoe : « mianiana amin'ny Mpaminany na mianiana amin'i Abbas ? »**

**Ja'far :** Tsy manankery ny fanekena sy ny voady raha tsy amin'ny anaran'i **Allah.** Tsy maintsy tanterahana ny fanekena izay natao. Raha tsy tanteraka izany dia manome onitra (Kaffarah) ilay olona. Ny pitsopitson'izany dia ho hitanareo ao anaty bokin-dalàna.
Rehefa manao voady ny olona, "amin'ny alàlan'ny Mpaminany, Abbas na Zahra" sns … dia tokony ho voady lehibe izany, sy zavatra manan-danja. Mitovy amin'ny hoe "mianiana amin'ny fotoana (Wal A'sr), mianiana amin'ny lohan'ny Raiko sy ny Reniko, mianiana amin'ny Kor'any, amin'ny Ka'ba na ny tranomasina. Fa ny fianianana tsy amin'ny anaran'Andriamanitra dia tsy Qasam (tsy fianianana) izay tsy voatery ho tanteraka.
Hitanay fa mitondra ny olona amin'i Allah ny Kor'any amin'ny fanekena maromaro :
« Mianiana amin'ny masoandro sy ny tara-pahazavany Aho, ».
(Sourat Ash-shams 91 : 1)

« Tsia!… Mianiana amin'ny alalan'ny toeran'ireo kintana eny amin'ny habakabaka Aho, ».
(Sourat Al-waqi'a 56 : 75)

« Mianiana eto anatrehanao izahay, fa mikorontan-tsaina amin'ny firediredìny izy ireo.»
(Sourat Al-hidjr 15 :72)

**Solaimana : Maninona ianareo no miteny hoe 'Yaa Ali' na 'Yaa Housain' fa tsy 'Yaa Allah' rehefa mibata entana mavesatra ianareo ?**

**Ja'far :**Endrika iray mahazatra amin'ny fanelanelanana (Tawassul) izany, ary tsy zava-baovao. Io fomba fitadiavana fanampiana io dia mifandray amin'ny dikan'ny andininy ao amin'ny Kor'any « Ianao ihany no angatahanay fanampiana ». Raha raisintsika ny tena dikan'io andininy io, dia marina fa **Allah** irery ihany no mahavonjy. Nefa ny

Kor’any Masina dia nilaza toy izao mikasika ny zava-niseho tamin’i Mousa (as) :
« …Niantso vonjy taminy ity lehilahy anankiray mpomba azy, hanohitra ny fahavalony. … ».
(Sourat Al-qasas 28 : 15)

Ary tamin’ny zava-niseho tamin’i Zoulqarnain, nilaza ny Kor’any masina hoe :
« Ka hoy izy: “Izay nomen’ny Tompoko ahy, dia tsara kokoa (noho izay nomenareo). Koa ampio amin’ny herinareo aho, hanangana fefy anelanelana anareo.?

(Sourat Al-Kahf 18 : 95)

**Solaimana : Izany dia mikasika ireo izay mangataka fanampiana amin’ny velona. Fa ara-dalàna ve ny mangataka fanampiana amin’ny maty ?**

**Ja’far :** Mangataka aminao aho mba handinika ireto tenin’Andriamanitra ireto :
« Ry vahoakanay! Valio ny antson’ilay mpitoritenin’Andriamanitra, ary aoka ianareo hino azy. Hamela ny fahotanareo Andriamanitra, ary hiaro anareo amin’ny famaizana mamirifiry Izy.»

(Sourat Al-ahqaf 46 : 31)

Ny olona resahina ao amin’io andininy io dia ny Mpaminany masina (saws) ary ny Silamo rehetra dia manaiky fa manan-kery hatrany io andininy io hatramin’ny fitsanganana amin’ny maty (Qiyamat) na dia efa ela aza no nandao ny fiainana an-tany ny Irak’Andriamanitra (saws). Ibn Masood (ra) dia nitantara fa nilaza ny Mpaminany (saws) hoe :

« Raha very biby ny iray aminareo any an-tany hefitra, aoka izy hiantso hoe ‘O ry zavaboaharin’Andriamanitra, tongava hanampy ahy’. Mety hisy zavaboaharin’Andriamanitra izay tsy hitanareo ho tonga ».
Ity fitalahoana (doua) ity dia nomarihin’i Ibn Majah ? Nisai sy Tirmidhi :
« Andriamanitra ô **!** Mitodika aminao aho amin’ny alàlan’ny Irakao. Ry Mohammad ! Manatona an’Andriamanitra amin’ny alàlanao aho. O ry Tompoko ! Ekeo ny fangatahiko ».
Misy koa hadith hafa mitovy amin’izany. Tokony ho fantatra fa natao izany mba hanomeza-danja ny fangatahana. Ny mpanompo sampy na ny tsy mpino dia tsy mampiasa izany. Ireo izay tia ireny olona nanana ny maha izy azy ireny noho ny fifandraisany amin’i Allah no mampiasa azy. Nijaly sy nanana fahafoizan-tena betsaka ireny olona ireny ka tokony ho tsarovana mba hahatsiarovana an’i Allah. Na izany aza, tsy hoe tsy mpino akory ny tsy manao azy satria tsy fototry ny finoana izy. Ary tsy ny olon-drehetra no manaiky izany.

## IREO FETY ISLAMIKA

**Solaimana : Isan-taona dia betsaka ny fankalazana ataonareo. Fankalazana ny tsingerin-taona nahaterahana sy nahafatesana. Fa nahoana no maro toy izany ?**

**Ja’far** : Ireny fankalazana rehetra ireny dia hanavaozana ny fifandraisana amin’ireo Imamo (as) sy hakana lesona amin’ny fiainany.

Ary fotoana hahazoana mampiely ny fahalalana sy ny fomba islamo ary Fifohazana. Raha ariantsika ireny fety fankalazana ireny, dia ahoana no hahafahan'ny olona mandrato fahaizana mikasika ny finoana, sy ny fomban'ireo Imamo (as) ary ny fifandraisana amin'ny fiainan'ireo Masoomine (as).
Ny haino aman-jery, na dia mpampiely vaovao aza dia tsy manokana fotoana betsaka amin'izany. Tsy ny olon-drehetra no afaka mamaky boky na hanatona ireo manampahaizana (Ma-raja). Sady tsy manimba ny finoana ihany koa ireny fihetsiketsehana ireny. Lasa tafiditra ao anatin'ny finoana Islamo izany, ary fanomezana ao anatin'ny fanompoana Islamika, ary miara-dalana amin'ireo foto-pinoana.
Ohatra, raisintsika ny Fivahinianana masina (Hajj) :
Ny ankabeazan'ny vavaka atao amin'ny Hajj dia mifandray amin'ny zava-niseho tamin'ireo Mpaminany teo aloha sy ny fiainan'ny olomasina. Tahaka ny : Toeran'i Ibrahim (Maqaame Ibrahim) izay voadidin'Ilay be Fiantrana ho toeram-panompoana satria teo no nisy ny Mpaminany Ibrahim (as) nandritra ny fananganana ny Ka'ba.
Ny Sa'ay (ny Fihodinana) teo anelanelan'i Safa sy ny tendrombohitr'i Marwa dia fahatsiarovana ny zava-nitranga tamin'i Hajara (as) tamin'ny nanaovany fivezivezena teo anelanelan'i Safa sy Marwa, mba hitady rano ho an'ilay zazakely, Ismail (as).
Ny fitorahana vato ny Devoly (Joumaar Shaitan) dia mampahatsiaro ny fitorahan'i Ibrahim (as) vato ny devoly (Shaitan).
Mifanandrify amin'izay dia ny andron'i Arafat, ny fandehanana any Mash'ar, ny fahasoavan'ny andro Zoma, Rajab, Shaban, Ramadany sy ny hafa ihany koa.

Ny tanjon'ireny fankalazana ireny dia ny mba hahatsiarovana ireo olona vontom-pinoana an'Andriamanitra, ny fiainan'ny Mpaminany Masina (saws), ny an'ireo Imamo (as) sy hahazoana valisoa.
Etsy ankilany, isika dia tokony hitandrina mikasika ny fomba fivavahana sasany ataon'ireo Soufi toy ny Dihy sy ny hira sns …

## IDE-OUL-GHADIR

**Solaimana : Mankalaza Ide betsaka ny Shiita toy ny Ide-oul-Ghadir, nefa ny Silamo tsy mahalala afa-tsy Ide roa : Ide-oul-Fitr sy Ide-oul-Adha.**

**Ja'far** : Tokony ho fantarina aloha ny dikan'ny Ide izay vao afaka miresaka isika. Ho an'ny Arabo, Ide dia andro fankalazana sy firavoravoana. Andro natokana hivavahana koa sy hiderana. Ho an'ny Arabo, ny Ide dia fiverenan'ny fiadanana araka ny diksionera arabo Lisanoul arabe nataon'i Ibn Manzoor. Ary izany koa no fandraisan'ny mpandinika ny Kor'any azy :
« Hoy Jesoa zanak'i Maria: "Ry Andriamanitra Tompo Zanaharinay
ô! ampidino aminay ny sakafo an-databatra voahomana avy any andanitra! Fety ho anay izany, ho an'ny voalohany sy ny farany aminay, ary ho porofo famantarana avy Aminao. Ka omeo anjaram-pivelomana izahay, fa Ianao no Mpizara tsara indrindra ny anjaram-pivelomana".»

(Sourat Al-ma-idah 5. 114)

Ary araka ireto hadithn'ny Mpaminany Masina (saws) manaraka ireto, dia toy izany ihany koa ny hevitra nandikan'ireo manampahaizana azy :
« Ny andron'ny sorona, ny andron'ny Arafat, ny andro fahafolon'ny Zilhijj dia andron'ny Ide ho an'ny Silamo. Andro hihinanana sy hisotroana. »
(Mousnad nataon'i Ahmad Hanbal, hadith laharana : 16743)

Mikasika ny andro zoma dia niteny ny Mpaminany (saws) hoe :
« O ry Silamo ! Voatondron'i Allah ho andro Ide ity andro ity. Ka aoka ianareo handro amin'io andro io (ny zoma).
Niteny ny Imam Ali (as) tao amin'ny Nahjoul Balagha (428) :
« Andro Ide avokoa izay andro nankatoavana an'Andriamanitra ».
Mikasika ny fankalazana ho Ide ny Ghadir, dia hafa noho ny Ide rehetra izy io, satria tsy misy baiko amin'ny fanaovana soalat (Moustahab) ary tsy misy didy amin'ny maha voarara (Haraam) ny fifehezana, nefa ny Shiita dia milaza fa azo atao ny mifehy (moustahab) amin'io andro io.

**Solaimana : Fa inona moa ny Ide-oul-Ghadir ?**

**Ja'far :** Voalaza ao anatin'ny hadith iray nolazain'ny Mpaminany Masina (saws) izay nosoratan'ireo mpitantara maro, ny Al-Ghadir, hany ka noraisina ho toy ny Moutawatir (hadith be mpitatitra). Avy amin'ny tatitra tohivakan'i Zaid bine Arqam dia nanambara i Hakim Nishabouri fa : « Rehefa niverina avy amin'ny fivahinianana masina fanaovam-beloma, ny Irak'Andriamanitra (saws) ka tonga tao Ghadir-e-Khoum, dia nijanona izy ka nanome baiko ny ampiakarana karazana latabatra, ary avy eo izy dia niteny hoe :
« Nantsoina aho ary namaly izany. Zavatra anankiroa manan-danja no navelako taminareo. Ny iray dia manan-danja kokoa noho ny iray, ny

Bokin'Andriamanitra sy ny taranako. Tandremo tsara izany ny fihetsikao amin'izy ireny. Ary aza avototrareo izy raha tsy tonga eo amin'ny dobon'i Kaouthar ianareo. Marina fa Allah Ilay Mpamindra fo no Tompoko, ary izaho no lehiben'ny mpino rehetra. Avy eo, noraisiny ny tànan'i Ali (as), nampiakariny no sady niteny izy hoe : na iza na iza mandray ahy ho lehibeny dia indro Ali fa lehibeny ihany koa. Ry Allah ! Tiavo izay tia an'i Ali ary raiso ho fahavalo izay mifahavalo aminy ».

(Al Ghadir, Allamah Amini, Boky 1, Pj. 9-11)

Nolazain'i Al Hakim fa ity hadith ity dia mifanaraka tsara amin'ny fepetra napetrak'i Boukhari sy Mouslim, saingy tsy naverin'izy ireo fa i Zahabi no nanamarika izany tao amin'ny bokiny, Talkhis Ala Moustadrak. Io andininy io dia nambaran'ny manampahaizana sasany malaza Sounita, tahakan'i Ibn Hajar Asqalani, Qandoozi ao amin'ny Yanabioul Mawaddah, Al-Maqrizi, Ahmad ibn Khoulafa, Mohib Tabari ao amin'ny Riyazoun Nazrah, Ibn Khallikan ao amin'ny Wafayatul Ayaan, Khatib Baghdadi ao amin'ny Tarikh-e-Baghdad, Ibn Qoutaybah ao amin'ny Imama Wal Siyasah, Ibn Taymiyyah ao anatin'ireo bokiny Huqooqe Aalal Bayt sy Aqiidatoul Wastiya, Al-Masoodi ao amin'ny Mourouz az-Zahab, Balazari ao amin'ny Ansaboul Ashraf, Ibn Kathir ao amin'ny Tafsiroul Qouranil Azhim, Ibn Hajar Haithami ao amin'ny Sawaiqoul Mouhreqa sns … Ary manampahaizana maro no nanoratra izany hadith izany tao amin'ny bokiny.

Nisy tranga iray lehibe izay voamarika tao anatin'ny boky tantara dia ny fiarahaban'ny Silamo rehetra niaraka tamin'ny Mpaminany Masina (saws), an'i Ali (as), taorian'ny fanambarana ny Wilayat. Ary hoy ny Kalifa Oumar taminy : « Arahabaina ianao Aboul Hasan, lasa filohako ianao ary filohan'ny mpino rehetra ihany koa. »

(Al Ghadir, Allamah Amini, Boky 1, Pj. 11)

## MITOMANY HO AN'NY IMAM HOUSAIN (AS)

**Solaimana : Ianareo Shiita, dia mitohy mandatsa-dranomaso ho an'ny Imamo Housain (as), ny andron'ny Achoura sy amin'ny andro hafa fahatsiarovana.**

**Ja'far :** Ny mitomany ao anatin'ny fetra napetraky ny lalàna Islamo (chariat) dia fihetsika mendrika ary zavatra ekena, satria toy izao no voalaza ao anatin'ny Kor'any masina :
« fa Izy no hampihomehy sy hampitomany, ».
(Sourat An-nadjm 53 :43)
Voalaza fa ny Mpaminany Yaqoob (as) dia nitomany mafy ho an'ny zanany lahy Yousouf (as) ka niova loko hatramin'ny masony izay lasa fotsy :

«Ary dia nitodika tamin'izy ireo izy, ka nilaza hoe: "Tena lehibe loatra izany alaheloko an'i Josefa izany!". Ary dia nahafotsy ny masony ny alahelony, fa tena vonton'alahelo tokoa izy… »

(Sourat Yousouf 12 : 84)

Nitomany ihany koa ny Mpaminany (saws) tamin'ny tranga maro. Nitantara i Anas bine Malik fa indray andro dia niteny ny Mpaminany hoe : « Niady niaraka tamin'ny saina i Zaid ka maty maritiora. Avy eo noraisin'i Jafar izany saina izany ka mbola maty maritiora koa izy. Manaraka izany dia nalain'i Abdoullah bine Rawaha ny saina ary mbola maty maritiora koa izy ». Ary tamin'izany fotoana izany dia feno ranomaso ny mason'ny Irak'Andriamanitra (saws).
(Sahih Boukhari, Boky 2, And. 338)

Nandatsa-dranomaso ho an'ny Imamo Housain (as) ihany koa ny Mpaminany (saws) tamin'ny seho samihafa. Ohatra, ny andro nahaterahan'i Housain (as) ary ny andro naminaniany ny hanaovana maritiora ny Imamo Housain (as). Ny vadin'ny Mpaminany (saws), Zainab binte Jahash dia nitantara : « Indray andro, tao an-tranoko ny Irak'Andriamanitra (saws) ary saika handeha any amin'ny efitranon'ny Mpaminany i Housain (as), no saika hotazoniko nefa nasain'ny Mpaminany nanatona. Dia nitsangana nivavaka nanao soalat izy sady notazoniny ny tànan'i Housain (as). Rehefa miondrika izy (roukou) na miankohoka (sajdah) dia apetrany i Housain (as) dia raisiny indray. Avy eo, nipetraka izy dia nitomany. Rehefa vita ny fivavahany dia nanontaniako izy hoe : « O ry Mpaminanin'Andriamanitra! Hitako nanao zavatra tsy mbola nataonao mihitsy ianao androany. » Namaly izy : « Nanambara tamiko i Jibra'il fa hovonoin'ny vahoakako (Oummat) i Housain (as). (Moustadrakoul Sahihain, 4 : 398)

Natorony ahy avy eo, ny tanin'ny toerana hamonoana azy. Dia nomeny vovoka mena heran'ny tànany aho.

Betsaka ny hadith milaza ny faminaniana amin'ny hamonoana maritiora ny Imamo Housain (as), ao anatin'ny boky Shiita sy Sounita. Raha misy olona maneho izany zava-doza hitranga izany dia mazava loatra fa tsy maintsy ho tohina ny fony, ary rehefa tohina ny fo, dia izany no mahatonga ny alahelo sy ny fahoriana. Ity andininy manaraka ity dia mampiseho izany :

« Tsy mandatsaka ranomaso noho ny sawaab kelikely ny masoko, fa mitomany kosa noho ny zava-mahatsiravina niseho taminao ».

**Solaimana : Fa maninona no kapohinareo ny tratranareo ary mandratra tena amin'ny antsy ianareo rehefa avy mitomany ?**

**Ja’far :** Azo atao ny mikapoka tratra raha ohatra ka tsy miteraka fanimbana ho an’ny olona ny fanaovana izany. Fotoana sy fomba fanehoana ny fihetsem-po izany. Fisehoan-javatra ara-natoraly sy mifanaraka amin’ny maha-olona izany, tahaka ny olona iray mitehaka na mitsangana amin’ny toerany satria faly izy. Ny fetrany dia tokony tsy hahakasika ny fahasalaman’ilay olona ny fikapohany tratra. Izany hetsika izany dia tokony tsy hanimba ny fahasalaman’ilay olona.

**Solaimana : Handao hiverina amin’ny resaka fitomaniana. Misy hadith milaza fa voasazy ilay maty raha mitomany ho azy ny fianakaviany?**

**Ja’far :**Izany hadith izany dia nentin’i Oummoul Mominine Ayesha (ra).Hoy izy : « Tsia, mianiana amin’Andriamanitra aho fa, tsy niteny mihitsy ny Mpaminany Masina (saws) fa ny vatana mangatsiakan’ny maty dia ho saziana noho ny tomanin’ny olona iray. Fa nilaza kosa izy fa raha kafiro (tsy mpino) ilay olona, ny tomanin’ny fianakaviany dia mampitombo ny saziny”. Allah irery ihany no mampitomany na mampikiakiaka ny olona. Tsy misy olona hizaka ny hadisoan’ny hafa.
(Sahih Mouslim, Toko faha-9, hadith laharana 25)
Hitantsika ao anaty Sahih Boukhari ihany koa fa niteny ny Mpaminany (saws) hoe : « Tsy misy hosazian’Andriamanitra noho ny ranomaso nalatsaka ho an’ny maty. Fa ho saziny ny olona noho ity (nanondro ny lelany izy) ».
(Sahih Boukhari, Boky 7 Toko 24)
Etsy andaniny koa, hita fa ny Irak’Andriamanitra (saws) dia nandrotsa-dranomaso ho an’ny maritiora sy ny maty. Matetika nitomany izy tamin’ny seho samihafa. Nilatsa-dranomaso izy tamin’ny fotoana namparary an’i Sa’d bine Oubadah sy ny

nahafatesan'i Ibrahim zananilahy sy ny zafikely malalany, Imamo Housain (as). Nitomany ny Mpaminany (saws) tamin'ny nahafaty maritiora ny dadatoany Hamza bine Abdoul Mouttalib sy ireo maritiora tamin'ny adin'i Mota. Nitaraina izy tamin'ny nahafaty maritiora ny rahalahiny zanak'olo-mpirahalahy i Ja'far ibn Abi Talib ary tazana nitomany teo amin'ny fasan'ny Reny malalany koa izy.
Nilaza i Abou Horairah fa : « Namangy ny fasan-dReniny ny Irak'Andriamanitra (saws) ary nitomany teo, ary nitomany niaraka taminy ny olona ».
(Vakio ny boky navoakan'ny WIN « Ranomaso ho an'ny maty »raha te-hijery ny antsipirihany mikasika izany)

## TOERANA FAHATSIAROVANA NY IMAMO HOUSAIN (HOUSAINIYAHS na AZA KHANAS)

**Solaimana : Mikarakara majalisses ianareo Shi-ite, dia mitomany sy mitaraindraina amin'ireo toerana manokana izay antsoinareo hoe "Housainiyah"?**

**Ja'far :** Nampiasaina ny hoe 'Housainiyah' mba hahatsiarovana ny lehiben'ny Maritiora, Imamo Housain (as) izay nitondra fiovana eran-tany, noho ny fahasoavan'Andriamanitra. Niala tao Madina ny Imamo Housain mba hanatanteraka ny Ezaka masina (Jihad) ka nanambara ny tanjony :
« Tsy noho ny antony tsy misy dikany no nivoahako, na ho variana fotsiny amin'izay hananako. Tsy miseho ho ambony aho na ho mpanageja, nefa vonona kosa hiaro ny tombontsoa sy hanova indray ny vahoakan'ny (Oummat) Raibeko, ilay Irak'Andriamanitra (saws). Ny hampanao ny tsara sy handrara ny

ratsy no tiako atao sy hanara-maso ny fiainam-bahoaka toy ny nataon'ny Raibeko sy ny Raiko … ». (Al Khwaraizimi, Maqtal oul-Housain Boky 1 Pj. 88)
Noho izany, tsy natokana hitomaniana sy hitarainana fotsiny ny Housainiyahs. Misy koa toriteny sy fivavahana (majalisses) atao eo. Izany lahateny izany dia natao hanabeazana ny vahoaka sy hampianarana azy ny Kor'any sy ireo hadith. Omena fankaherezana ny olona hanao ny tsara sy hiala amin'ny ratsy sady ampianarina azy ireo ohatra tsara ao amin'ny Kor'any sy ny fiainan'ireo olomasina (Ma'ssomeen (as).

**Solaimana : Ny zava-niseho tamin'ny Imamo Housain (as) izay ampatsiahivinareo matetika dia seho ara-tantara izay niafara tamin'ny famonoana an'i Housain (as) sy ny fianakaviany ary ireo tapaka sy namany ?**

**Ja'far :** Ny loza mahatsiravina tao Karbala dia tsy zavatra niseho mitokana.Tsy hoe tsy fifanarahana teo amin'ny Imamo Housain (as) sy Yazid bine Mouawiya fotsiny fa adin'ny fahamarinana sy ny lainga. Ary tsy nijanona teo amin'ny famonoana maritiora an'i Housain (as) izany, fa mbola nisy akony maro amin'ny tantara taty aoriana.
Sady mbola mitohy foana izany na dia manao saro-tava sy niova aza ny mpitantana sy ny olona. Ka araka izany, ny housainiyat dia ohatra maneho ny zavatra nataon'ny Imamo Housain (as), izay fomba iray hanakaikezana ireo Ahloul Bayt (as).

**Solaimana : Tsy mino ve ianareo fa ny 'Housainiyas dia fomba vaovao noforonina (bida') teo amin'ny finoana Islamo ?**

**Ja’far :** Ny Housainiyahs dia trano voatokana hanaovana resaka mikasika ny fitondran-tena (moraly) sy ny fampianarana. ka noho izany dia derain’ny Kor’any ireny resaka sy fampianarana ireny :
« … Ary avy tamin’ity no nahatongavan’ny fahamarinana taminao,
ary koa fananarana sy fampahatsiarovana ireo mpino.»
(Sourat Houd 11 :120)

Ny Housainiyahs koa dia toerana famelomana ny famantarana an’Andriamanitra. Ary nohamasinin’Andriamanitra izany toerana izany :
« … 22.32 - Izany (no didy). Ary izay manome voninahitra ireo famantarana masina avy amin’Andriamanitra, dia mahatonga ny fo ho vontompinoana izany.»
(Sourat Al-hadj 22 :32)

Ny famoronana (bida’) dia zava-baovao izay mbola tsy nisy teo aloha, nampidirina tao amin’ny fivavahana. Mba lazao amiko àry raha famoronana (bida’) ny mampiely teny sy fomba amam-panao amin’ny fomba moderin’ny fifandraisana toy ny vata fahitalavitra, solosaina sy mailaka ? Tsia ry rahalahiko, ireny zava-baovao ireny dia voarara raha ohatra ka manaparitaka zavatra ratsy sy ny filan-dratsy. Fa raha ampiasaina kosa ampielezana ny siansa mikasika ny Kor’any dia tokony ho araraotina, fa tsy ho atao bida’ foana.

**Solaimana : Manaiky anao aho fa saingy tamin’ny andron’ny Mpaminany dia tsy nisy trano voatokana hanaovana lahateny.**

**Ja'far :** Raha ny marina, ny Irak'Andriamanitra (saws) no olona voalohany namorona io karazana alahelo sy fitarainana ho an'ny Imamo Housain (as) io, tamin'ny andro nilazana taminy fa teraka lahy i Hazrat Zahra (as) zananivavy. Nandray an'i Housain (as) izy no sady nitomany raha vao nilaza taminy i Jibrail (as) fa hisy hamono io zaza io. Misy hadith hafa koa momba izany, dia notaterin'i Oummoul Mominin Oumme Salma izay niteny fa nambaran'ny Mpaminany (saws) azy ny famonoana an'i Housain (as). Avy eo dia nomeny vovok'i Karbala iray tànana izy no sady nanambara fa ho atao maritiora any i Housain (as) ary hivadika ho rà io tany io, ny andron'ny hamonoana azy any Karbala. (Moustadrakoul Sahihain 4 : 398)

Ary taorian'ilay famonoana mampalahelo, dia nomen'i Yazid bine Mouawiya ilay kalifa Oumayyad trano, i Ali ibn Housain (as), ny anabaviny ary ny nenitoany. Tao izy ireo no nitaraina sy nisaona ny olon-tiany.
Etsy andaniny, ny Imamo Ali ibn Housain (as) dia niverina tany Madina, nanangana trano lay izy nipetrahan'ireo vehivaviny. Ary rehefa tonga tao amin'ny mosken'ny Mpaminany (saws) izy ireo, dia nambarany ampahibemaso ny fisaonana an'i Imam Housain (as).
Nanangana toerana hisaonana ('azah) ho an'ny Imam Housain (as) nandritra ny 34 taona, ny Imamo Ali ibn Housain. Maro ny toerana nolazaina fa 'Housainiyahs' ka nisy ny trano natokana ho an'izany, ary na ny moske aza dia nampiasaina ho amin'izany.

**Solaimana : Natokana ho an'ny Shiita fotsiny ve ny 'Housainiyahs' ?**

**Ja'far :** Tsia, ny "Housainiyah" dia toerana famoriana vahoaka mba hihaino ny toritenim-pivavahana sy ireo fahalalana Islamika. Ny 'Housainiyah' koa dia toerana fahatsiarovana ny Imamo Housain (as), ilay zafikelin'ny Mpaminany masina. Ary ny toe-javatra mahatsiravina nitranga tao Karbala dia toe-javatra mikasika ny finoana Islamo sy mahakasika ny vahoaka rehetra maneran-tany, ka arahabaina tonga soa izay olona rehetra afaka mamonjy ny 'Housainiyah', satria Imamon'ny olon-drehetra i Housain (as).

**Solaimana : Manana raki-peo mety hanimba tanteraka ny firaisan-kinan'ny Silamo izahay. Manenjika ny finoan'ireo izay manohitra ny Shiita izany.**

**Ja'far :** Toy ny fitaovana hiseraseràna ny Housainiyah ka, noho izany dia misy olona tsy mahay, mampiasa azy ho an'ny tombontsoany izay mety hanimba ihany koa ny tanjon'ny fampianarana sy ny Minbar-n'i Housain (as). Tsy mitovy ny fahalalàn'ny mpitori-teny, indraindray dia endrikendrehin'ny olona ho tsy mpino ny Shiita. Izany no vokany ary mino izahay fa tokony hitandrina ny mpitoriteny mba tsy hampisara-bazana ny Silamo. Ny foto-kevitra toy ireny dia mila fakafakaina tsara. Marina fa mety tsy mitovy amin'ny antokom-pivavahana sasany ny finoan'ny Shiita, nefa tsy milaza izany hoe tokony ho afeniny ny finoany na hotsikerainy ny an'ny hafa. Adidinay ny mampahafantatra izany ny olona mba tsy hisian'ny fahadisoan-kevitra mikasika ny Shiita.
Ohatran'ny fitaovana rehetra ihany ny Housainiyah ary afaka atao ohatra ho an'ny olon-drehetra na samihafa finoana aza. Ny olon-drehetra dia tokony hanaraka izay misy ny lalam-pitondratena tsara.

## MISY FISAKAFOANANA MANDRITRA NY LANONANA (MAJALIS)

**Solaimana :Ny andron'ny Achoura (Andro fahafolon'ny Mouharram) isan-taona, dia omen'ny namako Shiita iray vary sy hena avy amin'ny Housainiyah aho. Nefa tsy mihinana izany aho fa ariako any amin'ny fako.**

**Ja'far :** Fady ny manary sakafo avy amin'Andriamanitra. Fa nahoana no manao fihetsika toy izany ianao ?

**Solaimana : Voatery aho satria tamin'io andro io, henonay fa nanao sorona biby tamin'ny anaran'i Housain (as) ianareo. Nefa araka ny finoanay dia voarara ny mihinana hena toy izany.**

**Ja'far :**Tena lainga be izany ary filazana tsy marina. Araka ny lalàna Shiita, dia fady ny mihinana biby izay nolentaina ka tsy niantsoana ny anaran'Andriamanitra 'Bismillah' na '**Allah** Akbar' alohan'ny handidiana ny tendany. Raha voalenta ny tendan'ny biby iray ka tsy ny anaran'i **Allah** no notenenina teo ampanaovana izany, dia toy ny biby maty izany ary fady ny henany. Araka izany dia ilaina ny manaraka ny fepetra alohan'ny hamonoana ny biby :
Tsy maintsy Silamo ny olona mamono ny biby.
Tsy maintsy atodika any amin'ny Kibla ilay biby.
Ilay hamono dia tsy maintsy manonona ny teny 'Bismillah' sy 'Allaho Akbar'.
Tsy maintsy antsy vy no ampiasaina ary lalan-drà lehibe 4 no tapahina.

Fa izao moa dia tsy fotoana natao ampahafantarana amin'ny antsipirihany ny fitsipika amin'ny famonoana biby.
Noho izany, raha anarana hafa no notononina fa tsy **Allah,** na dia anaran'ny Mpaminany (saws) na an'ny Imamo (as) aza, dia fady ny henany. Ankoatra izany, ny entana rehetra novidiana eny amin'ny tsena Silamo dia halal avokoa na dia misy fiahiahiana aza amin'ny niaviany. Ny hena nandrahoana ny andron'ny Achoura dia tsy miala amin'izany fitsipika izany. Tena mahagaga fa ny olona dia tsy mba manadihady vao mividy hena sy zavatra eny amin'ny mpivarotra rehetra eny, fa ampy azy ny soratra hoe Halaal eny amin'ny fonony, nefa rehefa mikasika ny henan'ny Achoura dia betsaka ny ahiahy.

**Solaimana : Fa maninona no mandroso sakafo ianareo eny amin'ny Housainiyah amin'io andro io ?**

**Ja'far :** Tsy misy olana ny sakafo haroso eny amin'ny Housainiyah. Ny mpino sy ny Silamo manatrika ny Majlis amin'ny fotoam-pahatsiarovana ny naha-maritiora ny zafikelin'ny Mpaminany, dia mihinana io sakafo io rehefa vita ny fotoam-pivavahana. Tsaroanay ireo olona nanao sorona ny ainy ho an'Andriamanitra, ka mahita izahay fa fomba iray hanehoana ireo famantarana an'Andriamanitra izany**.** Ary ireo olona manome sakafo ny hafa dia manolotra ny valisoan'izany (sawaab) ho an'ny Imamo Housain (as).
Noho izany, izay tonga ao amin'ny Housainiyah dia omena sakafo avokoa. Fihinanana nokarakarain'i **Allah izany,** ary natolotra amin'ny anaran'i **Allah,** ny sakafo. Mihinana ny vahoaka sady misaotra an'i **Allah.** Iaraha-mahalala fa fihetsika masina tokoa ny fanomezana sakafo sy rano ny Silamo.

## IREO FANOMPOAM-PIVAVAHANA IOMBONANA

**Solaimana: Voatsikaritra fa mahalana ireo Shi-ita no manatontosa ny fanompoam-pivavahan'izy ireo miaraka. Eny na dia misy olona maro aza eo, aleon'izy ireo ihany ve ny manao fanompoana mitsitokatokana (samy irery)?**

**Ja'far:** Tena resaka mendrika hazavaina misimisy kokoa izany.

Tena zava-dehibe tokoa ny fanompoana iraisana ary ny Silamo rehetra dia iray amin'io lafiny io. Tena manan-danja lehibe ireo vavaka iraisana ireo ka, maro ireo manam-pahaizana no mihevitra azy io ho tsy maintsy atao. Na izany na tsy izany aza, dia tsy isalasalana fa ireo vavaka iraisana dia manan-danja kokoa noho ireo vavaka mitokana. Ny **RAKAT iray** voatontosa ao anatin'ny vavaka iombonana dia mitovy amin'ny **RAKATS efapolo** nataontsika mitokana. Misy hadith maro milaza fa, raha mihoatra ny folo (10) ny isan'ny olona manatontosa vavaka iraisana, ny valisoa an'io vavaka io dia tena manan-danja tokoa ka, na dia hivadika ho lovia aza ny lanitra, rano mainty ireo ranomasina, ireo hazo kosa ho penina, ary ireo zavaboahary rehetra, anisan'izany ireo anjely, hanandrana hanoratra ireo SAWAAB' (valisoa) amin'ny rakat iray amin'io vavaka fanompoana io, dia tsy vitan'izy ireo ny hanao izany. Noho izany dia tsy isalasalana fa hahita olona maro ianareo hivavaka aorian'ny Imam-e-Jamat any amin'ireo Trano fivavahana Moske Shi-ita. Kanefa, misy fitsipika tsy maintsy arahina izay hajain'ireo Shiita fatratra araka ny

Charias. Tian-dry zareo ny manamarina fa, ny Imam-e-Jamat dia mahafeno ireo fepetra ilaina, izay ireto avy izy ireo:

- Olon-dehibe (Baligh), ary fady, tsy azo atao (haraam) ny manaraka ankizy (tsy ampy taona) amin'ny fanompoana.
- Salama, voarara ny manao fanompoana aoriana Imam iray izay marary.
- Ithna Ashari (Shi-ita)
- "Adil", olona tsy tokony manao asa na fihetsika voarara izy ary tsy maintsy manatanteraka ireo adidy rehetra. Tsy tokony ho mpanota foana izy.
- Teraka ara-dalàna
- Afaka mitarika tsara ny fivavahana sy manonona tsara ny teny Arabo.

Noho izany, izay manana fikasana hitarika fivavahana iraisana dia tsy maintsy manana ireo fototra ireo ary tsy maintsy manaja fatratra azy ireo. Io resaka io dia tsy manimba ny fifandraisana eo amin'ny olona. Ny vavaka fanompoana dia an'Andriamanitra ka tsy maintsy manaja ireo fepetra rehetra takiana sy mifandraika amin'izany ny olona.

**Solaimana: Nefa isika dia, matetika mahita Shi-ita mivavaka aoriana Imams Sounnita any Makka, any Madina sy any anaty**

**Moske maro samihafa. Araka ny fitsipika Shi-ita izany dia, tsy mendrika.**

**Ja'far:** Marina ny anao, nefa tokony ho fantatra fa ireo Shi-ita dia nahazo alalàna manokana avy amin'ny manam-pahaizan'izy ireo ny hanatontosa fanompoana iraisana aoriana Imam Sounnita no sady manam-pikasana ny hanao vavaka mitokana. Afaka manatanteraka vavaka iraisana izany ny Shiite iray miaraka amin'ny fikasana sy fanaovana izany mitokana. Ary izany dia voalazan'ny Hadith'ny Ahloul Bayt (a.s) mba hamolavolana rivo-pikambanana iray eo amin'ny samy Silamo ho fampitsaharana ireo disadisa sy tsy fitovian-kevitra. Zava-dehibe tokoa ny fitandrovan'ny Shiita ireo fitsipika izay tsy fantan'ireo rahalahiny Sounnita. Izany dia, dingana iray lehibe ataon'ireo manam-pahaizana Shiita mba hampihenana ireo firehana hampisara-bazana ny vahoaka.

## TARAWIH sy IFTAR

**Solaimana: Voazavanao tsara daholo ny zava-drehetra hatreto. Mba lazao amiko amin'izay ary hoe nahoana ny Shiita no tsy manatontosa ny fanompoam-pivavahana Tarawih nefa ny Mpaminany (s.a.w.s) dia nanatitrantitra mafy mikasika ireo vavaka fanompoana ireo ?**

**Ja'far:** Marina fa ny Shiita dia tsy manao vavaka fanompoana iraisana amin'ny vavaka Tarawih toy ireo Sounnita. Manana ny

rariny tokoa ianao raha milaza fa ny Mpaminany Masina (s.a.w.s) dia nanatitrantitra mafy amin'ny tokony hanatanterahana ireo vavaka fanompoana fanampiny mandritra ny volana masina Ramadany. Nefa araky ny efa nazavaiko teo, izahay dia manao zavatra mitovy tsy misy valaka amin'ny nampianarin'ny Mpaminany (s.a.w.s). Ary ny momba ireo vavaka Tarawih kosa indray dia, tsara ho fantatsika fa tsy azo atao ny manao azy ireo miaraka. Ity toe-javatra manaraka, izay notaterina tao anatin'ny boky Sahih Boukhari ity dia manazava io lafiny io:

Nitantara i Zahid bin Thabit nanao hoe: ''Nanamboatra karazana efitra kely tao anaty Moske ny Mpaminany ary nijanona nivavaka tao nandritra ny alina maromaro. Taorian'izany dia, nifamory ireo vahoaka mba hanatontosa ny Tarawih taoriany. Ary tamin'ny alina fahefatra dia, tsy naheno ny feony intsony ireo vahoaka ka noheverin'izy ireo fa natory izy, noho izany nanomboka niantsoantso ireo vahoaka mba hivoaka izy. Hoy ny Mpaminany (s.a.w.s) avy teo: 'Notohizanareo natao ny zavatra izay hitako nataonareo, ka natahotra aho sao takiana tsy maintsy ataonareo ny vavaka fanompoana tarawih, nefa raha takiana tsy maintsy ho ataonareo izany dia tsy ho vitanareo ny hanohy azy. Ka noho izany ry vahoaka! Hamafiso ny fanatanterahanareo ny vavaka fanompoana ao an-tranonareo satria, ny fanompoana tsara indrindra ho an'ny olona iray dia ny fanatontosany ny vavaka fanompoana ao an-tranony, afa tsy ny vavaka fanompoana iombonana.'' (Jereo ny Hadith N°. 229, Boky faha 3 sy ny Hadith N°. 134, Boky faha. 8)

**Solaimana: Nahoana no nanjary lasa fahazarana ho an'ireo Mpino Silamo ny fanatanterahana ny fanompoam-pivavahana Tarawih?**

**Ja'far:** Ny Kalifa Oumar no nanao ny Tarawih ho fanompoam-pivavahana iombonana. Jereo ity hadith manaraka ity izay voalaza ao amin'i Sahih Boukhari dia ho azonao. Hoy i Ibn Shihab: "Nodaosin'ny fahafatesana ny Mpaminanin'Andriamanitra (s.a.w.s) ary ireo vahoaka dia nanohy ihany nanatontosa ireo vavaka Nawafils mitsitokatokana fa tsy miaraka. Ary nijanona ho toy izany ihany nandritra ny fitondran'ny khalifat Abou Bakr sy ireo andro voalohany nitondran'ny khalifat Oumar. Hoy i Abdour Rahman bin Abdoul Qari: Indray mandeha, tao anatin'ny alin'ny Ramadan, niaraka tamin'i Oumar bin Al-Khattab tany amin'ny Moske ny tenako ary nahita ireo olona nivavaka nitsitokatokana tao anatina vondron'olona maromaro. Olona iray mivavaka irery na olona iray mivavaka miaraka amin'ny vondron'olona vitsivitsy aoriany. Rehefa izany, hoy i Oumar: Amin'ny eritreritro, aleoko avory miaraka eo ambany fitarihan'ny **Qari** iray ireo vahoaka ireo (izany hoe avela hanao vavaka iombonana). Arak'izany, dia nanapa-kevitra ny hametraka azy ireo manao vavaka miaraka taorianan'i Oubaye bin Ka'b izy. Taorian'izany, dia mbola niverina niaraka taminy indray nandeha tany amin'ny moske aho, ka nivavaka taorinan'ny Imam-ny ireo vahoaka. Hoy i Oumar nahita izany: Tena tsara tokoa izany **Bid'at** izany (fampidirana zava-baovao ao anatin'ny finoana)." (Sahih Boukhari 3: 227)

**Solaimana: Misaotra anao nanazava ny fahadisoan-kevitra tao anatin'iny resaka iny. Nefa, nahoana ianareo no tsy manapaka ny fifehezana amin'ny ora mitovy amin'ny an'ireo Ahlou Sounnat? Mbola miandry folo ka hatramin'ny dimy ambin'ny folo minitra ianareo, ka izany dia mahatonga ny fifehezana ataonareo ho makrooh**.

**Ja'far:** Ny fanemorana dia tsy maha **makrooh** ny fifehezana, fa ny fanemorana tsy ara-dalana kosa dia **makrooh**. Ary ny fanapahana ny fifehezana dia tokony hatao aorian'ny fidiran'ny alina fa tsy amin'ny filetehan'ny masoandro. Hoy ny Kor'any Masina manao hoe: « …ary aoka ianareo hihinana sy hisotro mandra-pahafahanareo manavaka ny kofehy fotsy amin'ny kofehy mainty aorian'ny mangiran-dratsy (Fajr). Ary dia tontosao ny fifehezana mandrapahatongan'ny alina, … »

(Sourat Al-Baqarah 2 : 187)

Izahay Shiita, dia sarotiny amin'ny fankatoavana ny didin'ny Kor'any sy ny Mpaminany Masina (saws) ary tsy manampy na manala na inona na inona izahay mikasika ny finoana. Ary na dia ireo manam-pahaizana Shiita aza dia tsy sahy mampiditra zava-baovao ao anatin'ny finoana Islamo.

**Solaimana: Ao anatin'ny Azaan (antso ho amin'ny fanompoam-pivavahana), ianareo dia mamaky ireo fijoroana ho vavolombelona anankiroa izay: *Ash-hado alla illàha illallaah* (manaiky marina aho fa tsy misy Andriamanitra hafa afa tsy Allah, *sy Ash-hado Anna Mohammad an Rassooloullaah* (manaiky marina aho fa i Mohammad (s.a.w.s) dia Irak'Andriamanitra). Rehefa avy eo, mbola manampy fijoroana ho vavolombelona fahatelo ianareo izay: *Ash-hado Anna Aliyyan Walioullah* (manaiky marina aho fa i Ali dia olomasina tian'Andriamanitra. Moa ve ara-pomba Islamika izany? Moa ve ny Mpaminany (s.a.w.s) sy ireo mpanara-dia azy dia nilaza teny fijoroana vavolombelona toy izany tao anatin'ny antso ho amin'ny fanompoam-pivavahana (Azaan) nataon'izy ireo?**

**Ja'far:** Tiako ny mba hahafantaranao zavatra vitsivitsy izay tsy avy amin'ny fahalalàna iombonana.

Ireo teny *Ash-hado Anna Aliyyan Walioullah* dia tsy ampahany amin'ny Azaan. Ankoatr'izany, na dia manao Azaan aza ny Shiita iray ka tsy milaza ireo teny ireo ao anatin'ny Azaan izay ataony dia mety sy marina foana ny antso ho amin'ny fanompoam-pivavahana izay ataony. Fantatra ihany koa fa io fanekena fahatelo io dia tsy anisan'ny Tashahod amin'ny rakaat faharoa sy amin'ny rakaat farany amin'ny fanompoam-pivavahana rehetra. Ny Tashahod dia vakiana toy izao: ***"Ash-hado Alla illaaha***

***Illallaaho Wahadaho Laa Shariika Lah-wa Ash-hado Anna Mohammadan Abdohoo wa Rasooloh.”***

Ny teny *Aliyyan Walioulla* dia manambara fa i Ali (a.s) dia tena marina teo amin’ny Fitiavany sy ny fankatoavany an’Andriamanitra, Ilay Be indrafo. Mitovy amin’ny zavatra voalazan’ny andininy: “fantaro fa ireo sakaizan’Andriamanitra dia tsy manana tahotra na ahiahy na dia kely aza.”

Ireo hatsaràn’i Ali (a.s), ireo fahafoizan-tenany, ireo ezaka masina (Jihad) nataony sy ny toerany eo anilan’ny Mpaminanin’Andriamanitra (s.a.w.s) no manosotra azy ho toy ny lehiben’ireo sakaizan’Andriamanitra (waliyoullah) aorian’ny Mpaminany (s.a.w.s). Noho izany, ny fanekena Aliyyan Walioullah dia toy ny vakiteny afatrafarin’ny Mouazzin (ilay mpanao antso ho amin’ny fanompoam-pivavahana), rehefa mamaky moramora ny salawaat izy sns. Ankoatr’izany anefa, ny famakiana ny Aliyyan Walioullah dia avy amina toe-javatra ara-tantara maro samy hafa sy ireo fepetra hentitry ny Shi-ita izay manaiky ny Wilaya. Amin’izao fotoana izao, satria efa lasa ny fotoan-tsarotra, ireo Shi-ita dia mihevitra fa ilaina ny mamaky izany amin’ny feo avo. Ny Aliyyan Walioullah dia tsy manimba ny Azaan raha tsy hoe heverina ho toy ny ampahan’ny Azaan izany. Araka ny efa nolaizaiko tany aloha, i Ali dia sakaizan’Andriamanitra. Ny Silamo rehetra dia mifanaraka amin’izay lafiny izay. Ny Mpaminanin’Andriamanitra (s.a.w.s) dia nampahafantatra io toe-javatra io tamin’ny vahoaka tahaka izao:

"N'iza n'iza mandray ahy ho Lehibeny, dia indro fa Lehibeny ihany koa i Ali." (Sahih Tirmidhi Boky faha. 2 Pj. 298)

## HAYYA A'LAA KHAIRIL AMAL

**Solaimana: Ny Shi-ita dia manampy ihany koa ireo teny *Hayya a'laa khairil a'mal* (Faingana ho any amin'ny asa faran'izay tsara indrindra). Ho an'ireo Sounnita, dia efa fahazarana ny fitenenana hoe, *Assalaato khairoumminan nawm* (Ny fanompoana dia tsara noho ny tori-maso) amin'ny Azaan atao ho an'ny fanompoam-pivavahana amin'ny maraina.**

**Ja'far:** Mba eritrereto kely ry rahalahy. Ny teny hoe ***''Hayya a'laa khairil a'mal''*** dia mbola ampahany tokoa anisan'ny Azaan tamin'ny andron'ny Mpaminany masina (s.a.w.s), nandritra ny fitondran'ny Kalifa Abou Bakr ary nandritra ny tapany voalohany tamin'ny fitondran'ny Kalifat Oumar ibn Khattab. Fa, i Oumar no nanala io teny io tao amin'ny Azaan ary misy lahatsoratra maro mifandraika amin'izany. Ary araka ny hadith iray nangonin'i Ibn Masood, ny Mpaminanin'Andriamanitra (s.a.w.s) dia nibaiko ireo vahoaka mba hiteny hoe ***''Hayya a'alaa khairil a'mal''*** ao anatin'ny Azaan sy ny Iqaamah. Io fahazarana io dia nitohy hatramin'ny fotoan'andron'i Oumar izay nanafoana azy. (Sahih Mouslim Bok. I, Pj 48)

Nefa kosa, inoanay fa ny teny hoe ***'As-salaato khairoumminan nawm'*** dia tsy anisan'ny Azaan sy ny Iqaamah. Tsy misy porofo na iray aza amin'ny fisian'ireo teny ireo nandritra ny fotoan'andron'ny Mpaminany Masina (s.a.w.s) sy nandritra ny fitondran'ny Kalifat Abou Bakr. I Oumar ibn Khattab no nanampy ny teny hoe As-salaato khairoumminan nawm araka ny voalaza ao anatin'ny Muwattah an'i Imam Malik.

Indray andro, nandeha tany an-tranon'i Oumar ibn Khattab ilay Mouazzin mba hangataka alàlana aminy mikasika ny vavaka fanompoana maraina (soalatoul-fadjr) ka, nahita azy mbola natory. Hoy ilay Mouazzin niteny hoe ***''As-salaato khairoumminan nawm''*** (ny fanompoana dia tsara noho ny torimaso). Hitan'i Oumar nahafinaritra izany teny izany, nankafiziny ka nanome baiko ny hanampiana izany ao anatin'ny Azaan amin'ny maraina izy.

## NY FAMPITAMBARANA IREO VAVAKA FANOMPOANA (SOALAT)

**Solaimana : fantatra fa ny Shiite dia mampitambatra ireo vavaka fanompoana anankiroa "zohr-Asr" ary "Maghrib-Isha", ataon'izy ireo foana izany na tsy misy zavatra manery azy aza.**

**Ja'far:** Ny mpino silamo rehetra dia manaiky fa azo atao ny manambatra ireo vavaka fanompoana anankiroa "Zohr-Asr" ary "Maghrib-Icha" , fa ny fanontaniana mipetraka dia hoe, inona

ireo antony ahazahoana alalana manao izany. Ny mpino silamo rehetra dia manaiky fa azo atao ny manambatra ny soalat “Zohr-Asr” any Arafat (mandritra ny hajj), ary torak’izany koa ny “Maghrib-Icha” any Mouzdalifah mandritra ny fivahinianana masina hajj. Fa misy kosa anefa amin’ny Ahloul Sounnat no tsy manaiky ny fampitambarana azy ireo na dia misy antony manokana aza, toy ny orana, ny fandehanana lavitra, ny aretina, ny fatahorana sy ireo zavatra manahirana sasany. Fa ny Shiite kosa dia milaza fa azo atao ny manambatra ireo vavaka fanompoana soalat amin’ny anton-javatra rehetra, na misy zavatra manahirana na tsia. Izany hoe azo atao foana izy io amin’ny lafiny rehetra, na dia misy aza ireo manam-pahaizana sasany milaza fa ny fanaovana aza io misaratsaraka no tsara kokoa.

Ireo manam-pahaizana (fogaha) Shiite dia mitondra porofo mazava mikasika izany, amin’ny alalan’ireo hadith marina voalazan’ny Mpaminany (s.a.w.s) sy izay voalazan’ireo Ahloul Bayt, ary misy koa andininy ao amin’ny kor’any manamarina izany :

“Tanteraho ny vavaka fanompoana (soalat) amin’ny fitongilanan’ny
masoandro, ka hatramin’ny aizin’ny alina, ary (ataovy) koa ny famakiana (ny Kor’any) amin’ny vaomangirandratsy, fa ny famakiana amin’ny vaomangirandratsy dia misy vavolombelona.”

(Sourat Al-isra 17 : 78)

Mazava amintsika amin’io andininy io fa misy fotoana anankitelo no fanaovana ny vavaka fanompoana (soalat) : ny fotoanan’ny Zawal ( na ny fikisahan’ny masoandro miala ny mitataovovona), amin’ny fiatombohan’ny maghrib (filetehan’ny masoandro), ary amin’ny vaomangirandratsy. Maro ireo hadith hitanay ao

amin'ny bokin'ny Ahloul Sounnat manamarina io resaka voalaza teo aloha io, izay hita ao amin'ny Sahih Mouslim, Boukhari sns…Ary i Ibn Abbas dia milaza hoe :
« Ny Irak'Andriamanitra (s.a.w.s) dia nanatanteraka ny vavaka fanompoana Zohr sy Asr miaraka tsy misy tebiteby na fandehanana lavitra. Nilaza i Abou Zoubair fa izy dia nanontany an'i Said hoe, naninona ny Mpaminany no nanao toy izany (nanambatra soalat) ? Namaly izy fa Ibn Abbas ihany koa dia nanontany toy ny zavatra nanontaninao ahy. Namaly ny Mpaminany fa tsy tiany ho tratry ny fahasarotana ny vahoakany (Oummat).
(Sahih Mouslim, toko, fampitambarana ireo vavaka fanompoana anankiroa)
Nilaza i Ibn Abbas hoe :
« Nanao vavaka fanompoana (soalat) miisa valo Raka'at ny Mpaminany tamin'ny soalat Zohr sy Asr, ary fito raka'at tamin'ny maghrib sy Icha izay natao niaraka.
(Sahih Boukhari, boky 2, Hadith 270)

Nilaza ihany koa ny dadan'ny Salimo nanao hoe :
« Ny Mpaminany dia nanana fahazarana mampitambatra ny fanatanterahana ny soalat Maghrib sy Icha rehefa maika handeha lavitra. »
(Sahih Boukhari boky 2, hadith 209)

# NY FAMPIKAMBANANA NY TANANA ANANKIROA REHEFA MANAO SOALAT

**Solaimana : fa maninona no hasarakareo ny tananareo rehefa manatanteraka soalat ianareo, fa tsy hakambanareo sahala amin'ny ataonay ?**

**Ja'far :** Araka ny fampianaran'ny Ahloul Bayt (as), ny fampikambanana ny tanana anankiroa rehefa manao soalat, dia tsy misy baiko maniraka amin'ny fanaovana izany, ary tsy ara-dalana. Fa ny tokony ataon'ny mpino silamo dia ny fanatanterahana ny soalat araka izao fomba manaraka izao izay voalaza ao anatin'ny hadith :

Nilaza ny Irak'Andriamanitra nanao hoe :

« Mivavaha ianareo sahala amin'ny fomba ahitanareo ahy mivavaka »

(Biharoul-Anwar, boky 85, pj 279)

Ka ny fampitambarana ny tanana anankiroa (rehefa manao soalat) dia zavatra tsy nisy izy io tamin'ny andron'ny Mpaminany (s.a.w.s), ary tamin'ny andron'ny khalifa Abou bakr dia mbola tsy nisy ihany koa izany, eny fa na tamin'ny voalohadohan'ny fitondran'ny khalifa Oumar dia mbola tsy nisy izany. Misy tatitra ara-tantara manaporofo izany.

Ankoatra izany, ireo Maliki dia mahita fa tsy misy didy mibaiko amin'ny fampitambarana ny tanana anankiroa rehefa manatanteraka soalat. Ary na ireo rahalahy Sounita sasany aza

dia mametraka fa Moustahab (azo atao) fa tsy Wajib (voatery) ny fampitambarana ny tanana anankiroa rehefa manao soalat.

## TOURBAH (vaingan-tany hanaovana fiankohofana)

**Solaimana : fa maninona ianareo Shiite no mametraka karazana vato kely eo anoloanareo rehefa manao soalat, mba hametrahanareo ny handrinareo rehefa manao fiankohofana ? Voalaza fa mivavaka amin'io vato kely io ireo shiite.**

**Ja'far :** Ahoana moa no ilazana fa ireo Shiite dia manompo vato, nefa fantatrareo tsara fa izy ireo dia milaza manompo an'Andriamanitra tokana, ary mino ny Mpaminany Mohammad (saws) ? Tsy manompo vato izahay, ary tsy manompo zavatra hafa ankoatran'Andriamanitra, ilay Tokana. Fa ny vato izay hapetraka eo anoloana dia mba hametrahana ny handrina rehefa manao fiankohofana.
Raha ohatra ka marina ny zavatra lazainao, dia maninona ary ny lalana Islamika Shiite no milaza fa tsy maintsy mitodika any amin'ny Ka'aba (Qibla) izy ireo rehefa mivavaka ?
Ary ankoatra izany, tsy vato araka ny lazainareo izy io, fa vaingan-tany maina, mora ho entina ary mora ampirimina. Tourbah no fiantson'ny olona azy ary ny mpino silamo dia manaiky ny hiankohoka amin'ny fotaka na amin'ny vaingan-tany maina.

**Solaimana : te-hilaza ve ianao fa hoe tsy mety ny miankohoka amin'ny zavatra hafa (ankoatran'ny tany) ?**

**Ja'far :** araka ny lalàna ara-pinoana Shiite, ny fiankohofana (Sajdah), dia tsy mety raha tsy amin'ireto zavatra manaraka ireto :

-Izay zavatra avy amin'ny tany, toy ny vovoka, fasika, marbra sns

-Izay zavatra maniry avy amin'ny tany fa tsy natao ho hanina na fifafiana, ka anisan'ny mety hiankohofana ny hazo, ravin-kazo, palma sns

-Taratasy : ireo lalàna rehetra voalaza teo aloha ireo dia mifototra amin'ireo hadith sy fomba amam-panaon'ny Mpaminany masina (saws), sy ireo taranany izay voadio (Ahloul Bayt).

Nilaza ny Mpaminany masina (saws) hoe : "Ny tany dia natao ho toerana madio hiankohofana (sajdah)." Noraisin'ny Irak'Andriamanitra ho zavatra tsy mety ny fiankohofana amin'ny zavatra hafa ankoatran'ny tany.

Hita misy vovoka ny handrin'ny Mpaminany sy ny oriny noho ny fiankohofana (sajdah). Tsy noekeny hiankohoka amin'ny zavatra hafa tsy avy amin'ny tany ireo mpanaradia azy, toy ny voalazany amin'ireo hadith sasany. Ary rehefa mitaraina ny olona amin'ny hafanan'ny fasika ao amin'ny Moske, dia nomen'ny Mpaminany alalana izy ireo mba hitazona ampahany amin'izany amin'ny tanany, amin'izay mangatsiatsiaka, ka afaka miankohoka amin'izany izy ireo. Ka raha ohatra hoe, azo atao ny miankohoka amin'ny zavatra hafa dia tsy nangataka izany tamin'ny Mpaminany izy ireo, ary ny Mpaminany ihany koa dia hanoro-hevitra azy ireo hiankohoka amin'ny karipetra (tapis) na zavatra hafa

(Mousnad Ahmad boky 1, pj 388)

Mazava ihany koa araka ireo hadith fa Andriamanitra dia nanome alalana ny Mpaminany (saws) sy ireo mpino silamo fa afaka miankohoka amin'ireo zava-maniry izy ireo raha ohatra ka tsy zavatra ilaina atao sakafo izany na atao fitafiana. Ary ny Irak'Andriamanitra (saws) dia nanamboatra "khoumra" ho an'azy, ka izany dia karazana vaingan-javatra natao avy amin'ny ravina palma.

(Sahih Boukhari, boky 1, Pj 9, kitaboul-haiz)

Nitantara i Abou Said Al-khoudri hoe :

"Hitako ny Irak'Andriamanitra niankohoka teo amin'ny fotaka sy rano, ary hitako izy fa misy diana eny amin'ny handriny."

(Sahih Boukhari, boky 1, Hadith 798)

Nilaza i Abdoullah bin Shaddad hoe :

Niteny i Maimouna : "nipetraka teo akaikin'ny Irak'Andriamanitra aho, ary izy eo ampanaovana soalat, ka rehefa miankohoka izy dia mikasoka amiko ny akanjony, ary izy dia miankohoka eo amin'ny khoumra (karazana tsihy kely, natao ampy ho an'ny tarehy sy ny tanana rehefa manao fiankohofana mandritra ny soalat)

(Sahih Boukhari, Boky 1, hadith 376)

Ny tany no zavatra mendrika hiankohofana indrindra ary maneho ny fankatoavana sy ny fanetre-tena eo anatrehan'ny Voninahitr'Andriamanitra, Ilay mendri-pedirena. Ka izany no mahatonga ireo Shiite miankohoka amin'ilay tany, be hasoavana sy be voninahitra indrindra eto amin'izao tontolo izao, dia tsy inona moa izany fa ny tanin'ny karbala, noho ny fisian'ny fasan'ny Imam Housain (as). Torak'izany ihany koa ny fasan'ny khorasan (Iran) izay nahazo fahasoavana manokana noho ny fisian'ny fasan'ny Imam Ali Moussa Ar-Ridha (as).

Ary tena tsara ihany koa raha ohatra ka azonay natao ny naka ny tourbah ny Makka sy Madinah. Ny tourbah no heverina fa madio indrindra manoloana ny zavatra rehetra misy ety amin'ny tany, satria ireo zavatra hafa dia mety hanana fisalasalana ny fahadiovany, ka noho izany dia tsara ny manao fiankohofana amin'ny Tourbah. Ary ny fakana fotaka amin'ny toerana nahazo fahasoavana manokana avy amin'Andriamanitra dia tsy zava-baovao izany teo amin'ny finoana Islamo. Araka ny fantatra fa ny manam-pahaizana faqih Masrouq ibn Ajda (d.62 A.H) dia nanana fahazarana mitondra vaingan-tany kely avy any Madinah mba hanaovany fiankohofana. Amin'ny bokin'ny Ibn Abi Shayba, Al Mousannif, ao amin'ny toko, "ireo mitondra zavatra ao anaty sambo mba hanaovana fiankohofana" Ity hadith ity dia voatatitra amin'ny alalan'ny lovan-tsofina izay manana lalana anankiroa. I Masrouq dia nanana fahazarana mitondra vaingan-tany kely rehefa mandeha lavitra amin'ny sambo mba ho hampiasainy rehefa manao fiankohofana.

(Tabaqaatoul-kourba boky.6, Pj 79)

## NAMITAKA ILAY MAHATOKY

**Solaimana : Rehefa avy nanao soalat ianareo, dia atsanganareo ny tananareo sady averimberinareo in-telo ny teny toy izao : "khaanal-Amine, khaanal-Amine, khaanal-Amine" (izay midika hoe : namitaka ilay mahatoky (Jibrail as)**

**Ja'far :** fanendrikendrehana tsy marina izany, mitovy amin'ireo zavatra izay nolazainao tamin'ireo adihevitra nataontsika teo aloha. Tsy azonareo fa ny filazana zavatra toy izany, dia fiantsiana ady sy fanoherana ny finoana nalefan'Andriamanitra.

Hamafisina fa araka ny fampianarana napetraky ny Ahloul bayt (as), dia amin'ny alalan'ny Takbir in-telo (ALLAH AKBAR) no hamaranan'ny Mpaminany (saws) ny vavaka fanompoana (soalat) ataony.

Ny fanaovana izany dia manaraka ny fampianarana marina noentin'ireo manam-pahaizana, ary anisan'ireo teny tokony ho lazaina aorian'ny fahavitana ireo soalat tsy maintsy atao, toy ny fiderana an'i ALLAH, ny fanaovana Doua, ny fiankohofana ho fisaorana an'i ALLAH (sajda-i-Shoukr). Maro ireo andininy ao amin'ny kor'any mamporisika amin'ny fitenenana takbir (ALLAH AKBAR).

« Dia ankalazao ny halehiben'ny Tomponao (fakabbir) »

(Sourat Al-mouddathir 74 : 3)

« …ary tsy manana mpiahy Izy amin'izay mety ho fanambaniana". Koa derao avo dia avo ny Fahalehibeazany. »

(Sourat Al-isra 17 : 111)

« …Ary aoka ho fenoinareo ny isan'ny andro takiana, ary deraonareo ny halehiben'Andriamanitra tamin'ny nanitsiany anareo, mba hahatonga anareo hankasitraka. »

(Sourat Al-baqarah, 2 : 185)

Ny Takbir dia ampiasaina amin'ireo asa fanompoana maro, anisan'izany ny soalat, ary rehefa handeta biby ihany koa isika dia manao Takbir, torak'izany koa rehefa manao soalatoul-mayyit (vavaka ho an'ny maty)

Namerimberina nanonona ny teny fiderana ALLAH AKBAR ny Irak'Andriamanitra (saws), rehefa nahazo an'ny MAKKA, ka tamin'izay fotoana izay dia izy sy Ali (as) no niditra tao amin'ny ka'aba mba hanala ireo sampy.

Araka ny efa nolazaintsika tany amin'ny voalohadohan'ity boky ity, ao amin'ny toko miresaka mikasika ny faminaniana, sy ny hadisoana izay nolazaina fa nataon'i Jibrail (as), satria misy olona manendrikendrika fa ny shiite dia manana finoana, fa i Jibrail (as) dia nanao fahadisoana tamin'ny nanolorany ny faminaniana tamin'ny Mpaminany (saws) izay tokony ho natolony an'i Ali (as)!!!

Mangataka fiarovana amin'Andriamanitra izahay manoloana izany ! ary izay olona nilaza izany dia handray tsy ho ela ny zavatra sahaza azy avy amin'Andriamanitra amin'ny fanendrikendrehana tsy marina nataony tamin'ireo mpino silamo.

## WOUZOU (fidiovana masina)

**Solaimana : araka ny zavatra hita dia fantatra fa tsy manasa tongotra ny shiite rehefa manao wouzou, ary misy zavatra hafa ihany koa mahasamy hafa ny fanaovan'ny Shiite-Sounit wouzou ?**

**Ja'far :** handao aloha tsy ho jerentsika ireo zavatra sounna sy Moustahabo rehefa manao wouzou, amin'izay isika tsy miresaka afa-tsy ireo wajib (tsy maintsy atao)

Marina tokoa fa tsy manasa tongotra ireo shiite rehetra manao wouzou, fa ny zavatra ataon'izy ireo dia misafo (masah) ny tapi-tongony, ka ny tanana havanana no misafo ny tongotra ankavanana, ary ny tanana havia no misafo ny tongotra ankavia. Ary toy ireo asa fanompoana rehetra, dia mazava loatra fa misy hadith marina voalazan'ny Mpaminany (saws) sy ireo ahloul bayt (as) manaporofo izany.

I Abil Aswad dia nitatitra hadith iray nolazain'i Abbas bin Tamiim, fa ny Rainy dia nilaza hoe : « Hitako ny Mpaminany (saws) nanao wouzou ka nisafo ny tongony. »

Ny Imam Mohammad ibn Ali ibn Houssain ibn Ali ibn Abi Talib, Al Baqir (as) dia nilaza ny fomba fanaovan'ny Mpaminany (saws) wouzou, ka nambarany fa ny Irak'Andriamanitra (saws) dia misafo loha sy misafo ny tongony hatreo amin'ny kitrony amin'ny alalan'ny tanany izay efa mando, ka tsy maka rano intsony izy rehefa manao izany.

Ary na i Ibn Abbas aza dia nilaza fa ny Mpaminany (saws) dia misafo ny tongony rehefa manao wouzou.

Torak'izany koa ny shiite, manaraka ny andininy voalaza ao anatin'ny kor'any mikasika izany :

« …safoy (amin'ny tànana mando) ny lohanareo sy ny tongotrareo hatreo amin'ny kitro. »
(Sourat Al-ma-idah 5 :6)
Araka ny fanazavana io andininy voalaza io, sy araka ny fitsipi-pitenenana arabo, ary koa araka ny fahitan'ny akamaroan'ireo manam-pahaizana, fa ny didy mipetraka amin'io andininy io dia ny fisafoana ny tongotra fa tsy manasa.

**Solaimana : fa angaha tsy ny manasa tongotra no fomba tsara kokoa amin'ny fidiovana ?**

**Ja'far :** Ny fiezahana manao zavatra tsara dia mety, saingy eto isika dia tokony manaraka ireo fitsipika napetraka amin'ny fanompoana. Tsy voatery ho antsika mpanompo ny mahafantatra ny antony sy ny zavatra fonoson'ny fanompoana izay takiana ataontsika. Ny asa fanompoana rehetra dia misy endrika ara-materialy sy ara-panahy avokoa, ka ny endrika ara-

panahy dia Andriamanitra irery ihany no tena mahafantatra izany. Ny adidintsika mpino silamo dia manatanteraka izany araka ny didy voalaza ao anatin'ny kor'any sy amin'ny alalan'ireo hadith. Tsy azontsika atao ny manao mihoatra ny fetra efa napetraka.
Ka ny mikasika ny hoe, ny fanasana tongotra no manadio kokoa noho ny fisafoana, dia mamela ahy ianao hampatsiaro fa tokony ho madio (tahir) avokoa ny faritra rehetra atao wouzou mialohan'ny hanatontosana izany, izany hoe efa madio (tahir) avokoa ny tarehy, ny tanana, ny loha ary ny tongotra. Ny fanaovana masah (fisafoana) amin'ny faritra misy Najis (loto) dia tsy mety.
Fanampin'izany, raha ohatra ianareo ka te-hitandrina misimisy kokoa ny resaka fahadiovana, dia tokony ho fantatrareo fa ny fomba tsara indrindra hahatratrarana ny fahadiovana feno dia ny fanatanterahana fandroana isaky ny hanao soalat.
Ary tsy tokony ho adino ihany koa, fa ny zavatra rehetra dia tokony raisintsika madio avokoa mandrapahatonga antsika hahafantatra fa maloto (najis) izany.
Mitovy hevitra avokoa ireo manam-pahaizana ara-pinoana mikasika izany fitsipika izany.

**Solaimana : Inona avy ireo zavatra tokony atao rehefa manao wouzou araka ny fampianarana shiite ?**

**Ja'far :** Rehefa manao wouzou dia tokony sasana in-telo ny tanana hatreo amin'ny hato-tanana, manontsam-bava in-telo, ary manasa orona in-telo. Aorian'izany dia miditra amin'ny fanatanterahana ireo zavatra tsy maintsy atao ao anatin'ny wouzou, dia tsy inona moa izany : manasa tarehy, avy eo manasa ny tanana havanana manomboka eo amin'ny kiho ka hatrany

amin'ny lohan-dratsan-tanana, ary manasa ny tanana havia torak'izany ; avy eo misafo ny loha amin'ny tanana havanana izay mando, ary ny farany dia misafo ny tapi-tongotra havanana sy havia araka ny efa nazavaintsika teo aloha. Raha mila te-ahafantatra ny antsipirihany mikasika izany ianao, dia tsara raha miverina mamaky ireo boky mikasika ireo lalàna ara-pinoana Shiite.

## TSINAM-BOLANA

**Solaimana : Any amin'ny tanana misy anay, dia misy shiite vitsivitsy, tsara fanahy izy ireo, Alhamdolillahy, saingy izy ireo indraindray dia manao fety IDE indray andro na roa andro mialoha anay ; ahoana ny fomba hanazavanao izany ?**

**Ja'far :** Ny mpino silamo rehetra dia manaiky ity didy aman-dalana islamika manaraka ity :
« Aoka ianareo hanomboka hifehy raha vao hitanareo ny volana, ary aoka ianareo hanajanona ny fifehezana raha vao hitanareo ny volana. »
Ny andron'ny Ide-oul-fitr no manasaraka ny volana anankiroa, Ramadan sy Shawwal ; ary ny Shiite dia manaraka antsakany sy andavany ireo fomba amam-panao Islamika.
Amin'ny iray amin'ireto fomba manaraka ireto no hahafahan'ny shiite mino fa niseho marina ny tsinam-bolana :
-Raha ohatra ny olona iray ka nahita maso fa niseho ny volana
-Raha nisy andian'olona nilaza sy nanamafy fa nahita volana izy ireo, ka atokisana izany, ary afa-po ianareo amin'ny filazana ataon'izy ireo.

-Raha misy olo-marina anankiroa nilaza fa nahita volana izy ireo
-Raha ohatra ka efa feno 30 andro ny sha'ban, dia tsy maintsy miditra ny andro voalohany amin'ny volana Ramadan. Ary raha ohatra ka efa feno 30 andro ny volana Ramadan, dia tsy maintsy miditra ny andro voalohany amin'ny volana shawwal.
Araka ny fampianarana Shiite, raha misy iray amin'ireo fepetra ireo no feno, dia ampy izany hiheverana fa efa niseho ny tsinam-bolana.
Fa raha tsy mipetraka kosa ny iray amin'ireo fepetra ireo, dia tsy afaka ho ekena ny fisehoan'ny tsinam-bolana, na dia misy shiite iray aza nilaza fa nahita volana. Ny mahatonga ny fahataraikana matetika dia noho ny resaka tsinam-bolana, ary izany dia manam-porofo fa manara-dalàna ireo shiite ka tsy manao hadisoana amin'ny asa fanompoana ataon'izy ireo.
Ka raha misy tsy fitovian-kevitra na tsy fifanarahana mikasika ny tsinam-bolana, dia tsy fahadisoan'ny shiite izany, ary ny tsy fitovian-kevitra sahala amin'izany dia hita foana eo anivon'ireo sampam-pinoana Islamo (sekta).
Efa iraisana ny tsy fitovian-kevitra eo amin'ny samy mpino silamo, ka na dia eo amin'ny samy firenena silamo aza dia hita izany .

## ZAKAT

**Solaimana : Mety ve izany hoe, ireo shiite dia tsy mandoa Zakat nefa izy io dia voalaza matetika ao anatin'ny boky masina kor'any ? fa ho solon'izany dia mandoa khoms izy ireo izay tsy voalaza afa-tsy indray mandeha monja ao amin'ny kor'any, ary**

**tsy mitaky afa-tsy ny hanomezana ny iray ampahadimin'ireo harena voababo tamin'ny ady ?**

**Ja'far :** Tsy marina izany hoe ny Shiite dia tsy mandoa Zakat, nefa izy io dia voalaza ao anatin'ny boky masina kor'any. Fa handao aloha isika hiezaka hahafantatra tsara ny dikan'ny Zakat.
Araka ny rakibolana, ny Zakat dia midika hoe fanadiovana, na voatso-drano na voahasina. Ary araka ny Charia, ny Zakat dia tsy maintsy atao (wajib), ary izany dia miseho amin'ny endrika fanomezana ampahan-karena ho an'ireo olona voafaritra homena izany, ka ny Swadaqa sy ny khoms dia anisan'ny Zakat.
Fa araka ny fiteny manokana fampiasan'ny Islamo sy araka ny finoan'ny shiite, ny Zakat dia anisan'ny iray amin'ireo andrin'ny finoana izay miisa dimy. Voalaza ihany koa amin'ireo hadith fa ny fanompoam-pivavahana (soalat) ataon'ireo tsy nanome zakat dia tsy ho ekena.
Ary raha misy olona iray tsy nety nanome zakat, dia maty anisan'ireo Jiosy izy na kristianina
Ny Zakat dia miseho amin'ny endrika anankiroa : Amin'ny alalan'ny harena (vola) sy amin'ny alalan'ny vatana (fitra).

**Solaimana : milaza ianareo hoe « zakat amin'ireo harena », moa ve mandoa Zakat ianareo amin'ireo harenanareo ?**

**Ja'far :** Eny ! mandoa Zakat tokoa izahay amin'ireto harena isan-karazany manaraka ireto :
1-varim-bazaha
2-orge
3-antrendry
4-voaloboka

5-volamena
6-volafotsy
7-Rameva
8-omby
9-ondry

Ireo zavatra voalaza ireo dia handoavana Zakat avokoa araka ny fetra efa voafaritra mazava, ary izany dia atao kajy isa-taona. Ny Zakat dia tsy maintsy atao (wajib) rehefa mihoatra ny fetra voafaritra ny sharia ny habetsahan'ny harena, ary izany dia ao anatin'ny taona iray.
Takiana ihany koa ny fandoavana Zakat amin'ireo harena azo tamin'ny fandraharahana, amin'ny soavaly, sy ireo harena avy amin'ny tany toy vy sns…
Tsarovinareo fa rehefa miteny Zakat ny kor'any, dia voalaza eo ihany koa ny Swadaqa :
« Ny harena fiantrana dia voatokana homena ireo mahantra, ireo fadiranovana, ary ireo izay miasa amin'izany, ireo mbola tambazana ny fony,
ny famotsorana andevo, ireo izay vesaran'ny trosa sy ireo miasa amin'ny
làlan'Andriamanitra, ary ho an'ny mpandeha lany vatsy. Didy avy amin'Andriamanitra izany! Satria Mahalala ny zavatra rehetra sy be
fahendrena Andriamanitra. »

(Sourat  At-taobah 9 : 60)

Tsy noraisina ho toy ny zakat amin'ny harena izany. Ny zakat dia voalaza ho toy Swadaqa ary indray mandeha ihany izany no

voambara, fa ny teny hoe Zakat kosa dia miseho matetika ary milaza ny zavatra tokony ho aloan'ny olona iray.
Ary ny khoums ihany koa dia voalaza indray mandeha. Ny Zakat amin'ny harena dia indray mandeha ihany no voalaza ao anatin'ny kor'any ; fa amin'ireo andininy maro izay ahitana ny resaka Zakat, dia tafiditra ao ihany koa ny fanaovana asa soa ho an'ny hafa (Swadaqa).

**Solaimana : Ary inona no dikan'ny Zakatoul-fitra ?**

**Ja'far :** Ny fanomezana Zakatoul-Fitra dia tsy maintsy (wajib) ataon'ny mpino silamo rehetra. Amin'ny akampobeny dia amin'ny fiafaran'ny volana Ramadan no fanomezana azy io, rehefa tapitra ny fifehezana.
Tsy maintsy manome azy io avokoa ny olona feno taona, salama saina, ary manana fahafahana manao izany, ho an'ny tenany, sy ireo olona miankina aminy, toy ny ankizy kely, sy ireo olona efa antitra sns…Ny fatran'izany dia 3kg (saa) amin'ny varim-bazaha, na orge, na antrendry, na voaloboka, na vary na ampemba sns…Afaka miverina amin'ireo boky mikasika ny lalàna Islamika ianao raha te-hahita fanazavana amin'ny antsipirihany mikasika ny zakatoul-fitra.

## KHOUMS

**Solaimana : Inona moa ny atao hoe khoums ? izy io mantsy misy tombontsoa ho an'ireo manam-pahaizanareo, dia nataon'izy ireo wajib (tsy maintsy atao), sa tsy izany ?**

**Ja'far :** Ny fitenenana zavatra toy izany dia mifanohitra amin'ny saina sy ny fahamarinana. Tokony ho fantatrareo fa ny khoums dia adidy ara-pinoana, araka ny baikon'Andriamanitra izay voalaza ao anatin'ny kor'any :

« Ary aoka ho fantatrareo fa izay harena azonareo dia an'Andriamanitra ny ampahadiminy sy an'ilay Iraka ary ireo havany
akaiky, ireo kamboty, ireo mahantra ary ireo mpandeha lavitra (sahirana),
raha mino an'Andriamanitra sy izay nampidininay tamin'ny Mpanomponay
tamin'ny andron'ny fanavahana ianareo… »

(Sourat Al-anfal, 8 :41)

Io andininy voalaza eo ambony io dia nambara tamin'ny trangan-javatra manokana ; nefa izy io dia mivelatra amin'ny fotoana rehetra, ary mibaiko ny mpino silamo amin'ny tokony handoavan'izy ireo ny 1/5 ny tombom-barotra azony (ghanimah), sy izay zavatra rehetra azon'izy ireo ka tsy nanaovany ezaka mafy toy ireo harena azo tamin'ny ady. Ireo tombom-barotra azo tamin'ny fandraharahana dia antsoina ihany koa hoe ghanimah tamin'ny fandraharahana sns…
Ka raha izany no fipetrany, dia ahoana no ilazana fa ireo harena azo tamin'ny ady ihany no hakana khoums ?
Voalaza amin'ireo hadithn'ny Mpaminany (saws) sy ireo Ahloul-Bayt (as) fa nisy olona iray nanontany ny Irak'Andriamanitra hoe, mba hazavao amiko ireo teny mandrafitra ny finoana, dia namaly azy ny Mpaminany hoe :

« Mijoro vavolombelona ianao fa tsy tompo afa-tsy ALLAH ary Mohammad dia Irak’Andriamanitra. Tanteraho ny vavaka fanompoana (soalat), ary omeo ny harena fiantrana (Zakat), tanteraho ny fifehezana mandritra ny volana Ramadan, ary omeo ny 1/5 ny tombom-barotra (khoums). »

(Sahih Boukhari, toko khoums)

Mitovy amin’izany ihany koa ny tao anatin’ireo taratasy nalefan’ny Mpaminany (saws) tamin’ireo lehiben’ny foko mba hitarika azy ireo hiditra ny finoana Islamo. Araka ny tatitra voaray dia toy izao ny taratasy nalefan’ny Mpaminany tany Yemen : « ny Governora dia tokony haka ny khoums ho an’Andriamanitra amin’ireo harena azo tamin’ny ady. Tokony ho alainy ihany koa ny Swadaqa izay wajib (tsy maintsy aloa) amin’ireo mpino. »

**Solaimana : raha ohatra ka tsy maintsy aloa marina ny khoums, dia maninona ireo manam-pahaizana Sounnita no milaza fa amin’ireo harena azo tamin’ny ady ihany no tsy maintsy hamoahana khoums ?**

**Ja’far :** Misy ireo manam-pahaizana Ahloul sounnat sasany milaza fa amin’ireo harena ankibon’ny tany, volamena sy volafotsy dia tsy maintsy hamoahana khoums. Azo inoana fa izy ireo dia manaraka ireo hadith sasany voalaza mikasika izany. Fa ireo shiite kosa dia milaza fa ny ambim-bava amin’ny tombom-barotra dia tsy maintsy (wajibo) hamoahana khoums isa-taona, satria mifanaraka amin’ireo hadith sy amin’ny dikan’ireo andininy voalaza ao amin’ny kor’any izany, araka ny fahitan’izy ireo azy, izay milaza fa tsy maintsy (wajibo) aloa ny khoums.

**Solaimana : tiako ho fantatra misimisy kokoa ny antsipirihany momba ny khoums ?**

**Ja'far :** Ny khoums dia midika hoe ny 20% ny hetra ara-pinoana tsy maintsy aloan'ny mpino silamo amin'ny tombom-barotra azony, na amin'ireo harena ankibon'ny tany sy ireo akora isan-karazany, torak'izany koa ireo harena andranomasina toy ny perla sy ny bibisokay (corail), ary izany dia voalaza amin'ny sharia Islamika.
Tsy maintsy handoavana khoums ihany koa ny tanin'ny silamo namidy tamin'ny kafir Zimmi, sy izay faritra tany nalaina ho fananana manokana nefa azo tamin'ny fomba tsy ara-dalana, ary mampisalasala, miaraka amin'ireo vy izay hita ao anatin'izany.
Tsy maintsy hamoahana khoums ny tombom-barotra azo nandritra ny taona, aorian'ny fanesorana ireo fandaniana nandritra ny taona.

**Solaimana : ny zavatra nazavainao teo dia mahakasika ireo lalàna mifehy ny khoums ; fa afaka hazavainao anay ve ny fomba fikajinareo ny khoums izay aloanareo ?**

**Ja'far :** ho lazaiko amin'ny fomba fohy izany, fa rehefa mifarana ny taona, dia manao kajy aho mikasika ny vola ananako mba hahafahako mahafantatra ny tombom-barotra azoko. Ka io vola io no hangalako 20%, ary homeko atao khoums.

**Solaimana : Manome khoums ve ianao isa-taona ?**

**Ja'far :** tsy takiana amiko izany raha tsy nahazo tombony aho nandritra ny taona, izany hoe tsy mamoaka khoums.

**Solaimana : tsara izany ! Lazao amiko ary hoe, iza no homena ny khoums ?**

**Ja'far :** Ny khoums dia zaraina araka ny didy voalaza ao anatin'ilay andininy miresaka mikasika izany
(Sourat Al-Anfal 8 : 41)
Araka io andininy io, dia zaraina anankiroa ny khoums :

Ny antsasany voalohany, izay voalaza hoe 'sahme Sadaat' : izy io dia homena ny Sayyd izay hita fa mahantra, na kamboty na tsy manana vatsy ho entina amin'ny fandehanana lavitra.
Ny antsasany faharoa izay voalaza hoe 'sahme Imam' (as) : izy io amin'izao fotoana izao dia homena ny Moujtahid izay nahafeno ireo fepetra, na ampiasaina amin'ny fandaniana izay atao amin'ireo zavatra efa nahazoana alalana tamin'ny Moujtahid. Ary mba ho fitandremana, dia tokony ho Alaam (farany manam-pahaizana) ilay moujtahid, ary olona mandray an-tanana ireo raharaham-bahoaka.
Amin'ny akampobeny, ny 'sahme Imam' dia ampiasaina amin'ireo raharaha ara-pinoana, toy ny fampielezana sy ny fanamboarana Moske.

**Solaimana : misy fanontaniana farany mikasika khoums. Voalaza fa ny khoums dia ampiasaina mba hamatsiana vola ireo asa fampihorohorona ?**

**Ja'far :** Ny asa fampihorohorona dia fomba iray ampiasain'ireo sampan'orinasa mampiasa hafetsena izay tsy mitondra tombontsoa ho an'ny Islamo sy mpino silamo. Fantatra fa ireo sampan'orinasa ireo dia miasa mba hampisy korontana sy ady eo

amin'ireo firenena samy hafa, ary mba tsy hampisy fahatoniana ireo fanjakana, ary mamono olona tsy manan-tsiny izy ireo. Nefa izany rehetra izany dia voarara (haraam) avokoa. Ny olona toy izany dia mpanao ny tsy rariny, ka tsy afaka atao Marja-e-diin. Ka noho izany dia tsy afaka mandray khoums izy ireo.

## MOUJTAHID (MANAM-PAHAIZANA MPITSARA)

**Solaimana : Ianareo dia tsy mitsahatra mamerina ilay teny hoe « Moujtahid sy Marja-e-diin » indrindra fa rehefa miresaka mikasika ireo lalàna Sharia'. Iza moa ireo Moujtahid sy Marja-e-diin ireo ?**

**Ja'far :** Ny teny hoe moujtahid dia avy amin'ny teny hoe Ijtihad, izay midika hoe, ireo fahalalana izay notsoahana avy amin'ireo lalàna ara-pinoana sharia'. Ireo manam-pahaizana manokana amin'ny Ijtihad no antsoina hoe Moujtahid. Ary ny Ijtihad dia eken'ny sampam-pianarana sy ny fomba fijery islamika rehetra. Ka izay olona tsy afaka manao Ijtihad noho ny tsy fahampian'ny fahalalany, dia tsy maintsy manaraka moujtahid iray, izay no antsoina hoe Taqlid.
Amin'ny Ahloul-Sounna, dia misy manam-pahaizana efatra lehibe, i Ahmad ibn Hanbal, Malik ibn Anas, Abou Hanifa An-Noa'man ary Idriss Shafiy. Fa taorian'ny fahafatesan'ireo manam-pahaizana efatra ireo, dia nidin'ireo Sounnite ny varavaran'ny Ijtihad, ka ny Sounnite rehetra dia tsy maintsy mifidy ny iray amin'ireo manam-pahaizana efatra ireo ho arahany amin'ny maha-moujtahid azy ireo.

Misy tsy fitoviany kely amin'ny Shiite anefa izany, satria tamin'ny vanim-potoana naha teo ny Mpaminany (saws), dia izy no mitana ny fahefana faratampony amin'ireo lalàna islamika ; rehefa lasa izy dia nafindra tamin'ny Amiroul-Mo'minine Ali(as) izany andraikitra izany, ary rehefa lasa ity farany dia nafindra tamin'ireo Imam izay nandimby azy izany, mandrapahatongan'ny Imam Mahdi (as) izay mbola any amin'ny tontolo tsy hitamaso. Ka tamin'izay vanim-potoana nifanesy teo aloha izay, rehefa manana olana ny Shiite anankiray dia lasa izy mifandray mivantana amin'ny Imam amin'ny vanim-potoana misy azy mba hitady vahaolana.

Saingy noho ny fanjavonan'ny Imam Mahdi (as), ilay Imam faharoa ambiny folo, sy noho ny fahatapahan'ny fifandraisan'ireo Shiite aminy, dia nilaza izy hoe :

« Amin'ireo olana rehetra mitranga amin'ny ho avy, dia aoka ianareo hiverina amin'ireo mpahay ny tantaranay sy ireo teninay ary ny fomba amam-panaonay satria vavolombeloko eo aminareo izy ireo ary izaho dia vavolombelon'Andriamanitra. »

Taorian'io baiko nomen'ny Imam Mahdi (as) io dia nipetraka amin'izay ny Ijtihad sy ny Taqlid teo amin'ny shiite.

Ireo Moujtahid dia manana andraikitra amin'ny fitandrovana ny finoana sy ny fikarakarana ireo mpino silamo nanomboka tamin'izay fotoana izay ka hatramin'izao.

Mba hahatonga ny olona iray ho lasa Marja dia tokony hanana ireto hatsarana sy hahafeno ireto fepetra manaraka ireto izy : Olo-marina, manana fahamatorana, lehilahy ary salama saina. Tokony hanana fahalalana ambony izy izay tonga eo amin'ny ambaratongan'ny Ijtihad. Teraka tamin'ny fomba madio ary mbola velona. Fa azo atao ihany ny manaraka Marja efa maty, saingy misy fepetra, ka ny voalohany amin'izany dia ny fahazoana alalana amin'ny Moujtahid mbola velona, ary tokony ho efa

nanaraka izany Marja izany ilay silamo tamin'ny fahavelomany. Misy ny fanazavana amin'ny antsipirihany mikasika izany amin'ireo boky miresaka momba an'io.

## AYATOULLAH, HOUJJATOULLAH

**Solaimana : Manome anaram-boninahitra isan-karazany amin'ireo manam-pahaizanareo ianareo, sy amin'ireo Moujtahid, afaka hazavainao ve izany ?**

**Ja'far :** Izahay dia mahay mankasitraka ireo olona izay nanome fahasoavana anay ; ary hajainay ny olona manana ny maha izy azy toy izany, ka teny feno fanajana no alefanay amin'izy ireo. Ary amin'ny lafiny politika dia misy ihany koa ny zavatra toy izany, ary indraindray aza dia tafahoatra izany anaram-boninahitra izany, izay omena ireo mpanjaka sy mpitondra. Ireo Hadith anefa dia milaza fa ireo anjely dia mampidina ireo elany eo ambany tongotr'ireo manam-pahaizana ara-pinoana, ary ampidirin'Andriamanitra amin'ny paradisa ireo olona izay mizotra amin'ny lalan'ny fitadiavana fahalalana. Toy izao no voalazan'ny boky masina kor'any mikasika izany :

« …Ireo manam-pahaizana
ihany no tena matahotra an'Andriamanitra, amin'ireo mpanompony… »

(Sourat Fatir 35 : 28 )

Ny anaram-boninahitra hoe ‘Ayatoullah’ (famantarana an’i ALLAH) dia nomena ireo manam-pahaizana ara-pinoana izay tonga amin’ny ambaratongan’ny Moujtahid. Ny boky masina kor’any dia nampiasa ihany koa ny teny ‘Ayatoullah’ na dia amin’ireo biby sy zavatra tsy manan’aina :

« …Inty eto ilay ramevavavy, izay an’Andriamanitra izy io, fa porofo famantarana ho anareo izany… »

(Sourat  Al-a’raf, 7 : 73)

« …Fa anisan’ireo fahagagana avy Aminy ny alina sy ny andro, ny masoandro sy ny volana;… »

(Sourat Foussilat, 41 : 37)

« Ary nalefanay hamely azy ireo àry ny tondradrano, ny valala, ny hao, ny sahona ary ny rà, ho porofo famantarana mazava….»

(Sourat Al-a’raf, 7 : 133)

Amin’izao ary, ahoana ny fahitanao ireo olona izay nanao ezaka lehibe mba hipetrahan’ny lalàna ara-pinoana ‘sharia’, izay hazavana sy tari-dalana ho an’izao tontolo izao ? Ayatoullah dia entina ilazana ireo famantarana sy porofo noho ny ezaka masina nataon’ireo olona nanao izany.
Ary ny Houjjatoullah indray, dia midika hoe porofon’Andriamanitra ; satria ireo manam-pahaizana ireo dia mitondra porofo mikasika ny finoana an’Andriamanitra sy ny fanompoana Azy. Ka ireo vontom-pinoana amin’izy ireo sy ireo manam-pahalalana mikasika ny finoana, ary miasa manao izay

hampandroso ny Islamo sy ny mpino silamo dia mendrika tokoa ny ho antsoina hoe Houjjatoullah.

## NY FANAMBADIANA MANDRITRA NY FOTOANA VOAFETRA (MOUTA')

**Solaimana: Izao indray ary, tiako ny mba hiresaka zavatra mahasanganehana na dia eo amin'ny samy Shi-ita aza: ny Mouta'. Fomba ahoana no hiarovanareo zavatra toy izany nefa tsy misy mahasamihafa ny Mouta' amin'ny fijangajangana?**

**Ja'far:** Mangataka fiarovana amin'Andriamanitra aho. Ahoana no ahafahanareo mampitovy azy roa ireo?

**Solaimana: Raha vao resahana aminareo ireo fombafomba mikasika ny Mouta' dia, tsy mahita zavatra ho tenenina intsony ianareo ary atsahatrareo ny adihevitra.**

**Ja'far:** Tsy marina izany ary tsy misy na dia fombafomba tahaka izany aza. Ary tena mampalahelo tokoa ny fampitovinareo ny Mouta' amin'ny Fijangajangana, satria manjary avadikareo ho zavatra tsy azo atao (haraam) ny zavatra azo atao (halal).

Misy, amin'ny tranga maromaro, izay tsy fitoviana kely fotsiny no mampiavaka ny halal (azo atao) sy ny haram (tsy azo atao). Ohatra, misy fahasamihafany eo amin'ny fanambadiana ao anatin'ny fotoana voafetra sy ny fiarahana aorian'ny fanambaràna ny fisaraham-panambadiana, raha tsy hoe nisy ny famakiana ny 'Swigha'. Amin'izay tranga izay indray, ny fisiana

vavolombelona iray dia tsy maintsy ilaina ho an'ny antokom-pivavahana sasantsasany. Noho izany anefa, lazaina ho manaiky ny fijangajangana izahay satria ny fanambadiana Mouta' dia heverinay fa halal.

**Solaimana: Mamelà ahy amin'iny fahadisoan-kevitra iny, ka mba lazalazao ahy ny antsipirian'ny fanambadiana Mouta'.**

**Ja'far:** Ny Mouta' dia fanambadiana iray izay voafetra ny faharetany. Ny fahasamihafana eo amin'ny Mouta' sy ny Nikah (fanambadiana maharitra) dia, tsy misy fetrany ny fotoana ho an'ny Nikah. Na dia izany aza, mety miafara amin'ny fisaraham-panambadiana ihany koa ny Nikah. Ny Mouta' dia mitovy amin'ny Nikah ihany saingy ny tsy itovizana dia, any am-piandohana dia efa voafaritra ny faharetan'ny fanambadiana ka tonga dia mitsahatra ny fifandraisana aorian'ny fahataperan'ny fe-potoana. Ny Mahar (zavatra omena ilay vehivavy) sy ny fe-potoana dia mila voafaritra tsara alohan'ny hanaovana ny fety famatoram-panambadiana. Misy swigha (teny famatoram-panambadiana) tononin-drazazavavy ary tsy maintsy ekendralehilahy tahaka ny amin'ny Nikah. Ny Mouta' dia mety miafara ihany koa alohan'ny fe-potoana amin'ny fanomezana andravehivavy ny fifandanjam-potoana. Ary aorian'ny Mouta', ilay vehivavy dia tsy maintsy mifehy tena mandritra ny fotoana voafetra alohan'ny ahafahany manambady indray (izay antsoina hoe **IDDAH**).

**Solaimana: Dia ahoana ny momba ireo zaza nateraka avy amin'izany fanambadiana izany?**

**Ja’far:** Ireo zaza azo avy amin’ny Mouta’ dia mitovy sata sy manana ireo zo rehetra izay ananan’ny zaza avy amin’ny fanambadiana maharitra. Mandova ireo Ray aman-dReniny izy ireo ary mitovy toerana amin’ireo rahalahiny. Ireo fitsipika Mahramiyat rehetra (fitsipika ara-pinoana) dia mihatra amin’izy ireo avokoa.

**Solaimana: Ary ahoana ny amin’ny fitazonana sy ny lovan’ilay vehivavy?**

**Ja’far:** Ho an’ny Mouta’, tsy voatery mizaka ny lany rehetra amin’ny fitazonana ilay vehivavy ny vadiny. Ary koa, tsy mifandova ny mpivady ao anatin’io endri-panambadiana io.

**Solaimana: Avy amin’ny lalàna inona no iheveranareo ny Mouta’ ho halal?**

**Ja’far:** Ny Silamo rehetra dia manaiky fa ny Mouta’ dia nahazoan-dalana tamin’ny Mpaminanin’ny finoana Islamo (s.a.w.s). Ny tsy mampitovy hevitra azy ireo fotsiny dia eo amin’ny fahafantarana raha efa nofoanana taty aoriana sa tsia io fahazoan-dalana io. Ka ireo Shiita dia manohana ny foto-kevitr’izy ireo amin’ny alalan’ity andininy manaraka ity: “…Raha efa nahavita ny fahafinaretan’ny nofo tamin’izy ireny ianareo, dia atolory azy ny mahary(*) fa voadidy izany.…” (Sourat An-nissa 4:24)
Raha fakafakaintsika ny tantaram-piainan’ireo mpanaradian’ny Mpaminany masina (s.a.w.s), dia hitantsika fa maro amin’izy ireo no nanao an’io fomba io. Misy hadith maro voalaza ao anatin’ireo boky ‘Sahih’ manamafy io tranga io. Ao anatin’ny Sahih Mouslim, I Ata dia mitatitra manao hoe: “i Jabir bine

Abdoullah Ansari dia tonga tao Makka mba hanao Oumra. Namangy azy tany an-tranony izahay. Ka, izahay rehetra teo dia, nametra-panontaniana taminy mikasika ny lohahevitra maromaro. Rehefa nanontany azy mikasika ny Mouta' izahay, dia hoy izy namaly hoe: Eny, nanao Mouta' izahay tamin'ny andron'ny Mpaminany masina (s.a.w.s) ary nanohy nanao izany ihany koa tamin'ny andron'i Abou Bakr sy Oumar."

Nilaza ihany koa i Jabir hoe: "Nanao mouta' izahay tamin'ny alalan'ny fanomezana Mahar tsotra tamin'ny andron'ny Mpaminany (s.a.w.s) ary nanohy nanao izany izahay tamin'ny andron'i Abou Bakr mandrapahatongan'ny fotoana nanakanan'i Oumar izany tamin'ny zava-niseho mahakasika an'i Amr bine Harith." (Sahih Mouslim Vol.2, Page 706-Anglais)

**Solaimana: Midika ve izany fa misy tsy fitovian-kevitra eo amin'ny samy Silamo mikasika ny maha ara-dalàna ny Mouta'?**

**Ja'far:** Ny Silamo sasany dia mino fa ny fahazoan-dalana amin'ny Mouta' dia nofoanana taty aoriana. Kanefa, ny Shiita dia mino fa ny Mouta' dia tsy voarara mihitsy ary ny alàlana nomen'ny Mpaminany (s.a.w.s) dia manan-kery foana. Ireo hadith voalaza etsy ambony ireo dia manaporofo ihany koa fa ny Mouta' dia nampiharina tokoa tamin'ny andron'ny Mpaminany masina (s.a.w.s), sy tamin'ny andron'i Abou Bakr ary tamin'ny fiandohan'ny fitondran'i Oumar ihany koa. Ka, i Oumar no nandrara izany avy teo. Ny Shiita dia tsy manaraka ny didin'i Oumar satria mifanohitra amin'ny hadithn'ny Mpaminany (s.a.w.s) izany, izay milaza hoe: " Ny Haraam-n'ny Mohammad

(s.a.w) dia mijanona ho Haraam hatramin'ny andro fitsarana farany ary ny Halaal-n'ny Mohammad (s.a.w.s) dia mijanona ho Halaal hatramin'ny andro fitsarana farany." (Bihaaroul Anwaar Boky 2, Pejy 260)

**Solaimana: Manana fanontaniana iray farany aho mikasika an'io resaka io. Moa ve omenao alàlana hanao fanambadiana Mouta' ny zanakao vavy na ny anabavinao?**

**Ja'far:** Tsy voatery tonga dia ho tanterahina avokoa izay halaal rehetra. Ny Mouta' dia alàlana manokana iray neken'ny sharia'. Lalàna iray nekena amin'ireo toe-javatra sarotra. Ary ny fahazoan-dalana amin'ny Mouta' dia tsy mandrisika ny olona hanova azy amin'ny fanambadiana maharitra, toy ny fahazoan-dalana amin'ny TALAQ (divorsa) izay tsy manery antsika hanome talaq an'ireo vadintsika. Ka, zo an'ilay vehivavy sy ny mpiahy azy ny hanam-pikasana hanantitrantitra ny amin'ny fanambadiana maharitra sy amin'ny fepetra maro samy hafa alohan'ny hanekena ny fankalazana ny fanambadiana. Ary, mitovy amin'izany ihany koa, ireo fepetra rehetra ireo dia azo ampiharina amin'ny fanambadiana Mouta'. Ireo fanambadiana anankiroa ireo dia azo ampitahaina amina asa maro samy hafa. Ny sasany dia dokotera, injeniera, ary ny sasany dia mpamafa. Asa daholo ireo rehetra ireo, saingy samy manana ny satany. Noho izany, mitovy amin'izany ihany koa ny fanambadiana, ny olona dia mitia ny tsara indrindra, nefa raha voatery hanaiky ny safidy farany ambany isika, dia tsy tokony hihevitra izany ho ambany.

## FAMPAHATSIAHIVANA

" Ny Haraam-n'i Mohammad (s.a.w.s) dia hijanona ho Haraam hatramin'ny andro farany (Qiyamat)

ary

Ny Halaal-n'i Mohammad (s.a.w.s) dia hipetraka Halaal hatramin'ny andro farany (Qiyamat)"

(Bihaaroul Anwaar Vol 2 Pejy 260)

## NY FANAFENANA (TAQIYYA)

**Solaimana: Amin'izao ary, dia mamelà ahy ianao hiteny hoe, na dia tsy nahafinaritra loatra aza ny resantsika, nisy ihany ny lohahevitra mazava sy mahafapo natolotra. Kanefa, ahoana no hahatony ahy rehefa fantatro fa ianareo Shiita dia manafina ireo tena fomba fijerinareo sy fihetseham-ponareo fa manao ilay antsoinareo hoe TAQIYYA? Ny olona sasany dia mamaritra izany fomba izany ho fihatsarambelatsihy (nifaq).**

**Ja'far:** Tena ilaina ny fandinihana tsara ity resaka ity, tahaka ny noteneniko tany am-piandohan'ny resantsika mikasika ny

Mouta'. Marina fa, misy fahasamihafana eo amin'ny fihatsarambelatsihy (nifaq) sy ny fanafenana (taqiyya).

Ny **Taqiyya** dia midika hoe miaro, mitandrina na malina. Fa, ny **fihatsarambelatsihy** kosa dia fanafenana ny tsy finoana fa mody mampiseho ny finoana. Ho an'ilay taqiyya n'ny Shiita indray dia, marihintsika fa izay asehon'ireto farany, dia tsy misy afeniny mihitsy, fa mila fotsiny mankany amin'izy ireo, na mamangy ireo mosken'ny Shi-ita, ny Imambaras, ny sekoliny, ny serasera amin'ny alalan'ny Internet na ireo Hauz-e-ilmia ihany koa mba hahafahana matsikaritra izany. Ireo Marjas sy ireo Oulamas Shiita dia fanta-daza tsara ary tena mora ny mihaona amin'izy ireo, sy mifandray aminy ary mahafantatra misimisy kokoa ny momba azy ireo. Ny Shiita dia saika hita manerana izao tontolo izao ary miara-miaina amin'ny olon-kafa, tsy sarotra ny mihaona amin'izy ireo sy hitsarana izay tena afenin'izy ireo marina. Fa ny Shiita dia manamafy fa tsy misy na inona na inona afenin'izy ireo, fa ireo mpanoratra, mpanao gazety sy mpikaroka hafa, dia asaina hanao ny fikarohan'izy ireo ary hamoaka amin'ny fomba ofisialy ny vokatra ny fikarohany.

**Solaimana: Koa inona ary izany ny atao hoe Taqiyya?**

**Ja'far:** Ny Taqiyya dia fahazoan-dalana ara-pinoana mandidy ny olona iray hanao izany rehefa eo anatrehan'ny loza mitatao noho ny finoany, na noho ny zavatra hafa tsy azo anoharana eo amin'ny fiainana toy ny harena na ireo fananana manokana.

Hoy ny Kor’any masina manao hoe: “Fa hoy ny lehilahy mpino iray isan’ny fianakavian’i Faraona, izay nanafina ny finoany: “Hamono olona va ianareo, satria izy miteny hoe: Andriamanitra no Tompoko? Nefa dia tonga teo aminareo niaraka tamin’ireo porofo mazava izy, avy any amin’ny Tomponareo…”
(Sourat Ghafir 40:28)

“….Fa izay manao izany, dia tsy hahazo na inona
na inona avy amin’Andriamanitra, raha tsy hoe, misy atahoranareo azy
ireny”

(Sourat Al-Imran 3:28)

**Solaimana: Moa ve azo atao ny Taqiyya amin’ny finoana Silamo?**

**Ja’far:** Eny! Tany am-piandohan’ny finoana Islamo mihitsy, ny Mpaminany masina (s.a.w.s) sy ireo mpanara-dia azy dia nampihatra ny Taqiyya mba tsy hampisehoan’izy ireo ny finoany. Tamin’izany fotoana izany dia, nanana fahazarana mifamory tao amin’ny tranon’i Arqam ry zareo. Ka rehefa nanagadra Silamo anankiroa i Mousaylama kazzab ka nangataka tamin’iray tamin’izy ireo mba hanaiky fa izy dia mpaminanin’Andriamanitra, nanaiky ny anankiray ka voavonjy. Ilay namany kosa nandà rehefa nametrahany io fanontaniana io, ka novonoina. Taty aoriana, rehefa naheno ilay vaovao ny Mpaminany (s.a.w.s) dia nilaza izy, fa “Ilay voalohany dia nanao iny fihetsika iny noho ny alàlana avy amin’i Allah, ary ilay faharoa kosa dia maty martiora.”

(Réf: Ny finoana sy ny fiandohana Shiita – Ayatoullah Kasif al-Ghita)

Fanampin'izany, ny Kor'any dia manamafy :

« Izay mandà an'Andriamanitra taorian'ny ninoany Azy..., afa-tsy izay
voatery, nefa ny fony, dia feno fahatoniana noho ny finoana,… »

(Sourat An-nahl 16:106)

Ny rehetra dia manaiky fa io andininy eo ambony io dia nambara ho an'ny vondron'olona izay voatery nilaza fa tsy mpino izy ireo noho ny fampijaliana nampiharina taminy, ary nisy aza ny sasany no maty novonoina. Rehefa namerina izay naneren'ireo tsy mpino azy ho teneniny i Ammar Yasir, dia niteny ireo olona fa hoe lasa Kafir (tsy mpino) izy. Fa, ny Mpaminany Masina (s.a.w.s) kosa dia nanamafy hoe: "Tsy izany, i Ammar dia vontom-pinoana hatrany an-doha ka hatrany amin'ny rantsan-tongotra. Efa tafiditra any amin'ny ràny sy ny vatany ny finoana.

Ary nitomany i Ammar, nanatona an'ny Mpaminany (s.a.w.s) nanao hoe:"Noterena aho hiteny zavatra (ratsy) mikasika anao sy hitalaho amin'ireo andriamanitr'izy ireo amin'ny teny tsara". Nofafan'ny Mpaminany masina (s.a.w.s) ny ranomason'i Ammar ka niteny izy hoe: "Raha mbola manery anao ireo olona ireo dia, teneno amin'izy ireo indray mandeha izay efa nolazainao tamin'izy ireo." (Tafsir Majmaoul Bayan, amin'ny tafsirin'ny andininy faha 16:106)

Ka dia nambara io andininy io, ary noho izany, ny Taqiyya dia alàlana ara-dalàna, ary ireo fepetrany dia miovaova. Indraindray dia Moustahab izy io, ary indraindray Wajib ary mety ho Haraam ihany koa amin'ny toe-javatra sasany, raha ohatra ka amin'ny tranga izay manan-danja kokoa ny fahafoizan-tena mihoatra ny fiainana na ny fananana.

Ka noho izany antony izany, mahita Shi-ita sasany isika mahafoy ny tenan'izy ireo, fa tsy manao Taqiyya. Sahala amin'ny toe-javatra nahazo an'i Miisam Tammar, Houjr Adi, Amr bine Hamaq al- Khouzaa-i, Roushayd Hijri… Ny Taqiyya izany dia zavatra ara-boajanahary ataon'ny olona iray rehefa eo anatrehan'ny loza izy na manoloana ny loza mihatra amin'ireo eo akaikiny.

Noho izany, rehefa misy andiana fahavalo mahatratra anareo ka manontany hoe, inona ireo fitaovam-piadiana anananareo, inona ny ataonareo amin'izay fotoana izay? Miteny ny marina isika na mampihatra ny Taqiyya.

**Solaimana: Nahoana ary ny Shiita irery ihany no mampihatra io fomba io raha toa ka lalàna Islamika izy?**

**Ja'far:** Ny Shiita no tena nampihatra izany teo amin'ny tantara, satria izy ireo no tena niatrika toe-javatra sarotra, alahelo ary olana maro samy hafa izay tsy nolalovan'ny sasany. Ary indrindra, tamin'ny fitondran'ireo Bani Oummayyah, izay fotoana nanamborana ireo olona nolazaina fa Shi-ita ary naiditra am-ponja, satria ny antony dia mpanara-dian'i Ali (a.s). Anisan'ny iray tamin'ireo fahazarana fataon'ny Kalifa Oummayyad ny

manozona an'i Ali (a.s) eny ambony 'mimbar' (karazana lampihazo fanaovana kabary) ary izay olona ahiahiana fa mitia an'i Ali (a.s) dia naraha-maso akaiky avokoa.Tena nihamafy ny raharaha, hany ka na ireo olona aza dia voatery nanafina ny hevitr'izy ireo, ary tsy manonona ny anaran'i Ali (a.s). Mba hoentin'izy ireo milaza sy manazava ireo teny sy fomba amam-panaon'ny Imam Ali (a.s) dia miteny izy ireo hoe: hoy ny dadan'i Zainab, na koa hoy ilay Shayk manao hoe; Na dia ny teny hoe Shiita aza dia tsy azo nampiasaina, ka ireo voakasik'izany dia mody maka anarana hafa na endrika hafa.

Noho ireo toe-javatra ireo, ny Shiita dia voatery niaro ny finoany sy niaro ny tenany mandra-pahatongan'ny fotoana nahafahan'izy ireo, noho ny fitahin'Andriamanitra, nampita ny fahalalàny sy ny finoany.

Afaka miteny izany isika fa, ny fanaovana Taqiyya dia nanana anjara asa lehibe tokoa, tahaka ny tranon'i Arqam izay niaro ny finoana Islamo nandritra ireo dingana voalohany teo amin'ny fiainan'ny Mpaminany (s.a.w.s).

## HEVITRA VITSIVITSY TSY DIA FANTATRA LOATRA

**Solaimana: Kanefa, inona no lazainareo momba ireo hadith sy fomba amam-panao mifandray amin'ireo Imam (a.s) izay**

**manaporofo ny mifanohitra amin'izay noezahinareo nohamarinina?**

**Ja'far:** Araka ny efa nolazaiko tany ampiandohan'ny resaka nataontsika, izahay dia tsy mihevitra ho marina avokoa ireo hadith sy fomba amam-panao rehetra mifandray amin'ireo Imam (a.s). Ireo manam-pahaizana mikasika izany no manamarina ny fahamarinan'ireo hadith sy fomba amam-panao ireo. Ka ireo hadith sy fomba amam-panao mifanaraka amin'ny Kor'any ihany no azo ekena. Raha ny momba ireo boky sy fanambarana maro samy hafa ireo, ny Shi-ita ihany koa dia mizaka ireo zavatra zakain'ireo sampam-pinoana hafa.

Misy hevitra sasany hampidirina ao anatin'ireo boky Shiita, izay vokatry ny fikarohana manokana nataon'ny olona sasany, ka ireny zavatra ireny indraindray dia lasa fitaovana entin'ny sasany hanenjehana ireo Shiita. Nefa, ny olona tsirairay dia manana zo hanao araka ny finoany aorian'ny faharesen-dahatra sy ny fahafahaham-po. Ny olona tsirairay, dia na izy Moujtahid, na izy Mouqalid (mpanaraka), izany hoe mpanaraka Moujtahid iray izay arahan'ny vondron'olona vitsy na maromaro, izay Marja, nahafeno ireo fepetra rehetra na manao zavatra am-pitandremana.

## TAWHID – NY TENY FIEKEM-PINOAN'IREO SILAMO (KALIMAH)

**Solaimana: Tiako ny mba hanontany anao, hoe, inona amin'ny eritreritrao, ny antony nahatonga ireo tsy fifankazahoana eo amin'ny Shi-ita sy Sounnita?**

**Ja'far**: Raha araka ny fieritreretako azy, ireo antony lehibe manaraka ireto no mahatonga izany:

- Fanendrikendrehana tsy mari-pototra ifanaovan'ny andaniny sy ny ankilany
- Ny tsy faneken'ireo Ahlou Sounnat hanaraka ireo hadith sy fomba amam-panaon'ny Mpaminany Masina (s.a.w.s) izay nolazain'ireo Imam-n'ny Ahloul Bayt (a.s)
- Ny tsy fahampiana na tsy fisian'ny fifanakalozan-kevitra eo amin'ny Shiita sy ny Sounnita. Tokony miezaka mifankahazo isika fa tsy variana mifanenjika sy mifanendrikendrika lava, sy mifikitra amin'ny hevitra tsy eken'ny saina.

**Solaimana: Ahoana no ahafahantsika hitazona ny firaisankina eo amin'ireo sampam-pinoana anankiroa?**

**Ja'far:** Ireto soso-kevitra manaraka ireto no omeko:

- Tokony miankina tanteraka amin'ny Kor'any masina isika sy amin'ireo fomba amam-panaon'ny Mpaminany masina (s.a.w.s) mba hahitana ireo lalàna Islamika tena izy. Tsy tokony heverina ho toy ny Kafiry (tsy mpino) ireo olon'ny Qibla, ary alohan'ny

hilazana hevitra tahaka izany dia, tokony dinihina tsara raha tena marina.

- Tsy tokony heverintsika ho toy ny tsy manao hadisoana avokoa ireo mpitantara sy mpitatitra ireo hadith sy fomba amam-panaon'ny Irak'Andriamanitra (s.a.w.s), ary torak'izany koa ireo mpanaradian'ny Mpaminany (s.a.w.s).

- Tokony manana fomba-pifandraisana betsaka isika mba hahafahan'ny olona mifankahazo moramora kokoa.

- Tokony ho tonga saina amin'ny loza izay hiatrehan'ny vahoaka silamo isika, ary tokony hiady hifanome-tanana manoloana ireo fahavalo izay tsy mitsahatra manao teti-dratsy hanapotehana ireo silamo.

- Tokony ataontsika izay hametrahana ny loha-laharana sy ny zava-dehibe, avy eo isika vao miatrika ny fanamby eo anoloantsika.

## FANENDRIKENDREHANA NY SILAMO IRAY HO TSY MPINO

**Solaimana: Inona ary no ataonareo amin'ny farany raha tsy mitovy hevitra aminareo ny Sounnita? Izany hoe, eritreretinareo fa tsy mpino ireo olona ireo satria tsy mino ny Imamat sy ireo zavatra hafa izay inoanareo?**

**Ja'far:** Araka ny fahitan'ireo Shi-ita, ny Ahlou Sounnat dia rahalahiny amin'ny finoana Islamo. Ny maha samihafa anay fotsiny dia ny fitsipiky ny Imamat, sy ireo finoana sasantsasany ary ny lalàna Islamika. Manana hevitra maro itovizana izahay ary ny tena mavesa-danja indrindra dia ny faneken'ireo rahalahy Sounnita ny maha tokana an'I Allah, ny faminanian'ny Mpaminany farany (s.a.w.s) ary fitodihana makany amin'ny Qibla iray itambarana. Ka izany dia ampy iantsoana ny olona iray silamo araka ny didin'ireo Imamtsika (a.s) sy ireo Oulama. Kanefa, mety mahita ianareo, Shi-ita manohitra ireo Sounnita izay tsy mitsahatra ny manendrikendrika ireo Shi-ita ho Kafiry sy mino Andriamanitra maromaro. Ny tena marina, mbola lavitra ny maha mpino azy ireo, ary tsy mahalala ny atao hoe tsy finoana izy.

I Outhman bine Affan dia nitatitra izao hadith izao avy tamin'ny Mpaminany Masina (s.a.w.s): '' Andriamanitra dia nanakana ny afon'ny afobe tsy handoro izay manaiky ao anatin'ny fony fa Andriamanitra no Tompony ary izaho no Mpaminaniny.'' (Sahih Mouslim, Vol.1, Pejy 22)

Ny Mpaminanin'Andriamanitra (s.a.w.s) dia niteny koa manao hoe: '' Aza antsoina Kafiry (tsy mpino) ireo olona ao amin'ny vahoakanao, eny na dia manao fahotana lehibe aza izy ireo.'' (Kanzoul Oummal, Vol.1)

Misy hadith iray hafa milaza manao hoe: '' Izay manendrikendrika ny mpino iray ho Kafiry dia tena namono azy.

Ary, izay mamono olona iray tsy misy antony dia, ho sazin'Andriamanitra toy ny mpamono olona.''

Miangavy anareo aho mba hamaky ny boky Kanzoul Oummal an'i Mouttaqi Hindi (Vol.1), ho an'izay mila fanazavana amin'ny antsipirihany.

"Misy antokon'olona mihevitra fa ny silamo dia tsy tokony antsoina tsy mpino na mpandika lalàna noho ireo teny fiekem-pinoana ataony na noho ireo fitsarany. Ary, raha misy olona manao Ijtihad, dia in-droa ny valisoa azony raha manana ny marina izy, fa indray mandeha kosa raha manana ny diso izy."

Ary torak'izany ihany koa ny hevitr'i Ibn Abi Laiba, Abou Hanifa, Shafei, Soufyan Thawri, Daoud ibn Ali sy ireo izay fantatro rehetra. Tsy misy manohitra izany hevitra izany, ny zavatra voalaza ao anatin'ireo boky. (Al Fazl, Vol.3, Pejy 247)

**Solaimana: Tokony efa nisy ny fifandraisana teo amin'ny Shi-ita sy ny Sounnita, fa ianareo Shi-ita no mihataka amin'ny olona foana ary mandositra ny fifanakalozan-kevitra.**

**Ja'far:** Mbola fanendrikendrehana hafa izany, fa mety mifanohitra amin'izany ny zava-misy. Hatramin'ny fahagola, ny olona dia niaraka foana teo amin'ny lafiny rehetra. Samy nanana ny mpomba azy ireo antokom-pinoana anankiroa, ary tsy nisy mihitsy resaka momba ny fitondra-tena. Ka izany dia mandà ny hoe tsy nisy fifanarahana teo amin'ny antokom-pinoana anankiroa. Na izany aza anefa, misy mpankasitraka herisetra ara-

pinoana vitsivitsy tsy mahalala ny finoan'ny Shi-ita, ka mampiely resaka tsy marina ary milaza ny olona ho tsy mpino.

**Solaimana: Nafangaroko amin'ireo asa aman-draharaha manokana izany.**

**Ja'far:** Ireo Imam (a.s) dia nibaiko mandrakariva ireo Shi-itany mba hitazona sy hanatsara ny fifandraisany amin'ireo rahalahiny silamo, eny, na dia nandritra ireo fotoana izay niatrehan'ny vahoaka silamo ny tsy rariny sy ny tsindry hazo lena maro samy hafa aza. Nisy nanontany ny Imam Ja'far Sadiq (a.s) hoe : « Ahoana ny fitondra-tenanay manoloana ireo Sounnita izay tsy mitovy finoana aminay ? » Dia namaly ny Imam Sadiq (a.s) hoe: « Vangio izy ireo rehefa marary ary mandraisa anjara amin'ny fandevenana azy ireo… » (Behaaroul Anwaar, Vol.81, Pejy 249)

**Solaimana: Nefa, nilaza hadith iray ianao izay manao hoe : « izay maty ka tsy nahalala ny Imam amin'ny vanimpotoanany dia maty tao anatin'ny habadoana ?**

**Ja'far:** Mamela ahy ianao hilaza aminao indray mandeha fa araka ny fijerin'ny Shi-ita, izay olona rehetra miaiky fa 'La illaha illAllah Mohammadoun Rassoolloullah' dia Silamo. Ary ireo manam-pahaizana rehetra dia manaiky io fitsipika fototra io. Raha toa ka tsy mino ny iray amin'ireo endrika manokan'ny finoana Islamo ny silamo iray, dia tsy lasa tsy mpino izy. Ankoatra izany, tsara marihina fa io hadith voalaza etsy ambony io dia hita ao anatin'ireo bokin'ny Shi-ita sy Sounnita. Ka amin'io hadith io, ny nitian'ny Mpaminany (s.a.w.s) hazavaina dia, ny lanjan'ny

Imamat fa tsy ny dikan'ny atao hoe Kafiry. Amin'ny hadith iray hafa mitovy amin'io, dia nilaza ihany koa ny Mpaminany hoe: "Izay afaka nanatanteraka ny Hajj (Fivahinianana Masina) fa tsy nanao izany mandrapahatongan'ny fahafatesany dia, maty Jiosy na Kristianina."

Izany tsy midika akory hoe, tokony eritreretina ho Kafiry ny silamo tahaka izany, ka tsy handeha amin'ny fandevenana azy isika. Tsia, natao fotsiny hanehoana ny lanjan'ny Hajj no nahatonga ny Mpaminany (s.a.w.s) nampiasa io fomba io.

Noho izany, ny Hadith manambara amin'ny tokony ahafantarana ny Imam dia mikendry hampiseho ny lanjan'ny finoana an'ny Imam Mahdi (a.t.f.s), fa tsy midika akory hoe izay tsy mino azy dia lasa Kafiry.

**Solaimana:** Misaotra betsaka anao ny tenako ary mitalaho amin'Andriamanitra aho, ilay Be Voninahitra mba hitarika antsika amin'ny lalana mahitsy sy amin'izay rehetra Tiany ary Ankasitrany. Hivavaka aho mba hiray hina ny silamo rehetra, hitambatra ary hifanampy mba hanohitra hatramin'ny farany ireo fahavalony sy ireo fahavalon'Andriamanitra. Enga anie hanampy antsika hamaha ny olan'ireo firenentsika Andriamanitra ary hitahy ireo maritiorantsika!

**Ja'far:** Aamiin Rabbal A'lamiin. (Amiin, O ry Tompon'izao tontolo izao).

NY NIANDOHAN'IREO SHIITA....1
IMAMAT sa KHILAFAT....9
IREO FIFANDRAISAN'NY SOUNNITA-SHIITA....24
NY FAMINANIANA SY NY HADISOANA IZAY NOLAZAINA FA AVY AMIN' I JIBRAILA (A.S)....30
IREO FOTOTRY NY LALANA ISLAMO....31
NY KOR'ANY MASINA sa NY (MOUSHAF) HORONAN-TARATASIN'I FATEMAH?....32
Ireo teny sy fomba amam-panao (Ahadith)....35
IREO MPANARA-DIA (SWAHABA)....37
MOUAWIYA SY YAZID....45
NY VADIN'NY MPAMINANY MASINA (SAWS)....50
ABOU TALIB....52
TAWASSOUL....55
TABARROUK....59
SHAFA'AT (FANELANELANANA)....63
NY TSY FANAOVANA FAHADISOANA....66
FAMANGIANA FASANA....70
NY FIVERENANA (RAJA'T)....74
MAHDI, ILAY ANDRASANA....75

FITIAVANA TAFAHOATRA NY AHLOUL BAYT (as) ........................................ 83
IREO FETY ISLAMIKA ................................................................................ 88
MITOMANY HO AN'NY IMAM HOUSAIN (AS) ............................................ 93
MISY FISAKAFOANANA MANDRITRA NY LANONANA (MAJALIS) .............. 101
IREO FANOMPOAM-PIVAVAHANA IOMBONANA ...................................... 103
TARAWIH sy IFTAR .................................................................................. 105
ALIYYAN WALIOULLAH ............................................................................. 109
HAYYA A'LAA KHAIRIL AMAL .................................................................. 111
NY FAMPITAMBARANA IREO VAVAKA FANOMPOANA (SOALAT) ............ 112
NY FAMPIKAMBANANA NY TANANA ANANKIROA REHEFA MANAO SOALAT ........................................................................................................ 115
TOURBAH ................................................................................................. 116
NAMITAKA ILAY MAHATOKY .................................................................... 120
WOUZOU (fidiovana masina) ..................................................................... 122
TSINAM-BOLANA ..................................................................................... 125
ZAKAT ....................................................................................................... 126
KHOUMS ................................................................................................... 129
MOUJTAHID (MANAM-PAHAIZANA MPITSARA) ...................................... 134
AYATOULLAH, HOUJJATOULLAH .............................................................. 136
NY FANAMBADIANA MANDRITRA NY FOTOANA VOAFETRA (MOUTA') .. 138
NY FANAFENANA (TAQIYYA) ..................................................................... 143
HEVITRA VITSIVITSY TSY DIA FANTATRA LOATRA ..................................... 148
TAWHID – NY TENY FIEKEM-PINOAN'IREO SILAMO (KALIMAH) ............. 150

FANENDRIKENDREHANA NY SILAMO IRAY HO TSY MPINO......................151